Boky faha 2 Andiany: Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana

# Mitoetra ao amin'I Kristy

Hoy Jesosy Kristy:
"Tomoera Amiko, ary Izaho ho ao aminareo."

Ahoana no hanatanterahana izany?

HELMUT HAUBEIL

**Trano Famoaham-boky:**
TOP Life Wegweiser-Verlag GmbH, Wien Austrian Publishing House

Edisiona voalohany tamin'ny teny Anglisy, Oktobra 2016
Edisiona faharoa tamin'ny teny Anglisy, Janoary 2019
Edisiona fahatelo – Nasiam-panitsiana sy nasiana tari-dalana fandalinana, Aogositra 2019

**Mpamokatra:**
Konrad Print & Medien, www.konrad-medien.de

**Mpamolavola:**
Simon Eitzenberger, www.desim.de

**Raha hifandray sy hanao komandy amin'ny fiteny vahiny:**
© Helmut Haubeil, Rosenheimerstraße 49
D-83043 Bad Aibling / Oberbayern – Germany Email: helmut@haubeil.net
Phone: +49 (0)8061 4900 712
Fiteny: Alemana sy Anglisy

**Nandika tamin'ny fiteny Malagasy:** Pasitora Landiela Rasolonjatovo

**Dikan-teny:**
Nosoratana tamin'ny fiteny Alemana ity boky ity ary nadika tamin'ny fiteny: Amharic, Arabo, Bolgariana, Danoa, Holandey, Kroasiana, Czech, Anglisy, Frantsay, Garo-Indiana, Hongroa, Indonesiana, Italiana, , Kirundi-Burundi, Korean, Malagasy, Mongoliana, Norveziana, Portogey-Brezila, Portogey-Portogal, Romaniana, Rosiana, Serbiana, Sloveniana, Espaniola, Soedoa, Swahili, Tagalog-Philippines, Tamil,  Okrainiana, Urdu-Pakistan.

**www.steps-to-personal-revival.info**
Ahitana ireo boky amin'ny fiteny samy hafa ao izay azo vakiana, hatonta, zaraina amin'ny namana. "Mitoetra ao amin'I Jesosy" sy ny "Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana".

Baiboly Dikan-teny Protestanta, Edisiona 1965
Baiboly Dikan-teny Iombonana Eto Madagasikara, Edisiona 2008

# MITOETRA AO AMIN'I JESOSY –

# AHOANA NO AHATANTERAHANAO IZANY ?

Nandika tamin'ny Fiteny Malagasy:

Pasitora Landiela RASOLONJATOVO

# Mitoetra ao amin'i Jesosy

Hoy Jesosy Kristy :

« Tomoera amiko ary Izaho aminareo. »

Ahoana no ahatanterahanao izany ?

HELMUT HAUBEIL

FIAINANA MAHAVOKATRA

Hoy Jesosy :

« … Izay **miray** amiko, ary Izaho aminy, dia **MAMOA BE** … » (Jaona 15 :5)

**Ahoana no ahafahako mitoetra ao amin'i Jesosy ?**

Manasa antsika Jesosy : Mankanesa aty Amiko ! (Matio 11 :28) Na iza na iza no nankeo amin'i Jesosy dia asaina ihany koa hitoetra eo Aminy. (Jaona 15 :4) Ary amin'ny fomba ahoana no fisehon'izany ?

**« Tomoera Amiko ary Izaho aminareo.** »

**Ny hoe « Mitoetra ao amin'i Kristy dia midika hoe :**

- **« Fandraisana tsy tapaka ny Fanahiny,**
- **Fiainam-pileferana tsy misy fepetra**
- **Amin'ny Fanompoana Azy. » Desire of Ages, 676.2**

Nanokatra tokoa ny masoko io fanazavana io ary nanome ahy fahazavana ny amin'ny fiarahako mandeha amin'Andriamanitra. Izany no tsiambaratelon'ny fiainana Kristiana sambatra (Jaona 15 :11), raha ny hevitro. Ny vavaka ataoko sy ny faniriako manokana dia ny hanehoan'izany ihany koa amin'ny maro ny lalana ho amin'ny fiainana feno fifaliana sy fiavosana. Ireo teny ireo no fototra hiorenan'ireo boky 03 ao amin'ilay andiany **Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana.**

**Inona no hifandraisan'ireo boky 03 ao amin'ilay andiany Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana ?**

**N°1 Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana**

Ny hoe fenoin'ny Fanahy Masina, ahoana no hanandramanao izany ? Mahakasika ny fangatahana sy **fandraisana** tsy tapaka ny **Fanahiny** izany.

**N°2 Mitoetra ao amin'i Jesosy**

Ahoana no ahatanteraka izany ? Mahakasika **ny fiainam-pileferana tsy misy fepetra ao amin'i Jesosy Kristy izany.**

**N°3 Mpiara-miasa amin'i Jesosy izay feno ny Fanahy**

Ahoana no ahatonga anao ho mpiara-miasa fenon'ny Fanahy ? Mahakasika ny **fileferana tsy misy fepetra amin'ny Fanompoana Azy** izany**, miaraka amin'ireo voka-tsoa mamiratra avy aminy**.

**Famporisihana**

Ny fanandramana tamin'ny lasa dia maneho fa voatahy manokana ny fianarana ireo fahamarinana sarobidy ireo, amin'ny alalan'ny fianarana sy fibanjinana isan'andro atao tsiroaroa. Misy fitahiana roa sosona ihany koa ho an'ireo mpivady ! (Mety azo atao an-tariby na Skype izany ho an'ny hafa). Tena mampahavitrika ihany koa ny fotoana hifampiresahana sy hiarahana mivavaka anatin'ny tarika isan'andro na isan-kerinandro.

# FANOROAM-PEJY

TOKO 1 : NY FANOMEZANA SAROBIDY INDRINDRA OMEN'I JESOSY ........ 7

Fantatrao tsara ve ilay Hafatr'i Jesosy mahery vaika indrindra? Inona no anjara asan'ny Fanahy Masina?........ 7

Ahoana no ahafahana manova ny toetsika? Ny nambaran'i Jesosy momba ny Fanahy Masina ao Aamin'ilay Fanoharana momba ny Masirasira ........ 21

TOKO 2 : MITOLO-BATANA AMIN'I JESOSY ........ 36

*Moa lasa tsy manana sitra-po intsony ve aho? Sa vao maika aho lasa matanjaka kokoa ?* ........ 36

Inona no mety manakana antsika tsy hilefitra? Ny fileferana amin'Andriamanitra ve midika ho famoizana ny sitrapontsika?........ 49

TOKO 3 : JESOSY MITOETRA AO ANATINAO........ 65

Inona no vokatr'ilay hoe "Kristy ao anatiko" eo amin'ny fiainako? Ny vokatra faratampony: vonton'ny fahafenoan'Andriamanitra ........ 65

Ireo Vokatr'ilay "Kristy ao anatinareo". Ahoana no ahafahantsika mahazo fanafahana amin'ny herin'ny ota? Ho lasa "araka ny nofo" indray ve isika rehefa manota?........ 82

TOKO 4: FANKATOAVANA AMIN'NY ALALAN'I JESOSY........ 104

Ahoana no ahafahako miaina ao anatin'ny fankatoavana am-pifaliana? Nahoana no lazaina ho fifaliana izany? .... 104

Ahoana no fiasan'ilay Fankatoavana amin'ny alalan'I "Jesosy ato anatiko"? Ny Plan'Andriamanitra: Fiarahamiasa amin'Andriamanitra sy ny Olona .......................... 126

TOKO 5: FINOANA MAHASARIKA AMIN'NY ALALAN'I JESOSY .......................................................... 146

Ahoana no ahatanteraka ny mahiray eo anivon'ny mpino? Inona no ahatonga ny finoantsika hanintona ny fianakaviantsika sy izao tontolo izao?.............................. 146

Inona no fiovana niseho tao anatintsika izay ahatonga antsika ho vavolombelona? Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ny fifohazana tosika ny famitana iraka?........ 161

PEJY FANAMPINY :......................................................... 181

# TOKO 1 : NY FANOMEZANA SAROBIDY INDRINDRA OMEN'I JESOSY

## Inona no nampianarin'i Jesosy momba ny Fanahy Masina ?

## Fantatrao tsara ve ilay Hafatr'i Jesosy mahery vaika indrindra? Inona no anjara asan'ny Fanahy Masina?
## Ahoana no ahafahana manova ny toetsika?

### ANTSO NATAON'I JESOSY MANOKANA: MANGATAHA NY FANAHY MASINA

Misy andalan-teny manokana izay handidian'i Jesosy antsika mafy tokoa, mba hangataka ny Fanahy Masina. Tsy mahafantatra andalan-teny hafa aho, izay hamporisihan'i Jesosy antsika ampitiavana tokoa handray am-po zavatra anankiray. Hita ao amin'ny Lesona nomeny momba ny vavaka ireo andininy ireo ao amin'ny Lioka 11. Impolo no hanindriany mafy ny tokony hangatahantsika ny Fanahy Masina. Lioka 11 :9-13 :

*« Ka hoy Aho aminareo :* ***mangataha****, dia homena ;* ***mitadiava****, dia hahita ;* ***dondòny****, dia hovohana. 10Fa izay rehetra* ***mangataka*** *no mahazo ; izay* ***mitady*** *no mahita ; ary izay* ***mandondòna*** *no hovohana. 11Araka ny hevitrareo, iza no raimpianakaviana* ***hangatahan****-janany trondro ka tsy hanome azy trondro fa bibilava ? 12Na* ***hangatahany*** *atody ka hanome azy maingoka ? 13Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala manome zava-tsoa*

*ny zanakareo ; tsy mainka ve ny Ray Izay any an-danitra no hanome ny Fanahy Masina an'izay **mangataka** aminy ? »*

Inenina no ampiasan'i Jesosy ny teny hoe « **mangataka** » (na mangataha) ao anatin'ireo andininy vitsy ireo ; avy eo dia soloiny indray ilay teny hoe « **mangataha** » ary tsindriany mafy amin'ny teny hoe « **mitadiava** » indroa – matoanteny manao hetsika izany – ary amin'ny teny hoe « **dondomy** » indroa - izay matoanteny maneho hetsika ihany koa. Moa ve tsy asehony mazava amintsika fa mila manao hetsika isika mba hahatonga antsika ho fenon'ny Fanahy Masina ?

Ilay hoe « mangataka » farany dia ampiasaina amin'ny filazam-potoana mitohy (« au temps continu ») amin'ny teny Grika. Midika izany fa tsy natao hangataka indray mandeha fotsiny isika, fa natao kosa hangataka tsy tapaka. Eto dia tsy ataon'I Jesosy ho resaka kimaimaika fotsiny ilay hoe mangataka, fa miangavy antsika Izy mba hanao izany tsy tapaka. Iriny ny hamoha ny faniriantsika ny Fanahy Masina, ao anatin'io fanasana nataony tamin'ny fo io. Io fanasana maika io dia maneho amintsika ny faharesen-dahatr'i Jesosy, dia ny hisian'ny zava-dehibe izay tsy ho azontsika raha toa ka tsy manohy mangataka ny hirotsahan'ny Fanahy Masina isika. Misarika mazava ny fahalianantsika Izy, ho eo amin'ny hilantsika tokoa ny Fanahy Masina. Amin'izany dia iriny isika handray tsy tapaka ireo fitahiana sesehena avy amin'ny Fanahy Masina.

Hoy Johannes Mager raha manazava ny tapany farany amin'ny Efesiana 5:18 izy: "Tsy natao toy ny siny izay feno indray mandeha tsy miverina ny Kristiana iray, fa kosa tokony hofenoina tsy tapaka. Noho izany, azo adika toy izao ilay fehezan-teny (Efesiana 5:18). 'Aoka hianareo ho feno amin'ny fotoana rehetra sy havaozin'ny Fanahy mandrakariva.' Ny famenoan'ny Fanahy Masina ao anaty izay nomena antsika teo amin'ny batisa dia mety ho very raha toa ka tsy hazonina ilay fanomezan'ny fiavosana. Mbola azo raisina indray ny fanatrehan'ny Fanahy raha toa ka very. Tsy maintsy havaozina ilay

famenoana mba ahafahan'ny Fanahy Masina mameno ny lafim-piainantsika manontolo, ka ahatonga ny fiainam-panahinsika tsy halazo.

Ny famenoan'ny Fanahy dia tsy midika hoe manana Azy misimisy kokoa isika, fa ny Fanahy kosa no manana antsika misimisy kokoa. Noho izany, mandidy ny mpino rehetra I Paoly (ao amin'ny Efesiana 5:18) mba ho fenon'ny Fanahy amin'ny fotoana rehetra. Izany no toerana ara-dalàna ho an'ny Kristiana iray – batisa anankiray saingy famenoana ny ao anaty imbetsaka."[1]

Dia hafa mihitsy io ampahany amin'ny lesona nomen'I Jesosy momba ny vavaka handraisana ny Fanahy Masina io. Ny Fanahy Masina no fanomezana lehibe indrindra avy amin'Andriamanitra – fanomezana izay mitondra ireo fanomezana hafa rehetra miaraka Aminy. Io no fanomezana faratampony indrindra avy amin'i Jesosy ho an'ny Mpianany ary porofo mihariharin'ny Fitiavany.

Ny fanomezana sarobidy toy izany dia tsy hanerena na iza na iza. Ireo izay maneho ny faniriany izany fanomezana izany sy hankasitraka izany ihany no omena azy. Noho izany, nataoko ho fahazarana ny mangataka isan'andro ny Fanahy Masina araka ny voalazan'ny *Jaona 7:37 « Raha misy olona mangetaheta, aoka izy hanatona Ahy ka hisotro.* » Izay midika hoe: Tompo Malala, omeo ahy ny faniriana lalina ny Fanahy Masina ato am-poko.

## TATITRA VOALOHANY NATAON'IREO IZAY NANOMBOKA NANGATAKA NY FANAHY MASINA

**Niverina tamin'ny « fitiavana voalohany » izahay :** Nisy anabavy iray nanoratra tamiko : Efa fanintelony izao izaho sy ny namako iray no miara-mianatra ilay boky *40 Andro* miaraka amin'ilay

[1] Johannes Mager, Auf den Spuren des heiligen Geistes (Lüneburg, Germany, Advent-Verlag, 1999), S. 101.

boky *Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana*. Tsy nitovy tamin'ny tany am-piandohana ny fanandraman'ny finoana teo aminay sy ny fiainam-bavakay, mialohan'ny nahitanay ity tari-dalana ity. Naniry fatratra ny hahita indray ilay « fitiavana voalohany » izahay. Ary dia tena hitanay tokoa ! Misaotra an'Andriamanitra amin'ny fonay manontolo izahay. Mahagaga loatra ny fomba hamalian'ilay Andriamanitra be fitiavana ny vavaka sy ny hampisehoany ny fomba fiasan'ny Fanahiny - tao anatinay sy teo amin'ireo olona izay nentinay am-bavaka. M.S.

**Niditra teo amin'ny fiainanay Jesosy** : Hoy ny nosoratan'ny olona iray hafa momba ireo boky ireo : « … Lasa fitahiana lehibe ary toy ireny nandrasana hatry ny ela ireny teo amin'ny fiainako ireo boky ireo. Toy ny fanandraman'ireo mambran'ny fiangonana maro hafa sy ny an'ny anabavy iray tao am-piangonanay dia nisy zavatra banga mandrakariva teo amin'ny fanandramam-pinoanay. Ankehitriny, manana tombotsoa izahay, manao fanandramana ny fomba nidiran'i Jesosy teo amin'ny fiainanay sy ny nanombohany nanova anay. Mbola miasa ao anatinay Izy ary misintona anay hanakaiky bebe kokoa Azy. » S.K.

## NY FANAHY MASINA NO LOHARANON'NY FIAINANA FENO FAHASAMBARANA SY FAHAFAHAM-PO

Raha ny tenin'i Jesosy, nahoana Izy no tonga teto an-tany ? Hoy Izy : *« ... Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be. » (Jaona 10 :10)* Irin'i Jesosy ny hanandramantsika an'io fiainam-baovao io ankehitriny, sy ny hitohizan'izany amin'ny sehatra hafa tanteraka aorian'ny Fiaviany fanindroany, amin'ny fiainana mandrakizay ao anatin'ny Fanjakan'Andriamanitra.

Asehony amintsika ihany koa fa ny Fanahy Masina no Loharanon'ny fiainana ahitana fahasambarana sy fahafaham-po : *« Raha misy olona mangetaheta, aoka izy hanatona Ahy ka hisotro. 38 Izay mino Ahy, dia hisy onin' ny rano velona miboiboika avy ao*

*an-kibony, araka ny voalazan' ny Soratra Masina. 39 Ary ny Fanahy, Izay efa horaisin' ny mino Azy, no nolazainy tamin' izany… » (Jaona 7 :37-39)*

*« Onin'ny rano velona miboiboika »* - Moa ve tsy fampitahana tena mety hilazana ny fiainana feno fahasambarana sy fahafaham-po izany?

## NANOME OHATRA MITOVY AMIN'IZANY VE JESOSY NANDRITRA NY FIAINANY TETO AN-TANY ?

Fantatsika fa nitondra am-bohoka an'I Jesosy I Maria, tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina (Matio 1 :18). Fantatsika fa nivavaka Izy taorian'ny Batisany, *« ary ny Fanahy Masina nidina teo amboniny, ka ny endriny dia tahaka ny voromailala … » (Lioka 3 :22)* Nilainy sy zava-dehibe taminy ve ny nandray ny Fanahy Masina isan'andro, raha izany no toe-javatra ? Hoy Ellen G White : **« Isa-maraina isa-maraina dia nifandray tamin'ny Rainy any an-danitra Izy, ary nandray avy Aminy isan'andro ny batisa mamelombelon'ny Fanahy Masina. »**[2]

Ohatra ho antsika Jesosy amin'io lafiny io. Mila manontany tena isika : raha nila famelombelomana avy amin'ny Fanahy Masina isan'andro Jesosy, dia moa tsy manan-danja be lavitra ve izany ho ahy sy ho anao?

Tena takatry ny Apostoly Paoly ny zava-nanahirana an'i Jesosy. Ao amin'ny Epistiliny ho an'ny fiangonana tao Efesosy dia manamafy i Paoly fa efa nasiana tombo-kasen'ny Fanahy Masina izy ireo rehefa tonga mpino (Efesiana 1:13). Ao amin'ny Efesiana 3 :16-17 dia mamporisika azy ireo izy mba hahery ao amin'ny Fanahy. Ao amin'ny 4 :30 dia hoy izy : « *Ary aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra* », ary ao amin'ny 5 :18 dia miantso ny Efesiana

---

2 E.G. White, Signs of the Times, November 21, 1895, par. 3

sy isika izy, amin'ny maha Apostoly manana fahefana azy, mba : « … *hofenoina ny Fanahy* », na amin'ny teny hafa « *ho fenoina ny Fanahy amin'ny fotoana rehetra sy miverimberina.* »[3] Hitantsika fa fanandramana ilaina isan'andro amin'ny fiainam-panahy sy ny fitomboan'ny Kristiana iray izany fenon'ny Fanahy Masina isan'andro izany.

« Tsy milaza Andriamanitra hoe mangataha indray mandeha dia hahazo hianareo. Manasa antsika Izy mba hangataka. Misisiha ambavaka tsy mitsahatra. Ny fangatahana am-pisisihana dia mitondra ilay mpanao fangatahana hanana fihetsika misy hafanam-po kokoa, ary mahatonga azy hanana faniriana mitombo handray ireo zavatra hangatahany. »[4]

« Ny batisan'ny Fanahy Masina dia midika ho eo ambany hery miasa manginan'ny Fanahy Masina tanteraka - 'fenony' tanteraka. Tsy fanandramana indray miseho izany, fa kosa zavatra izay tokony miverimberina tsy tapaka, araka ny hanehoan'i Paoly izany ao amin'ny Efesiana 5 :18b dia ilay filazam-potoana hampiasana ilay matoanteny amin'ny teny Grika hoe 'hofenoina'. »[5]

## NY TENY FANAOVAM-BELOMA NATAON'I JESOSY SY NY FANAHY MASINA

Nizara fifaliana sy fanantenana Jesosy tao anatin'ny teny fanaovam-beloma nataony tamin'ny mpianany, tamin'ny nilazany tamin'izy ireo fa ho avy hisolo toerana Azy ny Fanahy Masina. Nampahafantariny azy ireo anjara asan'ny Fanahy Masina, ao amin'ny Jaona 16 :7-14 (DIEM) :

---

3 Pub. Werner E. Lange, Unser größtes Bedürfnis (Lüneburg, 2011), S. 42
4 Ellen G. White, *Christ's Object Lessons* (Hagerstown, MD: Review and Herald Publishing Association, 2003), p. 145.3
5 Adult Bible Study Guide, July 17, 2014.

*« 7 Fa Izaho milaza ny marina aminareo; mahatsara anareo ny fialàko; fa raha tsy hiala Aho, dia tsy ho avy aminareo ny Mpananatra*; fa raha handeha Aho, dia hirahiko hoy aminareo Izy. 8 Ary raha tonga Izy, dia hampiaiky izao tontolo izao ny fahotana sy ny fahamarinana ary ny fitsarana: 9 ny fahotana, satria tsy mino Ahy izy;10 ny fahamarinana, satria mankany amin'ny Ray Aho, ka tsy mahita Ahy intsony ianareo; 11 ny fitsarana, satria ny andrianan'izao tontolo izao dia efa voatsara. 12 Mbola manana zavatra maro holazaina aminareo Aho, nefa tsy zakanareo ankehitriny. 13 Fa raha tonga ny Fanahin'ny fahamarinana, dia Izy no hitari-dalana anareo ho amin'ny marina rehetra; fa tsy hiteny ho Azy Izy, fa izay ho reny dia holazainy avokoa; ary ny zavatra ho avy aza dia hambarany aminareo. 14 Izy hankalaza Ahy; fa handray avy amin'ny Ahy Izy ka hanambara izany aminareo."*

## VAHAOLANA MAHASOA VAOVAO

Nilaza zavatra tsy nampoizina tamin'ny mpianany Jesosy : « mahasoa anareo ny fialàko. » Midika izany fa ilay vahaolana vaovao - ilay Izy miaraka amintsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina - dia mahasoa kokoa noho ny hoe Jesosy Tenany manatrika eo. Tsy voafetra Izy amin'io endrika io, fa kosa afaka ny ho eo anilan'ny olona tsirairay, na aiza na aiza toerana misy azy.

## MITARIKA AVY AMIN'NY TSY FINOANA SY NY FISALASALANA HO AMIN'NY FINOANA AO AMIN'I JESOSY

Manana anjara andraikitra hanokatra ny mason'izao tontolo izao ny Fanahy Masina, ary moa ve izao tontolo izao tsy ao anatin'ny fiangonana, amin'ny lafiny sasany? Ny Fanahy Masina no hany Tokana afaka hanokatra ny mason'I Laodikia. Mamoha ny faniriana an'Andriamanitra ao amin'ireo olona tia an'izao tontolo izao Izy, sy ny faniriana hanana fifandraisana ety amin'I Jesosy ao amin'ireo

Kristiana matimaty. Asehony amintsika ny fahotana izay anton'ireo ota hafa rehetra: "*satria tsy mino Ahy izy.*"

Mino an'I Jesosy ve ianao? Ny fitokisana an'I Jesosy no ivon'ny finoana. Ny famantarana fa tena mino sy mitoky Aminy isika dia ny fanolorantsika Azy manontolo ny tenantsika. Resaka fanolorantena amin'ny fahafenoany izany, resaka fahavononana hanara-dia Azy amin'ny zavatra rehetra.

Manandratra an'I Jesosy ny Fanahy Masina. Rehefa fenon'ny Fanahy Masina isika, dia ho lasa sarobidy sy manan-danja kokoa eo imasontsika Jesosy. Hitombo ao anatintsika ny fankasitrahana be dia be kokoa an'I Jesosy.

## VOAVONJY SY NOHAMARININA AMIN'NY FINOANA

Manokatra ny masontsika ho eo amin'ny fahamarinan'I Jesosy ny Fanahy Masina. Noeken'ny Ray ny sorona nataon'I Jesosy rehefa niakatra tany an-danitra Izy. Noho izany, lasa azo tanterahina ny tsy azo notanterahina, izany hoe sady afaka nampihatra ny fitiavana Andriamanitra no sady afaka naneho ny nahamarina Azy Izy. Maniry hanokatra ny masontsika amin'io fifanakalozana tsy hay tombanana io ny Fanahy Masina: Raisin'I Jesosy ireo fahamelohana rehetra teo amin'ireo izay nanankina ny fiainany Taminy, ary omeny azy ireo kosa ny Fahamarinany. Izany no fampianarana ivon'ny Baiboly: fanamarinana amin'ny finoana ao amin'I Jesosy.

## ASEHON'NY FANAHY MASINA ANTSIKA NY SAFIDY ATAON'ANDRIAMANITRA

Manokatra ny masontsika ihany koa ny Fanahy Masina, amin'ilay hoe efa voameloka ilay andrianan'izao tontolo izao. Nazera avy tany an-danitra I Satana ary efa antomotra ny fiafarany faratampony. Tsy afaka hamely antsika izy rehefa ao amin'I Kristy isika, eny fa na dia lavo matetika amin'ny fakam-panahy aza isika ka

tonga malemy eto ambonin'ny tany. Hoy ny *1 Jaona 5:18: "18 Fantatsika fa izay rehetra naterak'Andriamanitra dia tsy manota; fa izay naterak'Andriamanitra, dia miaro ny tenany* ka tsy mikasika azy* akory ilay ratsy." ("Fantatsika fa izay naterak'Andriamanitra dia tsy manohy manota. Miaro azy ireo ilay Zanak'Andriamanitra. Tsy afaka mamely azy ireo ilay ratsy." **Dikan-teny New International Version nadika malalaka**) Nisy fiovana Tompo niseho teo amin'ny fiainantsika. Irin'I Jesosy ny hamonjy antsika amin'ny ota sy hiaro antsika amin'ireo famelezan'I Satana.[6]

Etsy ankilany dia maniry ihany koa ny Fanahy Masina hanokatra ny mason'ny olona amin'ny hoe efa ho tonga ny fitsarana. Tsy misy ho afaka amin'io fitsarana io raha tsy mandray ny fanomezan'ny famonjena amin'ny alalan'ny fileferana amin'I Jesosy Kristy sy ny fitoerana eo Aminy. Tsy fikasan'Andriamanitra ny ahatonga ny olona hino Azy amin-tahotra amin'ny fanondroana ny fitsarana. Ny fahafantarana fa hisy fitsarana ho tonga anefa dia ho famporisihana ho amin'ny fibebahana ho an'ny olona maro. Tsy rariny raha toa ka tsy asehontsika amin'ny olona ireo safidy manoloana azy amin'ny zavatra hitranga. Fanampiana ho amin'ny fanapahan-kevitra ho antsika ny fitsarana.

## MANOME ANTSIKA FAHATAKARANA NY FAHAMARINANA NY FANAHY MASINA

Hitarika antsika ho amin'ny marina rehetra ny Fanahy Masina. Manafaka antsika amin'ireo fiheveran-diso, hadisoana sy faniasiavana Izy. Mitarika antsika ho amin'ny marina momba ny tenantsika ihany koa Izy, mba ahafahantsika - miaraka amin'ny

---

6 Resahina io lohahevitra manan-danja io ao amin'ny boky nosoratan'I Dennis Smith (Toko 4), *40 Days: Prayers and Devotions to Revive Your Experience With God,* book 2 (Hagerstown, MD: Review and Herald Publishing Association, 2011).

fanampian'Andriamanitra - manitsy ny lalam-piainantsika na oviana na oviana no hilàna izany.

"Antsoina hoe «Fanahin' ny fahamarinana» ny Mpananatra. Mampiorina sy mihazona ny fahamarinana no asany. Mitoetra ao ampo amin' ny maha-Fanahin' ny fahamarinana Azy Izy aloha, ary amin' izay dia manjary Mpananatra Mpampionona. Misy fampiononana sy fiadanana ao amin' ny fahamarinana, fa tsy misy tena fiadanana na fampiononana marina mety ho hita ao amin' ny lainga."[7]

## MANOKATRA NY FAHATAKARANTSIKA NY HO AVY NY FANAHY MASINA

Manana andraikitra ihany koa ny Fanahy Masina, hilaza ireo zavatra ho avy amintsika. Jesosy Tenany mihitsy no niresaka ny amin'ny ho avy ao amin'ny Matio 24, ary manana andraikitra hanome antsika fahazavana misimisy kokoa ny amin'ny ho avy ny Fanahy Masina. Afaka manokatra amintsika ny faminaniana ihany koa Izy rehefa omentsika sehatra.

Moa ve tsy mahagaga fa mifarana amina fihaikana mitovy avy amin'I Jesosy ireo taratasy fito rehetra ao amin'ny Apokalipsy 2 sy 3: *"7 Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana*."* (Apokalipsy 2:7) Nataon'I Jesosy miantefa amintsika izay fiangonan'ny andro farany io antso hihainoana ny Fanahy io. Vonona sy maniry ve isika ny hanao izany?

## HERY AMIN'NY ALALAN'NY FANAHY MASINA

Niresaka ny amin'ny asan'ny Fanahy Masina Jesosy tao anatin'ny laha-teny fanaovam-beloma nataony: *"8 Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany."* (Asa 1:8) Andraikitry ny Fanahy Masina

[7] Ellen G. White, *Ilay Fitiavana Mandresy*, t. 724.

hafa ihany koa ny fanomezana antsika hery sy fahaiza-manao mba ahatonga antsika ho Vavolombelony.

“ Nomen’ i Kristy ny Fanahiny amin’ ny maha-herin’ Andriamanitra azy hoentimandresy ny fironana rehetra ho amin’ ny ratsy nolovaina sy nokolokoloina. sy handatsaka lalina ny toetra amam-panahiny amin’ ny fiangonany”[8]

Ilaina amin’ny fahasalamana ihany koa ny hery avy amin’ny Fanahy. Hoy Don Mackintosh, talem-panofanana momba ny amin’ny Asa Fitoriana amin’ny alalan’ny Fahasalamana ao amin’ny Weimar Institute: “Ny ilaintsika dia fahalalana momba ny fahasalamana miaraka amin’ny hery hampiharana izany. Tsy maintsy hita ao ny hery manova.”[9] Eto izany dia miaraka amin’ny herin’ny filazantsara ny herin’ny Fanahy Masina, raha ny marina kokoa. Mitondra fiovana Izy. Tsy afaka manoro lalana ny hafa isika raha tsy efa isika aloha no mandia ny lalana ho amin’ny fahasalamana tsara kokoa. Zavatra tokana no azontsika antoka: Miandry antsika ireo haren’ny fitahiana avy amin’Andriamanitra.

## MAMPIHATRA IREO SINGAN’NY FIFOHAZANA

Efa nitondra am-bavaka ny hisian’ny fifohazana isika amin’ny maha fiangonana antsika. Zava-dehibe ny hitondrana am-bavaka ny hisian’ny fifohazana, saingy araka ny voalazan’I Mark Finley dia zava-dehibe ihany koa ny « mampihatra ireo singan’ny fifohazana hita ao anatin’ny Baiboly. »[10]

Miankina amin’ny fifohazana eo amin’ny tsirairay izany fifohazana ao amin’ny fiangonana izany. Mamelà ahy hanao antso aminao hanatanteraka ireo dingana ho amin’ny fifohazana ho an’ny

---

[8] Ibid.
[9] Dave Fiedler, D’Sozo: *Reversing the Worst Evil* (Coldwater, MI: Remnant, 2000), “Foreword.”
[10] Mark A. Finley, Revive us again, p. 25

tenanao manokana. Hitarika anao ho amin'ny fiainana mahery vaika sy ahitana fahasambarana kokoa izany, ho amin'ny fiainam-pinoana feno fifaliana.

## NAHOANA NO ILAINA NY FO VAOVAO?

Hoy Jesosy tamin'ireo virijina adala, "*Tsy fantatro ianareo*" (Matio 25:12). Izany no mahatonga azy ireo tsy tafiditra tao amin'ny fampakaram-bady. Maneho ireo izay tsy ho tafiditra ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra ireo. Ny antony dia ny tsy fahampian'ny diloilo, izay midika ho tsy fahampian'ny fanandraman'ny Fanahy Masina ho antsika, tsy fahampiana eo amin'ny fiainam-panahin'ny tena manokana. Ny teny hoe "virijina adala" dia manoritsoritra ny toetr'ireo olona izay **tsy nanao fanandraman'ny fiovam-po tena izy tamin'ny alalan'ny fiasan'ny Fanahy Masina.**

Manana toetra maha-izy mpanota isika. Tia tena daholo isika noho izany, ary mizaka fijaliana avy amin'io maha mpanota io. Koa satria tsy hisy olona tia tena hiditra ny fanjakan'Andriamanitra, dia tsy maintsy ilaina ny fiovan'ny toetra. Maneho amintsika ny Tenin'Andriamanitra fa afaka manatona an'I Jesosy amin'iny toetra sy toerana misy azy iny ny rehetra. Fantatsika ihany koa anefa fa izay manatona Azy dia tsy hisy ho tafatoetra amin'iny toerana misy azy iny.

**Marihana fa tsy mahafantatra an'Andriamanitra ireo virijina adala satria tsy nanolotra ny tenany manontolo tamin'I Jesosy sy ny fiasan'ny Fanahy Masina.** "Tsy miankina amin'izay zavatra fantatsika ny famonjena antsika, fa kosa amin'ny hoe iza no fantatsika … (Jaona 17:3). Zava-dehibe ny zavatra fantatsika, kanefa alaim-panahy foana isika ary very amin'ny farany, raha toa ka tsy miaraka amin'ny fifandraisana mahavonjy sy manokana amin'I Jesosy izany. Ny fahatakarana ny momba an'Andriamanitra dia tsy

mitovy amin'ny fifankazarana akaiky sy am-po."[11]Izany no antony manan-danja mahatonga an'I Jesosy hiantso antsika maika hangataka tsy tapaka ny Fanahy Masina. Mivavaka isan'andro ho amin'ny fileferana tanteraka sy mangataka am-pinoana ny firotsahan'ny Fanahy Masina ve ianao?

*Aza manambany na oviana na oviana ny herin'ny olona iray izay hanao zavatra vokatry ny fihetsehan'ny Fanahin'Andriamanitra amin'ny fomba mahery vaika. Angamba ho amin'izao andro izao mihitsy no niantsoan'Andriamanitra anao.*

(Vakio Estera 4:14-16)

[11] Dennis Smith, *40 Days,* book no. 2, p. 112.

## FISAINTSAINANA MANOKANA SY TARI-DALANA HIFANAKALOZAN-KEVITRA

*1. Inona no ataon'I Jesosy ao am-ponao maika, mahakasika ny Fanahy Masina?*

*2. Amin'ny lafiny inona no maha ohatra ho antsika an'I Jesosy, eo amin'ny fangatahana ny Fanahy Masina?*

*3. Inona avy ireo anjara andraikitr'ilay Mpananatra, izay nampanantenain'I Jesosy tamin'ireo Mpianany sy tamintsika?*

*4. Inona no tanterahin'ny Fanahy Masina ao anatintsika?*

## FOTOAM-BAVAKA ATAONTSIKA

*Antsoy ilay namana mpiara-mitolona am-bavaka aminao ary mifanakaloza hevitra momba ny lohahevitra.*

*Miaraha mivavaka aminy:*

*1. Mba ahatonga antsika hahatsapa isan'andro ny hilana mangataka ny Fanahy Masina sy ny handraisana Azy am-pinoana – ary hitaky ireo fampanantenana fa ny Fanahy Masina dia:*

- *Hitarika antsika hiala amin'ny tsy finoana sy ny finoana malemy;*
- *Hahatonga ny hevitry ny fanamarinana amin'ny finoana hihamazava amintsika;*
- *Hanafaka antsika amin'ny fiheveran-diso, hadisoana sy fakam-panahy.*

*2. Mivavaha ho amin'ny fileferana tsy misy fepetra amin'I Jesosy sy ny asa fanompoana Azy.*

# Ahoana no ahafahana manova ny toetsika? Ny nambaran'i Jesosy momba ny Fanahy Masina ao Aamin'ilay Fanoharana momba ny Masirasira

Ao amin'ilay fanoharana momba ny masirasira Jesosy dia miresaka momba ny hery manova fiainana izay hananan'ny Fanahy Masina. Raha vao mamaky ilay fanoharana ianao dia tsy ampoizinao akory hoe misy hidirany amin'ny Fanahy Masina izany: *"20 Ary hoy koa Jesosy: Inona no hanoharako ny fanjakan'Andriamanitra? 21 Tahaka ny masirasira izy, izay nalain'ny vehivavy anankiray ka nataony* tao amin'ny koba intelon'ny famarana, mandra-pahazon'ny masirasira azy rehetra." (Lioka 13:20,21)*

Ny masirasira na lalovay dia ampiasaina amin'ny fanaovana karazana mofo samy hafa. Rehefa mifangaro amin'ny lafarinina izany dia manomboka ny dingana mahaotrikavingy (fermentation) izay mahatonga ny koba ("pâte") ho malefaka sy maivana kokoa. Amin'izay dia lasa mahate hihinana ho an'ny olona izany.

Irin'I Jesosy ny hampahazava amintsika filamatra vitsivitsy momba ny fanjakan'Andriamanitra, amin'ny alalan'io sary an'ohatra io. Ny masirasira dia maneho ny dingana mampitolagaga ao anatintsika, izay manomboka amin'ny farany kely kanefa miafara amin'ny fomba mahazendana, araka ny voalazan'ilay fanoharana: "*mandra-pahazon'ny masirasira azy rehetra."* Irin'I Jesosy ny hampitombo ny Fitiavany tsy mihevitra ny tena ao anatintsika ho solon'ilay fitiavan-tenantsika.

Amin'ny heviny iray dia irin'I Jesosy ny haneho ny hery miasa manginan'ny Filazantsara eo amin'izao tontolo izao. Na dia nanomboka tamin'ny kely aza ny Filazantsara dia hanenika an'izao tontolo izao manontolo izany amin'ny farany. Amin'ny heviny hafa, asehon'I Jesosy amintsika ny fomba fiasan'ny hery manova fiainana

avy amin'Andriamanitra ao anatintsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Hoy Izy ao amin'ny Lioka 17:20,21, *"Tsy misehoseho no fihavin'ny fanjakan'Andriamanitra. 21 Ary ny olona tsy hanao hoe: Indro, etỳ! na erỳ ! fa, indro, ny fanjakan'Andriamanitra dia ao anatinareo."*

Ho an'ireo olona niaina tamin'ny taon-jato voalohany, ny fanjakan'Andriamanitra dia teo anivon'izy ireo tamin'ny alalan'I Jesosy amin'ny maha Persona Azy. Ankehitriny, manomboka ao anatintsika ny fanjakan'Andriamanitra rehefa mandray an'I Jesosy amin'ny maha Mpamonjy sy Tompontsika Azy isika. Rehefa mitoetra ao Aminy isika ary mitoetra ao amintsika Izy, dia hanomboka ho antsika ilay fanjakana hita maso amin'ny fiavian'I Jesosy fanindroany. Ho hitantsika ny fitomboan'ny fanjakan'Andriamanitra ao anatintsika amin'ny alalan'i Jesosy mitoetra ao anaty, raha ny ankehitriny. Amin'ny alalan'ny Fanahy Masina irery ihany no ahafahany mivelona ao anatintsika. Indreto ary misy lesona manan-danja avy amin'ilay fanoharana.

## MIASA MANGINA ILAY HERY MANOVA

"Natao haneho ny fanjakan'ny lanitra ny masirasira. Manazava ny herin'ny fahasoavan'Andriamanitra izay mamoha sy mampianatra izany."[12] "Amin'ny alalan'ny Fanahy Masina irery ihany no ahafahana manatanteraka ny fiovana."[13] Misy hifandraisany amin'ilay hery ao anaty izay manenika ny zavatra rehetra sy manova antsika tanteraka izany. Toy izany no irin'Andriamanitra hanovana ny toetsika ho amin'ny tsara kokoa amin'ny alalan'ny Fanahy Masina.

Milaza amintsika ny Baiboly fa ny vanim-potoana voalohan'ny firotsahan'ny Fanahy Masina tamin'ny vanin'andron'ny Baiboly dia nomban'ny famantarana ren'ny sofina sy hita maso

---

[12] Ellen G. White, *Christ's Object Lessons,* p. 96.
[13] Ibid., pp. 96, 97.

indraindray. Mitranga amin'ny fomba mangingina anefa ny fanovana ny toetra ao anatintsika – raha toa isika ka fenon'ny Fanahy Masina. Ary tampotampoka avy eo no ahitantsika fa nisy fiovana tsara nitranga tao anatintsika.

Miasa amin'ny fomba tsy hita maso ilay masirasira voafina ao amin'ilay lafarinina mba ahatonga ilay atonta manontolo ho tafiditra anatin'ilay dingana fahasirasirana. Noho izany, miasa am-pahanginana, amin'ny fomba tsy misehoseho kanefa mitohy ny masirasiran'ny fahamarinana mba hanovana ny fanahy. Nohalefahana sy nobaboina ireo fironana maha-olombelona. Nambolena ao kosa ireo fisainana vaovao, fihetseham-po vaovao, antony manosika vaovao. Voapetraka ny fenitra vaovaon'ny toetra – ny fiainan'I Kristy. Voaova ny fisainana; nahazo risika hanao asa manaraka sori-dalana vaovao ireo fahafaha-manao. Tsy hoe nahazo fahafaha-manao vaovao akory ilay olona fa nohamasinina kosa ireo fahafaha-manao. Nofohazina ny feon'ny fieritreretana. Nomena antsika ireo antsipirian-toetra izay ahatonga antsika ho afaka hanao fanompoana ho an'Andriamanitra."[14]

Nahoana Andriamanitra no manova antsika am-pahanginana sy amin'ny fomba tsy misy mahamarika toy izany mandra-pahitantsika ny vokatra? Ilaina ny fotoam-pahanginana hisian'ny fanovana, toy izay lalovan'ny natiora raha mandalo "fifohazana" avy amin'ny ririnina izy. Misy karazana hazo izay tena miadana ny fitomboany. Mitsapa antsika amin'izany Andriamanitra mba ahitana hoe tena manana faniriana handray ny Fanahy Masina tokoa ve isika? Mitsapa ny finoantsika ve Izy? Izany no fahitako azy. Ary iriny ny hanome antsika fiainana mamokatra (Jereo Jaona 15:1-8; Galatiana 5:22).

[14] Ibid., pp. 98, 99.

## AVY ANY IVELANY FA TSY HOE EFA AO ANATINTSIKA ILAY HERY MANOVA NY TOETSIKA

Mila mahatsapa aloha isika fa “tsy afaka manova ny tenany amin’ny alalan’ny fampiasana ny sitrapony samirery ny olona iray. Tsy manana hery hahatanterahana an’io fanovana io izy. Ilay masirasira – izay zavatra avy any ivelany tanteraka – dia tsy maintsy atao ao anatin’ilay sakafo mialohan’ny hisian’ny fiovana irina ao anatiny.”[15] Maneho amintsika Jesosy eto fa mila hery izay ivelantsika isika hampisy ny fiovan-toetra.

Tsy tokony hihevitra ireo tenin’I Jesosy momba izany lohahevitra manan-danja toy izany ve isika? “*fa raha misaraka amiko kosa ianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona.*” (Jaona 15:5) “Mba hahatonga antsika hanana ny fahamarinan’I Kristy dia mila voaova amin’ny hery miasa manginan’ny Fanahy isan’andro isika, mba ho mpiombona amin’ny fomban’Andriamanitra. Asan’ny Fanahy Masina ny manandratra ny zavatra tiana, ny manamasina ny fo, ny maha-mendrikaja ilay maha-olona manontolo.”[16]

Mifanohitra tanteraka amin’izay ampianarina antsika matetika ankehitriny izany torohevitra manan-danja avy amin’I Jesosy izany. Ao anatintsika ao ny hery ahafahantsika mivelatra, mila fohazina fotsiny amin’ny alalan’ny fanaovana izatsy na izaroa izany. Izany no hafatry ny “humanisme” (foto-kevitra mifantoka amin’ny mah-aolona fa tsy ny momba an’Andriamanitra sy ireo hery tsy hita maso) sy ny “esotérisme” (fironana hikatsaka fahalalana ambony kokoa), ary ireo filozofian’olombelona sy ireo karazana fomba fampitam-pahalalana sasany. “Fahavitan-tena” no matetika resahina. Mihatra amintsika rehetra tsy an-kanavaka ny tenin’ny Apostoly Paoly momba ny tenany raha hoy izy hoe: *“18 Fa fantatro fa tsy misy*

[15] Ibid., p. 96.
[16] Ellen G. White, *Selected Messages,* bk. 1 (Hagerstown, MD: Review and Herald Publishing Association, 2007), p. 374.

*zavatra tsara mitoetra ato amiko …" (Romana 7:18).* Inona no mety ho vokatry ny Fahavitan-tena raha izany no toerana misy antsika? Momba izany no vakiantsika ao amin'ny *2 Timoty 3:1 "… fa any amparany any dia hisy andro mahory."* Hanjaka ny fitiavan-tena. Tsy tokony ho ny Fahavitan-tena izany no tokony hiainantsika fa ny fahavitan'I Kristy ny zavatra rehetra. Hoy ny olona iray tamiko: "Hitako tao amin'I Kristy ny fahavitan-tenako." Ny zava-dehibe dia ny Fanahy Masina izay mivelona ao anatintsika ary manova antsika ho tsara kokoa.

Raha ao amin'ny tenantsika dia tsy manana hery isika hanovana ny toetsika. Tsy maintsy avy any ivelany izany. Izay no nahatonga an'I Jesosy niantso mazava ny fahalianantsika ao amin'ny Lioka 11:9-13 amin'ny tokony hangatahantsika TSY TAPAKA ny Fanahy Masina. Nandritra ny fotoana nahateto an-tany an'I Jesosy dia nofenoin'ny Fanahy Masina indray isan'andro Izy. Mbola vao maika tena ilaina izany ho antsika. Rehefa mihevitra ny amin'izay irin'Andriamanitra omena antsika isan'andro amin'ny alalan'ny Fanahy Masina aho, dia mieritreritra hoe irin'ilay Andriamanitsika Mahagaga ny hamihina antsika isa-maraina, toy ny mpivady izay mifamihina isa-maraina.

Hoy Ellen White momba an'io fanoharana io: "Ny kolontsaina sy ny fanabeazana rehetra izay azon'izao tontolo izao omena dia tsy hahomby amin'ny famadihana ny zaza izay potiky ny ota ho tonga zanaky ny lanitra. Tsy maintsy avy amin'Andriamanitra ny herijika manavao. Amin'ny alalan'ny Fanahy Masina irery ihany no ahafahana manatanteraka ny fiovana. Tsy maintsy milefitra amin'ny fiasan'io hery io ny rehetra izay hovonjena, na ambony na ambany, na manan-karena na mahantra."[17]

Voalaza fa nanao izao fanambarana izao I Winston Churchill, Praiminisitra tany Grande Bretagne tamin'ny Ady Lehibe Faharoa:

---

[17] Ellen G. White, *Christ's Object Lessons,* pp. 96, 97.

Voafehintsika ny zavatra rehetra afa-tsy tokana monja: ny olombelona. Ny hery miasa manginan'ny olombelona toa azy irery ihany dia tsy afaka hanova ny olona hatramin'ny fakany. Mba hampisy izany dia ilaina ny hisian'ny hery izay ivelan'ity izao tontolo izao ity. Tsy inona izany fa ny herin'Andriamanitra, izay tsy afaka ny hiasa am-pahombiazana raha tsy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina.

Milaza amintsika ny Tenin'Andriamanitra fa havaozina isan'andro ilay *"maha olona ao anaty" (2 Korintiana 4:16 DIEM).* Tena zava-dehibe ny mangataka am-pinoana isan'andro ny Fanahy Masina – Atao vain-dohandraharaha voalohany indrindra raha vao maraina, izany no tsara indrindra.

## MANOMBOKA NY ASANY AO AM-PONTSIKA NY FANAHY MASINA ARY AVY EO MIASA MANKAMIN'NY IVELANY

Ny lesona manan-danja manaraka izay ampianarin'I Jesosy ao amin'ny fanoharana momba ny masirasira dia izao: rehefa miaina ny vokatr'ilay fahasirasirana amin'ny Fanahy Masina isika dia hanomboka hiova ny fomba fanaovantsika zavatra, avy ao anaty mankany ivelany: "Toy ny masirasira izay rehefa mifangaro amin'ny sakafo dia miasa avy ao anatiny mankamin'ny ivelany, toy izany koa, amin'ny alalan'ny fanavaozana ny fo no hiasan'ny fahasoavan'Andriamanitra manova ny fiainana. Tsy misy fiovana ivelany izay ampy ahatonga antsika hanana fiainana mifandrindra amin'Andriamanitra. Maro ireo izay manandrana manao fanavaozana amin'ny alalan'ny fanitsiana zatsy fahazaran-dratsy zatsy na zaroa, ary manantena izy fa ho tonga Kristiana amin'ny alalan'izany. Diso fiaingana hatrany am-boalohany anefa izy ireo. Ny fo no hiandohan'ny asantsika voalohany."

Fanampin'izay koa: "Ny fanekem-pinoana sy ny fananana ny fahamarinana ao amin'ny fanahy dia zavatra roa samy hafa. Tsy ampy ny fahalalana fotsiny ny fahamarinana. Mety hananantsika izany

kanefa mety tsy mbola niova ny mpifehy ny fisainantsika. Tsy maintsy voaova sy voamasina ny fo.

Ny olona izay miezaka mitandrina ny didin'Andriamanitra amin'ny fahatsapana adidy fotsiny – satria izy voatery hanao izany – dia tsy hiditra na oviana na oviana ao amin'ny fifalian'ny fankatoavana. Tsy mankato izy. Rehefa isaina ho enta-mavesatra ireo fitakian'Andriamanitra satria mifanipaka amin'ny fironana maha olombelona izy ireo, dia fantatsika fa tsy fiainana Kristiana izany fiainana izany. Ny fankatoavana tena izy dia vokatry ny fiasan'ny filamatra avy ao anaty."[18]

Mipololotra avy amin'ny fiasan'ny Fanahy Masina ny zavatra eritreretintsika na ataontsika na tenenintsika, arakaraky ny handrosoan'ny fifohazana ao anatintsika. Ho voamariky ny hafa ny fahasamihafana teo amin'ny fomba fiainantsika. Hoy Ralph Luther: "Toherin'I Jesosy amin'ny fomba mahery vaika ny fanekena ny finoana izay miendrika kifombafomba ara-pivavahana anatiny fotsiny, ka tsy mitondra fiovana hatrany amin'ny fakany eo amin'ny fiainana andavanandro."[19]

Hoy ny hamakiantsika ny boky *Ilay Fitiavana Mandresy*: "Ain' ny fiainana ara-panahy ao amin' ny fanahy ny Fanahy Masina: Fizarana ny fiainan' i Kristy ny fizarana ny Fanahy. Mamonto ny mandray izany amin' ny toetra mampiavaka an' i Kristy izany. Izay nampianarin' Andriamanitra toy izany ihany, izay manana ny asan' ny Fanahy ao anatiny ihany, ary ao amin' izay anehoana ny fiainan' i Kristy ihany, ireo ihany no mendrika hijoro hampiseho ny Fiangonana sy hiasa hanabe voa azy."[20]

---

[18] Ibid., p. 97.
[19] Ralph Luther, *Neutestamentliches Wörterbuch, S.* 71, quoted in O. S. von Bibra, Der Name Jesus (Wuppertal, 1964), S. 98.
[20] Ellen G. White, *Ilay Fitiavana Mandresy,* p. 862.

Raha fintinina dia toy izao manaraka izao no fampianaran'I Jesosy momba ny Fanahy Masina:

- Miasa ao anatintsika amin'ny fomba tsy voamarika ny herin'ny Fanahy Masina manova fiainana. Matetika no vokatra sisa no voamaritsika.
- Ilay hery manova eo amin'ny fiainantsika dia avy any ivelan'ny tenantsika.
- Manomboka ao am-pontsika ary avy eo miasa mankamin'ny ivelany ilay hery manova.

Amporisihako manokana ny hamakianao ny toko momba ilay fanoharana ny amin'ny masirasira, ao amin'ny boky *Henoinareo ny Fanoharana*.

## TENY FARANY NATAON'I JESOSY: MIHAINOA NY FANAHY MASINA

Fantatrao ve ireo teny farany notenenin'I Jesosy tao amin'ny voninahiny any an-danitra ho an'ny fiangonan'ny andro farany? *"Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana."* (Apokalipsy 3:22) Miantso antsika tsirairay Jesosy mba hihaino ny Fanahy Masina, ary izany koa no irintsika hotanterahina.

## OVAO AHO!

Afaka manova ahy tokoa ve Jesosy ? Andeha isika haka ohatra ny sary hosodoko tsara tarehy iray. Tsy avy amin'ny kalitaon'ilay akora nanamboarana azy no nahazoana ny tombambidiny. Na sary hosodoko kely iray aza, eny fa na dia mety ho ambany kalitao aza, rehefa eo an-tanan'ny matihanina iray dia afaka mivadika ho sary hosodoko lafo vidy. Toy izany koa, manana fironana mpanota isika, "ambany kalitao" ny fiainantsika. Ny hany zava-dehibe anefa dia ny hoe mpahay zava-kanto kalazalahy no miasa amin'io "akora" io. Maniry hanao izany Jesosy, ary afaka manao izany Izy.

Afaka mamolavola anao sy izaho ho tonga mpanome haja Azy Izy. Atolory tanteraka isan'andro eo am-pelatanany ny tenanao ary mangataha am-pinoana ny Fanahy Masina. Ho gaga ianao hahita izay azony tanterahina ho anao, ao anatinao, ary amin'ny alalanao.

Nisy lahiantitra iray nipetraka teo amin'I London Bridge ary nitendry ny lokangany. Vola madinika vitsy monja no azony tao anaty satrony. Nisy lehilahy iray nandalo teo aminy ary niverina sady nilaza taminy hoe: "Omeo ahy vetivety ny lokanganao." Nanomboka nitendry feon-kira faran'izay kanto indrindra izy ka dia nihanitombo ireo olona nijanona hihaino. Niteraka korontana teo amin'ny fifamoivoizana mihitsy izany. Niccolo Paganini no anaran'io lehilahy io, ary mpitendry lokanga malaza izy.

Hianao no mpitendry voalohany eo amin'ny fiainanao, izay ve no irinao sa irinao ny hametraka ny fiainanao eo am-pelatanan'ilay Mpampianatra lehibe, anao ny safidy.

## FIJOROANA VAVOLOMBELONA MANOKANA AVY AMIN'NY MPAMPIANATRA IRAY SY NY IRAY TAMIN'NY MPIANANY :

Rehefa nozaraina tao am-piangonanay ilay boky « Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana », iray taona lasa izay, dia novakiako tao anatin'ny fotoana fohy izany. Raha vao teo am-pamakiana azy aho dia efa nahita fanandramana betsaka kokoa niarahana tamin'Andriamanitra mihoatra noho ny tamin'ny lasa rehetra. Nampitolagaga sy nampahery ahy izany. Hitako tao amin'ireo pejy fanampiny ao amin'ilay boky ity soso-kevitra manaraka ity : « Ny fikarohana ara-pedagojika dia maneho fa ilaina ny mamaky na mihaino inenina hatramin'ny impolo ny lohahevitra hiankinan'ny aina anankiray, mandrapahatakarantsika azy amin'ny fahafenoany. » Nisarika ny fahalianako ireto teny mamporisika ireto : « Manandrama indray mandeha aloha. Haharesy lahatra anao ny vokatra. »

Naniry hanandrana izany aho ary raha vao namaky ny boky fanintelony fotsiny aho dia efa babony, ary nahatsapa fitiavana lehibe ho an'ilay Mpanavotra tato anatiko, izay niriko lalina nandritra ny fiainako manontolo. Tao anatin'ny roa volana dia efa voavakiko inenina ilay boky ary tena mahaleo ny ezaka natao ny vokatra. Toy ny azoko tsara izany hoe manao ahoana Jesosy rehefa manakaiky antsika, ary afaka mijery ny masony feno fahadiovana, sy halemem-panahy ary fitiavana isika. Nanomboka teo dia tsy te hiaina tsy misy an'io fifaliana ao amin'ilay Mpamonjy io intsony aho.

Vao mifoha aho amin'ny maraina dia efa tsy andriko ny fotoana fibanjinana maraina fanaoko mba hanandramako indray ny fiarahana amin'Andriamanitra. Mandritra ny tontolo andro aho dia mivavaka moramora mba hanampian'ny Fanahy Masina ahy amin'ny zavatra eritreretiko rehefa miresaka aman'olona, ny ohatra asehoko raha eo am-pampianarana sy eo am-pifandraisana amin'ny hafa.

Raha misy ankizy maniry fatratra ny hifantohako aminy sy maneho izany amin'ny zavatra ataony dia nomen'Andriamanitra hery sy fahendrena aho hiatrehana izany. Nanomboka hatreo dia feno ny fanatrehan'ilay Mpamorona ireo andro hiasako. Manampy ahy ara-bakiteny Izy eo amin'ny fiainako andavanandro. Nanomboka hatreo dia mivavaka mba hirotsahan'ny Fanahy Masina aho rehefa maraina, sy eny anelanelam-potoana eny. Toy ny hoe miha-manakaiky kokoa ny lanitra ny tena, ary afaka manandrana sahady ny tsiron'ny hoe manao ahoana ny any.

Rehefa namaky ilay boky aho dia tonga tao an-tsaiko fa tokony hizarana izany fanandramana izany ihany koa ireo mpianatro. Mampianatra ankizy 10-15 taona aho ao amin'ny Sekolintsika Advantista ao Vorarlberg, Aotrisy. Dia nivavaka aho mba hanomezan'Andriamanitra ahy fahafahana hanao izany. Tsy ela taorian'io dia nahita fanandramana anisan'ny mahafinaritra indrindra aho, ny amin'ny ahafahan'ny Fanahy Masina miasa ao amin'ny fon'ny tanora.

## I RUFFIAN (13 TAONA) SY NY FANAHY MASINA

Herintaona mialohan'ny namakiako ilay boky momba ny Fanahy Masina no nanombohan'ilay fanandramana. Nisy mpianatra vaovao vao niditra tao amin'ny sekolinay, ary tao anatin'ny andro vitsy monja dia nivadika ho toerana fanaovana ady totohondry ilay sekolinay izay toy ny toerana fakan'aina sy feno fiadanana. 13 taona ilay ankizilahy tamin'io kanefa raha vao jerena dia izy no goavana sy matanjaka indrindra tamin'ny ankizy rehetra. Toa nanjavona tao anatin'ny fotoana fohy ireo zavatra maro nianarana sy nitondra voka-tsoa nandritra ny taom-pianarana.

Aleo izy no hitantara amin'ny fiteniny : « Raha vao tonga tato amin'ny sekoly misy ahy ankehitriny aho dia tsy nisy na inona na inona fantatro ny amin'izay zavatra niandry ahy. Tamin'ny andro faharoa nahatongavako dia nisy ankizy nihantsy ady sy namely ahy, ka dia nanomboka niady tamin'ny iray tamin'ireo mpiara-mianatra tamiko aho. Nasiako izy na dia hitako fa kely noho izaho aza ; norahonako izy ary tsy te hahita azy intsony aho. Taty aoriana dia tsapako ny hadisoako ary niala tsiny taminy aho, toy ny nataoko tamin'ny lasa ihany. Taorian'izay aho dia nifampiresaka tamin'ny talen'ny sekoly. Nanomboka nisy dingana mitohy niseho tato anatiko tao anatin'ireo volana manaraka. Mahagaga fa tsy ary niseho na oviana na oviana izany tany aloha, nefa aho dia zanaka Pasitora! Nanomboka nandany fotoana misimisy kokoa niarahana tamin'i Jesosy aho. »

Nihevitra aho fa nila fiheverana manokana fanampiny io tovolahy io. Fantany ny tsi-fahombiazany, nanenina tamin'izany izy ary niezaka indray, kanefa tsy mba nahita fahombiazana naharitra ela tamin'ny herin'ny tenany izy. Tamin'ny voalohany dia tena sarotra ny tsy ahitana andro anankiray izay tsy hiadiany amin'ny hafa izany. Nihatsara tsikelikely anefa ny toe-draharaha. Taorian'ny enim-bolana dia nilaza izy fa angamba ireo vavaka natao no nahatonga azy hanakaiky kokoa an'Andriamanitra. Teo anelanelany teo dia

nanomboka nivavaka nangataka hery izy ny maraina. Lasa nihanahalana ny krizina haromontana sy fiadiana fanaony.

11 volana izay no lasa taorian'ny nahatongavany tao antsekolinay ary vao maika mahita fihatsarana misimisy kokoa izahay. Indraindray dia tsy voafehiny ihany anefa ny hatezerany, ny fitenenandratsy, ny totohondry sy ireo fisen-doatra tampoka. Ara-nofo ihany anefa izany – niezaka izy ny handresy amin'ny herin'ny tenany sy ny fahatakarany, izay indraindray nahomby ary indraindray tena tsy nahomby mihitsy. Nisy vokany ihany ireo vavaka nataonay, kanefa mbola tsy araka ny tokony ho izy ny fomba fisainany, ary mbola tsy teo ny hery manavaon'ny Fanahy.

Inona moa no mahasoa amin'izany hoe hitan'ilay olona ny hadisoany, miezaka ny mifehy ny tamban-toetrany izy, dia avy eo lavo indray ao aoriana kelin'izay ? Tamin'ny fotoana izay nahatsapako hoe efa tokony hifaranan'ireo olako, tamin'izay indrindra no nandraisako ilay boky voalaza etsy ambony. Tamin'ny fotoanany mihitsy no nahatongavan'izany boky izany. Avy eo dia tsapako ny zavatra tsy ampy teo aminay. Tsy inona izany fa ny herin'ny Fanahy Masina. Tsy mba nangataka Azy akory hanampy anay izahay !

Hatramin'ny fotoana izay nikasihan'ny hafatr'ilay boky « Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny tena manokana » ahy, dia nanana fahasahiana aho nanontany ilay tovolahy raha toa ka efa nivavaka mba handraisany ny Fanahy Masina izy teo aloha. Tsia – tsy mbola nanao izany izy. Avy eo aho dia niezaka namoha ny fahalianany tamin'ilay boky. Tsy mbola nomeko azy anefa izany. Tena tokony maniry izany tokoa izy, ary vetivety foana dia nangatahiny ilay boky.

Hoy indray ny fitantarany : « Nomen'ny mpampianatra ahy ilay boky 'Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny tena manokana' tamin'ny Novambra 2012. Tsy andriko izay nanombohana namakiana

izany. Tamin'izany fotoana izany dia tsy mbola nahafantatra loatra izany fiasan'ny Fanahy Masina izany aho. »

Vao tamin'ny andro voalohany dia efa toy ny nohaniny indraim-bava sahady ny toko roa voalohany, ary dia nanontany ahy izy hoe impiry aho no namaky an'io boky io. Nanomboka namaky avy hatrany indray ireo toko ireo izy ary naniry ny hanatanteraka ara-bakiteny ny soso-kevitr'ilay boky : mamaky izany inenina hatramin'ny impolo.

Betsaka ny zavatra niova nanomboka hatreo. Tsy nisy intsony ny ady totohondry sy ny rombo nanomboka tamin'ny Desambra 2012, na izaho aza saika tsy nino izany. Lasa namany ireo ankizilahy izay niadivany isan'andro ary nahay niara-nonina tam-pirindrana izy ireo. Niova tanteraka izy – mahalala fomba, nisolo toerana ny toeny mahery setra ny faniriana hanampy sy ny fiadanam-po. Afaka manamafy ireo mpiara-mianatra taminy fa tena niditra an-tsehatra Andriamanitra. Hitanao ny vokany isan'andro. Voninahitra ho an'Andriamanitra ary tiako ny milaza fa nanapa-kevitra hatao batisa ilay tovolahy ny volana Jona 2013. Moa tsy avy amin'ny Fanahy Masina ve izany … ?

Nihevitra mandrakariva aho fa afaka ny hifehy zaza iray sy hamerina azy handinika sy hisaina tsara. Mety hahavitana izany ny faharetana, ny fahalianana, ary ny dinidinika maro, tsy mahomby mandritra ny fotoana maharitra anefa izany. Tsy maintsy niditra an-tsehatra Andriamanitra ary nampianatra ahy fa ny Fanahiny no mahatonga ny zavatra tsy azo heverina akory ho lasa azo tanterahina. Indray andro any rehefa any an-danitra io zazalahy io, dia ho fantatro fa Andriamanitra no nahatanteraka izany. Rehefa afa-nenina tamin'ny fahendrena nananako aho vao nahatakatra hoe tsy ho azoko atao ny hitari-dalana azy, izay vao nanomboka nanova azy hatramin'ny fakany Andriamanitra. Mampahery ahy ny mahita fa tsy misy izany hoe fiainan'olona tsy misy fanantenana intsony izany eo imason'Andriamanitra. C.P.

*Vavaka : Rainay izay any an-danitra, misaotra anao ny amin'ny fanomezana tsy hay tombanana dia ny Fanahy Masina. Mamelà ahy tamin'ny nanaovako ambanin-javatra ny Fanahy Masina. Manomboka izao dia ampio aho hanao azy ho Lahara-pahamehana ambony indrindra. Mangataka Anao aho mba hampisondrotra ny fiainako ho amin'ny fatra vaovao isan'andro. Miasà ato anatiko mba ahafahako mangataka isan'andro ny Fanahy Masina. Nangataka isan'andro ny Fanahy Masina Jesosy. Ampio aho mba hanaraka ny Ohatra nasehony.*

*Aoka ny fiteninareo ho amin'ny fahasoavana mandrakariva, ho mamy sira, mba ho fantatrareo izay tokony havalinareo ny olona rehetra.*

*Kolosiana 4:6*

## FISAINTSAINANA MANOKANA SY TARI-DALANA HIFANAKALOZAN-KEVITRA

*1. Fampianarana inona momba ny asan'ny Fanahy Masina no azontsika hianarana avy amin'ilay fanoharana momba ny masirasira?*

*a) Amin'ny fomba ahoana no hitrangan'ny fiovan'ny toetsika?*
*b) Midika inona eo amin'ny fanovana ny toetsika ilay fanambaran'I Jesosy manao hoe, "raha misaraka Amiko hianareo dia tsy mahay manao na inona na inona" ?*
*d) Ahoana no ahafahantsika mahatakatra ny fomba fiasan'ny Fanahy Masina eo amin'ny fanovana ny toetsika?*

*2. Jesosy no ilay Mpahay zava-kanto ary isika no sary hosodoko eo an-tanany. Inona no lesona azontsika hianarana avy amin'io hevitra io?*

## FOTOAM-BAVAKA ATAONTSIKA

*Antsoy ilay namana mpiara-mitolona am-bavaka aminao ary mifanakaloza hevitra momba ny lohahevitra.*
*Miaraha mivavaka aminy:*
*1. Mba hanandramantsika tsy tapaka ny fitomboana, noho ny fahasoavan'Andriamanitra miasa.*
*2. Mba hahatonga antsika hahatsiaro mandrakariva fa ilay hery manova dia avy any ivelantsika fa tsy hoe efa ao anatintsika, na manana fanapahan-kevitra matanjaka manao ahoana aza isika.*
*3. Mba ho hita maso tsikelikely eo amin'ny fiainantsika ilay herin'ny Fanahy Masina manova.*
*4. Mba ho voamaritsika mandrakariva ny herin'Andriamanitra manova ny hafa.*
*5. Mba ahafahantsika manampy ny olona rehefa te hampiasa antsika Andriamanitra, amin'ny maha tanana manampy antsika.*

# TOKO 2 : MITOLO-BATANA AMIN'I JESOSY

*Moa lasa tsy manana sitra-po intsony ve aho? Sa vao maika aho lasa matanjaka kokoa ?*
*Inona no mety manakana ahy tsy hanolotra ny tenako ho an'I Jesosy?*

*Ny hoe mitolo-batana amin'Andriamanitra ve dia midika ho fahafoizana ny sitrapontsika?*

Averina mandrakariva ny maha-zava-dehibe ity hafatra mampahery ity: voavonjy amin'ny alalan'ny finoana isika (Jaona 3:16; Asa 16:31, sns). Ny fitokisana no toetra voalohany mampiavaka ny finoana ara-baiboly. Na iza na iza no mitoky amin'I Jesosy dia hametraka eo am-pelatanany ny fiainany. Midika izany fa voavonjy isika satria nametraka ny fiainantsika tamin'Andriamanitra tamin'ny alalan'I Jesosy Kristy. Famantarana mazava sy ahitana maso ny finoantsika marina ny fileferana ombam-pitokisana eo amintsika.

Ny fileferana feno no fanalahidin'ny famonjena, ny fahateraham-baovao, ny fandresena ny ota sy ny fakam-panahy, ary ny fahafenoan'ny Fanahy Masina.[21]

"Ireo izay mandray an'I Kristy amin'ny Teniny, ary mampilefitra ny fanahiny ho eo ambanin'ny Fiahiany, ny fiainany ho eo ambanin'ny Fandaminana ataony, dia hahita fiadanana sy filaminan-tsaina. Tsy misy zavatra eto amin'izao tontolo izao izay

[21] Garrie F. Williams, *How to Be Filled With the Holy Spirit and Know It,* German version (Lüneburg, 2007), p. 78.

afaka ny hitondra alahelo ho azy ireo satria efa nataon'I Jesosy sambatra izy ireo tamin'ny alalan'ny Fanatrehany. Ao amin'ny fanekena tanteraka no hisian'ny fitsaharana tanteraka."[22] Ny Fanahy Masina no fanomezana faratampony izay nomen'I Jesosy ny mpianany. Tsy afaka nanome mihoatra noho izany Andriamanitra. Ny Fanahy Masina no ilay fanomezana izay mitondra ireo fanomezana hafa rehetra miaraka Aminy. "Tahaka ny teny fikasana rehetra anefa, dia misy fepetra ny hanomezana izany. Betsaka ny mino sy milaza ho mitaky ny teny fikasan' i Jehovah ; miresaka ny amin' i Kristy sy ny amin' ny Fanahy Masina izy, nefa tsy mandray tombon-tsoa. Tsy mampilefitra ny fanahy hotarihin' ireo fiasan' Andriamanitra sy hofeheziny izy."[23]

Misy fepetra izay mifamatotra amin'ny fandraisana an'io fanomezana io. Miresaka matetika momba an'I Kristy sy ny Fanahy Masina isika kanefa tsy mandray fitahiana na ny kely akory aza. Nahoana? Tsy mbola nilefitra tanteraka Taminy isika mba hahatonga antsika hotarihany. Maro ireo izay tsy nampilefitra ny tenany tamin'Andriamanitra – matetika vokatry ny tsy fahalalana – fa vao maika aza nandray an-tanana ny fiainany. Mety ho izany no anton'ny hisian'ny banga, ny tsy fisian'ny Fanahy Masina. "Azo antoka fa ny fahatokiana amin'ireo zava-madinika no porofon'ny fahavononana ho amina andraikitra lehibe kokoa. …

… [Rehefa tsy atao anefa izany dia] tsy mahazo ny fahasoavana, ny hery, ny tanjaky ny toetra izy, izay raisina vokatry ny fileferana tsy misy fepetra."[24]

---

[22] Ellen G. White, *The Desire of Ages,* p. 331.
[23] Ellen G. White, *Ilay Fitiavana Mandresy*., t. 725.
[24] Ellen G. White, *Prophets and Kings* (Nampa, ID: Pacific Press Publishing Association, 2002), pp. 218, 219.

## NY DIA NOLALOVAKO MANKEO AMIN'NY FILEFERANA

Mpandraharaha enina amby telopolo taona aho tamin'ny fotoana izay nahafatesan'ny namana pasitora iray tampoka. Nampitsiry fanontaniana iray tao an-tsaiko izany: Inona no hiseho raha antsoin'Andriamanitra ho mpitandrina aho? Tsy niriko mihitsy anefa izany. Nandalo ady mangidy aho nandritra ny herinandro ngarangidina. Nivalo tamin'Andriamanitra aho ny maraina, ny atoandro, ary ny hariva. Nohazavaiko Taminy ireo antony mahatonga ahy tsy maniry ho tonga mpitandrina, sy izay zavatra azoko atao ankoatr'izay. Taorian'ny herinandro anankiray dia niaiky aho fa ohatran'ny tsy nohenoin'Andriamanitra mihitsy ireo fanoherako. Raha teo am-pandohalehana teo amin'ny fandriako aho ary tsy nanana fonjan-kevitra aroso intsony, nisy hevitra mampitony izay tonga tao an-tsaiko: "*Tia anao Andriamanitra*!" Ary hoy aho hoe: *Eny, mino izany aho.*

Minitra vitsy taorian'izay, nitarika ahy hampilefitra tanteraka ny fiainako tamin'ny Tompo ny fitokisana ny fitiavan'Andriamanitra. Nisy fiadanana feno taorian'izay. Niantso ahy ho mpitandrina ny Tompo, herintaona sy tapany taty aoriana raha ny tena marina. Mbola feno fankasitrahana Azy ihany ny foko ankehitriny. Ny Fitiavany sy ny Fahendreny tsy hita fetra no naneho tamiko lalana hafa noho izay noeritreretiko mihitsy. Rehefa manao jery todika aho dia mahita mazava fa niteraka fitahiana lehibe teo amin'ny fiainako io fileferana io. Nitarika ahy tamin'ny fomba tsara indrindra teo amin'ny fiainako Andriamanitra.

## NAHOANA NO HILEFITRA?

Hazavaina amin'ny fahafenoany io voambolana hoe *milefitra na mitolo-batana* io ao amin'ny Boky *Ny Dia ho eo amin'I Kristy*: "Maniry hanasitrana sy hanafaka antsika Andriamanitra. Kanefa satria ilàna fiovàna tanteraka izany, dia fanavaozana ny toetra rehetra ara-

tsaina amam-panahy, koa dia tsy maintsy atolotsika Azy ny tenantsika manontolo. …

… Asehony eo anoloantsika ny hahavon' ny fitahiana izay iriny hitondrana antsika amin' ny fahasoavany. Angatahiny hanome Azy ny tenantsika isika, mba hahaizany mampiasa ny sitrapony ao amintsika. Anjarantsika ny mifidy, raha tiantsika ny hoesorina amin' ny fanandevozan' ny ota, ka hiara-manana ny fahafahana be voninahitra amin' ny zanak' Andriamanitra."[25]

Mitondra fitahiana goavam-be ny fileferantsika amin'Andriamanitra. Manasa antsika Izy hanolotra ny tenantsika ho Azy satria iriny ny hanasitrana sy hanafaka antsika. Amin'ny inona?

"Izay fanahy tsy manolo-tena hotapahin' Andriamanitra dia ho eo ambany fitarihan' ny hery hafa. Tsy ho tompon' ny tenany intsony izy. Mety hiteny fahafahana izy ; nefa raha ny marina dia eo amin' ny tobin' ireo mpanompo ambany indrindra no misy azy. Tsy tsinjony ny hasoan' ny fahamarinana fa i Satana no manapaka azy. Amin' ny fotoana iheverany fa ny sainy ihany no mibaiko ny fanapahan-keviny no angejan' ilay andrian' ny aizina ny sitrapony. Tonga hanapatapaka ny fatoran' ny fanandevozana izay mangeja ny fanahy Kristy. *«Koa raha ny Zanaka no hahafaka anareo dia ho afaka tokoa hianareo». (Jaona 8:36) «Fa ao amin' i Kristy Jesosy ny lalàn' ny Fanahin' aina no nahafaka ahy tamin' ny alalan' ny fahotana sy ny fahafatesana» (Romana 8:2)"*[26]

"Ny lalàn'ny Fanahin'aina dia ny hery manome aina avy amin'ny Fanahy Masina. … Mitondra aina sy fahafahana ny Fanahy, tsy toy ny lalàn'ny fahotana izay tsy mitondra afa-tsy fahafatesana sy fanamelohana."[27]

---

[25] Ellen G. White, *Ny Dia ho eo amin'I Kristy*, t. 41.
[26] Ellen G. White, *Ilay Fitiavana Mandresy,* t. 501.
[27] *Seventh-day Adventist Bible Commentary,* Vol.6, p. 560 to Rom. 8,2

Raha avela hitari-dalana eo amin'ny fiainantsika Jesosy dia hanafaka antsika Izy, amin'ny fanjakazakan'ny izaho (fitsiriritana, lolom-po, fifandirana, hatendan-kanina, fiankinan-doha, hatezerana, rehareha, sain-dratsy, hakiviana, fahatsapana ho ambany, sns). "Amin' ny fiovana hita rehefa milefitra eo amin' i Kristy ny fanahy, dia mahatsapa fahafahana izany fanahy izany."[28] Tsarovy fa ny tenan'ny tsirairay ihany no tena olany goavana indrindra. Ianao ihany no tena olanao lehibe indrindra. Andriamanitra irery ihany no afaka mitarika antsika ho amin'ny fahafahana marina.

Tsy afaka hiasa afa-tsy amin'ny tanimanga izay eo ampelatanany anefa ilay mpanao sary sikotra. Izany no mahatonga antsika mitolo-batana amin'Andriamanitra. Amin'izany fomba izany no hanirian'Andriamanitra hanafahana antsika amin'ny herin'ny ota sy hanomezany antsika ny fitarihan-dalana sy ny fiarovana avy any ambony.

"Maniry hanasitrana sy hanafaka antsika Andriamanitra. Kanefa satria ilàna fiovàna tanteraka izany, dia fanavaozana ny toetra rehetra ara-tsaina amam-panahy, koa dia tsy maintsy atolotsika Azy ny tenantsika manontolo."[29] "Manatsotra betsaka ny olan'ny fiainantsika ny fampileferana ny herintsika rehetra ho eo amin'Andriamanitra. Mandemy sy mamarana ireo olana an'arivony aterak'ireo fironan'ny fo maha-olona izany."[30]

## INONA NO AMBARAN'NY BAIBOLY MOMBA NY FILEFERANA?

Hoy ny Romana 6:13, *"ary aza manolotra ny momba ny tenanareo ho amin'ny ota ho fiadian'ny tsi-fahamarinana; fa atolory ny tenanareo ho an'Andriamanitra, toy ny efa maty nefa velona, ary*

[28] Ibid.
[29] Ellen G. White, *Ny Dia ho eo amin'I Kristy,* p. 41.
[30] Ellen G. White, *My Life Today* (Hagerstown, MD: Review and Herald Publishing Association, 1999), p. 6.

*ny momba ny tenanareo ho fiadian'ny fahamarinana ho an'Andriamanitra."* Araka ny voalazan'io andalan-teny io, ny hoe fileferana dia midika ho fanolorana ny tenanao ho an'Andriamanitra sy fametrahana ny tenanao ho eo am-pelatanany.

Toy izao manaraka izao ny fanazavan'I Hanna W. Smith, mpanoratra Kristiana iray, an'io andalan-teny io: "Ny hoe milefitra amin'ny zavatra iray dia midika ho mahafoy zavatra iray, manolotra zavatra iray ho fananana sy ho eo amban'ny fitantanan'ny olona iray hafa. Toy izany koa no hevitry ny hoe mampilefitra ny tenantsika. Lasa manana fahefana hifehy sy ho tompontsika ny Tompo vokatr'izay. Midika ho fahafoizana ny tena sy fampileferana ny tenantsika izany."[31]

Hoy ny Romana 12:1, *"Koa amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindram-pon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy* mety hataonareo izany."* Inona no antony mahatonga antsika mila mampilefitra ny fiainantsikaho amin'Andriamanitra, araka ny voalazan'io andalan-teny io? "*Noho ny famindram-pon'Andriamanitra*." Ny fileferana no valiny asetrintsika an'ilay Andriamanitra be famindram-po, ilay Andriamanitra Fitiavana.

Ny fileferana dia midika ho fametrahana tanteraka ny tenantsika ho eo am-pelatanan'Andriamanitra, ho eo ambany fifehezany, fanolorana ny fiaintsika ho Azy ho fanatitra, tsy toy ny sorona dorana tamin'ny andron'ny Testamenta Taloha, fa toy ny fanatitra velona izay mivelona ho Azy manomboka eo amin'ny fotoan'ny fileferana.

Rehefa manao jery todika ny fiainako aho dia afaka milaza fa nialohan'ny fileferako dia toy ny fanaovana sorona ny fiheverako

---

[31] Hanna W. Smith, *Christsein täglich* (To Be a Christian Daily) (Asslar, 1994), p. 38.

izany. Taorian'izay anefa dia tsapako fa tsy fanaovana sorona izany fa kosa fitahiana tsy hita fetra.

Hoy ny fanazavan'i Johannes Mager : « Ny fileferana, ny fahafoizana ny tena, ny fanaovana fanekena, ho eo ampelatanan'Andriamanitra tanteraka – voambolana mahatahotra kanefa manandratra izany rehetra izany. Tsy fihetseham-po na fahatsapana eo no ho eo fotsiny ny fileferana. Midika ho fanolorana ny tena ho an'Ilay tiantsika izany."[32]

Ny 2 Korintiana 5:15 dia milaza ny vokatry ny fanolorana ny tena: *"ary maty hamonjy ny olona rehetra Izy, mba tsy ho velona ho an'ny tenany intsony izay velona, fa ho an'izay efa maty sy nitsangana hamonjy azy."* Ny fileferana dia midika hoe mivelona ho an'I Jesosy.

Ny mivelona ho an'I Jesosy dia tsy midika ho fanompoana azy mandritra ny fotoana feno fotsiny fa kosa: *"na inona na inona no ataonareo, na amin'ny teny, na amin'ny asa, dia ataovy amin'ny anaran'i Jesosy Tompo izany, ka misaora Andriamanitra Ray amin'ny alalany." (Kolosiana 3:17)*

Hoy Charles T. Studd, "Raha toa ka Andriamanitra I Jesosy Kristy ary maty ho ahy Izy, dia tsy misy sorona lehibe loatra ho ahy izay azoko entina eo Aminy."[33]Nampihatra izay nolazainy io lehilahy io. Mpihazakazaka kalazalahy tany Angletera izy. Rehefa lasa Kristiana izy dia najanony ny anton'asany, nomeny fikambanana misionera iray ireo volany an-tapitrisany, ary nandeha nanao misionera tany Sina izy, avy eo tany India, ary farany tany Afrika. Mbola mijoro sy miasa ankehitriny ny fikambanana misionera izay

---

[32] Johannes Mager, *Unser größtes Bedürfnis* (Our Greatest Need) (Lüneburg, 2011), S. 47, 48.

[33] Norman B. Grubb, Charles Studd, *Kein Opfer zu groß* (No Sacrifice Is Too Great), "Introduction."

najorony ary manana misionera 1.800 miasa manerana an'izao tontolo izao. Nanolotra ny fiainany ho an'I Jesosy izy.

## NANOLOTRA NY TENANY HO ANTSIKA SY TAMINTSIKA JESOSY

Misy zava-dehibe iray izay tsy tokony hadinoina. Tsy mandeha ila ny fanolorana ny tena. Jesosy no nanolotra ny Tenany voalohany ho antsika. Nomeny antsika ny zavatra rehetra izay azon'Andriamanitra nomena, ary manasa antsika izy hanome izay zavatra rehetra azontsika omena. Resaka zavatra rehetra asetry ny zavatra rehetra izany. Misy fahasamihafana goavam-be anefa ny zavatra rehetra izay an'Andriamanitra sy ny zavatra rehetra izay azoko omena. Na izany aza dia tsy misy afaka manome afa-tsy ny zavatra rehetra eny aminy.

- Mitarika ho amin'ny fifandraisana mampitolagaga amin'I Jesosy sy ny Ray ny fileferana. (Hitoetra ao Aminy ianao – Jaona 14:23; haneho ny Tenany aminao Jesosy – Jaona 14:21).
- Tonga amin'ny fahafantarana ny marina isika amin'ny alalan'ny fileferana (*Jaona 7:17 - 17 Raha misy olona ta-hanao ny sitrapony, dia hahalala ... izy*)
- Mahazo hery lehibe isika rehefa mivavaka, amin'ny alalan'ny fileferana. (1 Jaona 3:22 - 22 *Ary na inona na inona no angatahintsika dia raisintsika aminy ...)*
- Ny fileferana no lalana ho amin'ny fifaliana tanteraka. *(Jaona 15:11 – Ka ho tanteraka ny fifalianareo.)*
- Ny fileferana no fanalahidin'ny fiainana anatin'ny fiavosana. (Jaona 10:10; Efesiana 3:19)
- Ny fileferana no fototra izay ahafahan'Andriamanitra miasa eo amin'ny fiainako. (*Jaona 7:38 – onin'ny rano velona miboiboika; Jaona 14:12 – asa lehibe noho izany; Jaona 15:4,5 – mamoa be.)*
- Tsy mahita irika eo amin'ireo izay milefitra eo amin'Andriamanitra Satana. (1 Jaona 5:18 – tsy afaka hikasika azy ilay ratsy, raha tsy hoe nahazo alalana manokana

tamin'Andriamanitra, toy ny tantaran'I Joba. Miara-miasa hahasoa anefa ny zavatra rehetra ary tsy hihoatra noho izay zakantsika na oviana na oviana.)

**DINGANA DIMIN'NY FANOLORANA NY TENA**

Nisy mpanoratra iray niresaka ny amin'ireo dingana dimin'ny fanolorana ny tena:

- Ny fanolorana ny vola no dingana ambany indrindra amin'ny fanolorana ny tena.
- Ny fanolorana ny fotoana no dingana manaraka.
- Avy eo dia ny fanolorana ny herintsika sy ny talentantsika, ny fanompoantsika;
- Aorian'izay dia ny fanolorana ireo tahotra sy ireo fanantenantsika, ao anatin'izany ireo zavatra rehetra voalaza tetsy ambony.
- Ny fanolorana ny mahaolona antsika manontolo, izay midika ho ny fanolorana amin'ny fahafenoany ny sitrapontsika sy ny fiainantsika eo amin'I Jesosy.[34] Io teboka farany io no manoritsoritra ny tena fanolorana ny tena marina.

Mahafinaritra tokoa ny manolotra ny tenantsika ho an'ilay Raintsika any an-danitra satria mitoky amin'ny Fitiavany isika ary tsy avelany ho lasa lavitra loatra toa ilay zanaka adala ao amin'ilay fanoharana nataon'I Jesosy. Nitolo-tena izy rehefa latsaka farany lalina teo amin'ny fiainany, ary izay vao nanapa-kevitra hody any an-tranony. Raha nanakaiky ny tranon-draiaman-dreniny izy dia tonga ny rainy hitsena azy sy hamihina azy. Noekeny ho zanany amin'ny fahafenoany izy. Izay vao takatr'ilay zanaka mazava ny fitiavan'ilay rainy. Izany no nahatonga ny tolo-batana ho lasa fanolorana ny tena vokatry ny fitiavana.

[34] Dean M. Kelley, "How Adventism Can Stop Growing," *Ministry,* February 1983, p. 4.

## TRANGA MAMPALAHELO IRAY

Ity tranga manaraka ity dia niseho tany Frantsa ary manampy antsika ahazoana ny lesona: Nisy vadin'ny lehilahy Frantsay mpanankarena iray izay nizara tsiambaratelo tamin'ny olona iray. Nitondra tavoahangy nisy poizina teny an-tanany izy. Niomana hamono tena izy noho ireo zava-tsarotra tao an-tokantranony. Hoy izy, "Vao omaly aho no nitaraina tamin'ny vadiko, kanefa hoy ny navaliny tampahatairana sy tam-pahazendanana: 'Inona no mbola tadiavinao ankoatr'izay? Efa any aminao ny taratasim-bolako (midika fa eo ampelatanany ny vola rehetra izay tadiaviny), efa anao ny tranoko, ary misakafo miaraka amiko ianao. Efa azonao ny tombotsoa rehetra vokatry ny toerana misy antsika, dia mbola mitaraina ihany ianao?' Hoy aho taminy," hoy ny fanohizan'ilay vehivavy, "Ny fonao no ilaiko, iriko ny hitiavanao ahy.' Hoy izy nitsamboatra: 'Tsy afaka mahazo izany ianao. Fantatrao fa efa an'ny vehivavy hafa ny foko. Anao ny fananako rehetra, fa raha ny foko, ny fitiavako, dia tsy ho azo heverina ny hitakianao izany amiko."[35]

Tsy misy olona izay tia olona iray hafa ka ho faly amin'ny valiteny toy izany. Tsy izay habetsahan'ny fananan'ny vadiny no zava-dehibe amin'ilay vehivavy. Ny zava-dehibe taminy dia ilay vadiny, amin'ny mahaolona azy.

"Tsy mila zavatra avy aty amiko ny Tompontsika lehibe. Izaho no hilainy. Tsy mila ampahany amin'ny fotoako na amin'ny fananako, na amin'ny talentako sy ny fahaiza-manao hananako Jesosy."[36] Izaho no ilainy satria tia ahy Izy ary iriny ny hahasambatra ahy.

---

[35] Oswald Smith, *The Man God Uses* (New York: The Christian Alliance Publishing Company, 1925), p. 26.

[36] Johannes Mager, *Unser größtes Bedürfnis* (Our Greatest Need) (Lüneburg, Werner E. Lange, 2011), S. 48.

Tokony hanolotra ny tenantsika isika; tokony hatolotsika ny izahontsika, miaraka amin'ny zavatra rehetra izay hananantsika sy ny mahaizy antsika manontolo. Tokony hatolotsika ny tenantsika ho eo ambany fiahiana, fitarihana ary sitrapon'Andriamanitra. Izany no fanompoam-panahy mety ataontsika izay hiantsoan'ny Romana 12:1 antsika.

Rehefa milaza ny fanolorana tanteraka ny tena ho "fanompoana mety atao" ny Tenin'Andriamanitra, dia midika izany fa ny fanolorana ny tena eo amin'Andriamanitra no zavatra mety indrindra azontsika atao. Inona moa no mety atao kokoa mihoatra noho ny fametrahana ny aretintsika eo an-tanan'ny mpitsabo mahay iray raha toa ka marary isika? Inona no mety atao kokoa mihoatra noho ny mametraka ny tenantsika eo ambany fitarihan'ny mpitari-dalana manan-traikefa iray raha toa ka very lalana isika?

Tsy fatiantoka ny fanolorana tanteraka ny tena, fa tombony lehibe. Mahantra, adala sy efa tsy avotra intsony aho, raha ampitahaina amin'Andriamanitra. Moa ve ka tsy fahendrena ny fametrahana ny tenako eo am-pelatanany? Tokony hitoky amin'Ilay Anankiray izay namorona ahy aho, izay naniry ny fisiako, izay tia ahy ary afaka miahy ireo zavatra ilaiko rehetra. Amin'ny alalan'ny fileferantsika, dia miandany amin'ny fitiavan'Andriamanitra sy ny heriny tsy hita fetra isika. Fidirana ho amin'ny fiainana izay tarihan'Andriamanitra izany.

Ny tolo-batana feno izay ataontsika no fanombohan'ny fiainana miavosa betsaka kokoa (Jaona 10:10), izay irin'I Jesosy omena antsika. Ary mitondra fandresena ny ratsy ihany koa io fanolorana ny tena io, araka ny hamafisin'ny Apokalipsy 12:11: *"11 Ary izy ireo naharesy azy (1) noho ny amin'ny ran'ny Zanak'ondry (2) Sy ny teny filazana Azy, Ary (3) tsy nankamamy ny ainy intsony izy, na dia ho faty aza."* Maneho izany fa tena ilaina ny fanolorana ny tena amin'ny fahafenoany raha te handresy ny ota sy Satana, ary izany no zavatra tsara indrindra azontsika atao.

Toy izao voalazan'ny boky *Henoinareo ny Fanoharana*: "Aoka tsy hisy olona hilaza ho tsy afaka manarina ireo tsy fahatomombanan'ny toeny. Raha tonga amin'izany fanapahan-kevitra izany ianao dia tsy hahazo ny fiainana mandrakizay. Ny sitraponao no mahatonga izany tsy ho tanteraka. Tsy afaka ny handresy ianao rehefa tsy manana sitrapo hanao izany. Avy ao amin'ny fo tsy voamasina sy avy amin'ny tsy fahavononana hilefitra amin'ny fifehezan'Andriamanitra no tena hipoiran'ny fahasarotana marina."[37] "Nomena an'I Jesosy - izay nanafoana ny Tenany ho famonjena ny taranak'olombelona very - tsy nisy fatrany ny Fanahy Masina,. Toy izany ihany koa no hanomezana ho an'ny mpanara-dia an'I Kristy tsirairay, rehefa ampileferina amin'ny Fitoerany ao anaty ny fo manontolo."[38]

Hitantsika eto fa:

- Nivelona tao amin'I Jesosy tsy nisy fatrany ny Fanahy Masina.
- Iriny isika hivelona anatin'ny fileferana tanteraka mba ahafahan'ny Fanahy Masina mivelona ao anatintsika toy izany koa.
- Izany no nanomezan'I Jesosy ny baiko hoe: "*Aoka ho fenon'ny Fanahy.*" Amin'ny teny Grika izany dia midika hoe: "Aoka hianareo ho fenon'ny Fanahy Masina amin'ny fotoana rehetra sy miverimberina." (Jereo Efesiana 5:18).
- Ny tanjony dia ny hananantsika fiainana miavosa kokoa ( Jereo Jaona 10:10; Kolosiana 2:10)

---

[37] Ellen G. White, *Christ's Object Lessons,* p. 331.
[38] Ellen G. White, *Thoughts From the Mount of Blessing* (Nampa, ID: Pacific Press Publishing Association, 1999), p. 20.

## FISAINTSAINANA MANOKANA SY TARI-DALANA HIFANAKALOZAN-KEVITRA

*1. Inona no fepetra avy any ambony handraisana ny Fanahy Masina?*

*2. Inona no tena hevitry ny fanolorana ny tena tanteraka, ary inona no ho vokatr'izany?*

*3. Ny fanolorana ny tena amin'ny fahafenoany hoe no fanalahidy? Inona avy ireo fitahiana izay azoko raisina avy amin'izany?*

*4. Inona avy ireo dingana dimin'ny fanolorana ny tena? Dingana iray amin'ireo ihany no tena fanolorana ny tena marina. Ilay inona izany? Hevero ny amin'ny fanoloranao ny tenanao.*

## FOTOAM-BAVAKA ATAONTSIKA

*Antsoy ilay namana mpiara-mitolona am-bavaka aminao ary mifanakaloza hevitra momba ny lohahevitra.*

*Miaraha mivavaka aminy:*

*1. Mba hanananareo fahatakarana tsara kokoa ny hevitry ny hoe voavonjy amin'ny finoana.*
*2. Mba hisaotra an'Andriamanitra ny amin'ireo fitahiana vokatry ny fanolorana ny tena izay efa nandramanareo.*
*3. Mba hitarihan'ny Fanahy Masina anareo eo amin'ny lalam-piainanareo sy amin'ireo fanapahan-kevitra rehetra izay raisinareo eo amin'ny fiainana.*

# Inona no mety manakana antsika tsy hilefitra? Ny fileferana amin'Andriamanitra ve midika ho famoizana ny sitrapontsika?

Ny fanahiana momba ny asako no sakana tamin'ny fileferako, raha ny ahy manokana. Raha ny marina kokoa, nanahy aho hoe hoantsoin'Andriamanitra ho mpitandrina tokoa aho aorian'ny fileferako.

Nisedra sakana hafa I Edwin Orr. Nazava be taminy izany tamin'ny fahatanorany. Hoy izy:

Tsy maintsy nilefitra tanteraka tamin'ny Tompo aho. … Sambany teo amin'ny fiainako no nahatsapako fa niresaka tamiko Andriamanitra. Niteny tao am-poko ny Fanahy Masina. Nambarako tamin'ny Tompo fa vonona tanteraka hanolotra ny zavatra rehetra ho Azy aho. Nanontany ahy ilay feo tao am-poko: "Ahoana ny amin'ireo ota izay mahafinaritra anao?" … Niaiky azy ireny aho ary nampanantena fa tsy hamerina ireny intsony. Dia mbola nanohy ilay feo tao anatiko: "Ahoana ny amin'ny sitraponao?" Tampoka tanteraka tamiko izany. … Dia hoy aho tamin'ny Tompo: Vonona ny handeha na aiza na aiza hanirahanao ahy aho, na koa hijanona ao an-tokatrano. … Avy eo dia nolazain'ny Fanahin'Andriamanitra tamiko ny amin'ny sampy anankiray izay nankafiziko teo amin'ny fiainako, dia tovovavy anankiray izay tena notiaviko tokoa. Nanontanian'ny Tompo aho raha vonona ny hahafoy an'io tovovavy io raha asainy manao izany. Tampoka teo dia tsapako fa hametraka sakana momba an'io lafiny io ny sitrapoko. Tsy vonona hanao sorona lehibe toy izany aho … Nitsahatra tsy niresaka tamiko ny Fanahy Masina nanomboka teo. Tampoka teo dia nahatsapa fahabangana tamin'ny fomba mahatahotra tao am-poko aho. Vetivety aho dia nahatsapa izany, ary naniry fatratra ny hofenoin'ny Fanahy. Nanolotra tamin'ny fahafenoany ny tenako ho an'ny Tompo aho nanomboka teo. Vonona ny hanolotra ny lafim-piainako rehetra ho Azy aho. … Nofenoin'ny fitiavana, fifaliana sy

hery tsy hay lazaina ny foko. … Sambany aho no nahatsapa ho tena nahafantatra tsara ny Andriamanitro sy Mpamonjiko. Hay ny fivavahana Kristiana dia mihoatra noho ny fampianarana sy ny filozofia.[39]

Nanatanteraka zava-mahagaga teo amin'ny fiainan'I Edwin Orr Andriamanitra.

Ny asako no sakana teo amin'ny fiainako ary ny an'I Edwin Orr dia tovovavy iray. Na manao ahoana na manao ahoana ny toerana misy anao dia apetraho eo am-pelatanany ny tenanao sy ny olanao, raha mbola tsy nanolotra tanteraka ny tenanao ho an'ny Tompo ianao. Hitahy anao amin'ny fomba goavana tokoa ny Tompo.

## MANAJA NY FANAPAHAN-KEVITSIKA NY TOMPO

Raha toa ka mahalala ny zavatra rehetra ianao dia hisafidy ny lalana izay irin'Andriamanitra hitarihana anao. Afaka esorintsika ny tahotra sy ny fisalasalana rehetra rehefa milefitra tanteraka amin'ilay Andriamanitra fitiavana tsy hita fetra isika.

Tsy hanao zavatra mifanipaka amin'ny sitrapon'ny olombelona na oviana na oviana Andriamanitra. Manaja ny mahaizy antsika ilay Andriamanitsika mahagaga. Ny fahafahana no iray amin'ireo fanomezana sarobidy indrindra nomen'Andriamanitra antsika. Izany no mahatonga Azy miandry ny fanekentsika, ary tsy manao zavatra Izy raha tsy angatahintsika hanao izany. Fepetra takiana mialoha avy amin'Andriamanitra ny fahafahana. Eo ambanin'ny fahafahana ihany no ahafahan'ny fitiavana mivoatra.

## NY FILEFERANA AMIN'ANDRIAMANITRA VE MIDIKA FA TSY MAINTSY MAHAFOY NY SITRAPONTSIKA ISIKA?

[39] J. Edwin Orr, *Volle Hingabe* (Full Surrender) (Kassel, 1965), S. 108ff., shortened.

Moa ve ka tsy very tanteraka ny sitrapontsika rehefa milefitra amin'Andriamanitra isika? Lasa "saribakoly" ve isika ka Andriamanitra no misintona ny kofehy aoriantsika? TSIA!

Fa ahoana? Satria amin'ny alalan'ny fanolorantsika ny tenantsika amin'ny fahafenoany amin'Andriamanitra no hanoloantsika amin'ny sitrapon'Andriamanitra tanteraka, mampitolagaga sy feno fahendrena ilay sitrapontsika adala, diso lalana, tsy ampy fahalalana, ary tsy matotra. Mametraka ny tenantsika eo ambany fitarihana avy any ambony isika.

Tsy hoe afointsika ny sitrapontsika fa kosa afointsika ny fampiasana izany tsy araka ny tokony ho izy. Ilay sitrapo izay tokony afoy dia ilay iray izay mifanipaka amin'ny sitrapon'Andriamanitra, dia tsy inona fa ilay fampiharantsika ny hamafisan-dohantsika.

Hoy ny nosoratan'I Ellen White, "Misy olona milaza hoe, 'Tsy mba afaka handeha amin'ny lalako sy hanao ny sitrapoko ve aho?' – Tsia, tsy afaka ny hanao izay tianao ianao ka hiditra ny fanjakan'ny lanitra. Tsy misy 'izay tiako' ho tonga any. Tsy hisy hevitr'olombelona ka hahita toerana any amin'ny fanjakan'ny lanitra. Tsy maintsy verezina ao amin'ny lalan'Andriamanitra ny lalantsika."[40] (Jereo ihany koa Isaia 53:6)

Na iza na iza no mandà tsy hotarihan'Andriamanitra sy ny Teniny dia mivelona miainga amin'ny saina voafetra ihany fa tsy miantehitra amin'ny "fitarihana avy any ambony". "Rehefa mirindra amin'ny sitrapon'Andriamanitra ny sitrapontsika, dia mitoetra tsy voakitika izany; ary fahadisoana ny mamotsotra izany raha ny tena marina."[41]

---

[40] Ellen G. White, *The Review and Herald,* February 23, 1892.
[41]H. W. Smith, *Christsein täglich* (Being a Christian Daily), S. 73.

"Arakaraky ny hiarahan'ny sitrapon'ny olona miasa amin'ny sitrapon'Andriamanitra no hahatonga azy hahefa ny zavatra rehetra. Na inona na inona no tanterahina araka ny Baikony dia ho tanteraka ao amin'ny Heriny. Izay rehetra asainy ataonao dia hahatonga anao hahefa ny zavatra rehetra."[42] "Rehefa avelantsika hitari-dalana antsika ny Fanahy Masina dia tsy hoe tsy tafahetsika na voafetra isika, fa kosa mivelona ao anatin'ny fahafahana faratampony. Hoy ny ao amin'ny *2 Korintiana 3:17: '…ary izay itoeran'ny Fanahin'ny Tompo no itoeran'ny fahafahana.*'"[43]

## FITAHIANA HAFA VOKATRY NY FILEFERANTSIKA

Ny tanan'Andriamanitra no hitantana sy hitari-dalana ny olona izay manolotra ny tenany amin'ny fahafenoany amin'Andriamanitra. Mety toa ambany sy toa tsy mahay na inona na inona izy kanefa raha toa ka mankato amin'ny fo feno fitiavana sy ampitokisana ireo soso-kevitry ny sitrapon'Andriamanitra izy, dia hodiovina, homen-kaja, sy hohatanjahina ny heriny ary hampitomboina ireo fahaiza-manaony. Arakaraky ny hiraketany ireo lesona avy amin'ny fahendrena avy any ambony no hanankinana andraikitra masina aminy; ho afaka hanao ny fiainany ho fanomezamboninahitra an'Andriamanitra sy ho fitahiana ho an'izao tontolo izao izy. *"Mahazava ny famoahana ny hevitry ny teninao Ka manome fahalalana ho an'ny kely saina." (Salamo 119:30)*

Maro ankehitriny ireo izay tsy mahalala akory ny asan'ny Fanahy Masina toa ireo mpino tany Efesosy; tsy misy fahamarinana

---

[42] Ellen G. White, *Christian Service* (Hagerstown, MD: Review and Herald Publishing Association, 1999), p. 258.

[43] David Wolkwitz, *Der Weg zu einer kraftvollen Erweckung,* (NRW-Vereinigung), S. 25.

izay nampianarina mazava mihoatra noho izany anefa ao amin'ny Tenin'Andriamanitra."[44]

**FIAINANA EO AMBANY FITARIHANA AVY ANY AMBONY**

Moa ve tsy mifanipaka amin'izany ny Ohabolana 3:5,6? Hoy izy, *"5 Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, Fa aza miankina amin'ny fahalalanao; 6 Maneke Azy amin'ny alehanao rehetra, Fa Izy handamina ny lalanao"*

Maro ireo izay mihevitra fa ny hevitr'izany dia hoe mila mamono ny sainy izy ireo, na mila mamono ny fahafahany mandinika izy, amin'ny teny hafa. Diso tanteraka anefa izany. Irin'Andriamanitra isika hampiasa ny fahafahantsika mandanjalanja. Manasa antsika Izy hampifandray ny fisainantsika amin'ny Fisainany tsy hita fetra.

Moa ve Andriamanitra ka tsy nanome faharanitan-tsaina avo folo heny an'I Daniela sy ny namany, izay nankato tamin'ny fony manontolo tamin'ireo zava-madinika sy ireo zava-dehibe? Irin'Andriamanitra isika mba hampitombo ny fahafaha-manaon'ny saintsika no sady ho tafaray amin'ny Sainy tsy hita fetra.

Toy ny mitondra fiara miaraka amin'ny fitaovana mitari-dalana izany. Mila mampiasa ny saiko manontolo aho rehefa mitondra fiara, kanefa tena hamporisihana aho hitoky amin'ny GPS momba ireo kihon-dalana, fetran'ny hafainganam-pandeha, fisian'ny fitohanan'ny fiara na ireo fivilian-dalana, ny amin'ny lalana mety indrindra ahatongavana any amin'ny toerana tiako handehanana, na koa ny faharetan'ny fotoana lany mandra-pahatongako any. Tsaroako tsara fony izaho nindrana an'io fitaovana fitarihan-dalana io indray mandeha, raha tokony nanatrika fandevenana iray aho tany amin'ny

[44]Ellen G. White, *The Acts of the Apostles* (Nampa, ID: Pacific Press Publishing Association, 2002), pp. 283, 284.

toerana izay tsy nahazatra ahy tany Munich. Nanao tsara ny asany ny GPS ary tonga soamantsara tany tsy nisy olana aho.

Miantehera amin'Andriamanitra, amin'ny Torolalana omeny, amin'ny fitsipi-piaina hapetrany, amin'ny toroheviny, ary mandehana amin'ny lalanao, eo ambany fitarihana avy any ambony.

## FISALASALANA NY AMIN'IREO FITAOVANA

Nisy fiaramanidina Britanika iray izay niala tany Sisila ary nizotra nankany Afrika Avaratra, nandritra ny Ady lehibe faharoa. Koa satria tapaka ny herin'aratra nanerana ireo seranam-piaramanidina rehetra, dia tsy maintsy niantehitra tanteraka tamin'ny fitaovana ireo mpanamory. Na dia mbola tsy nanidina nandritra ny fotoana notombanana ahatongavana aza izy ireo, dia naneho ireo fitaovana fa efa tonga izy ireo. Tsy mitombina izany hoy ny eritreriny, ka dia nanohy nanidina ihany ireo mpanamory.

Tsy nahatsapa ny hadisoany ireto mpanamory raha tsy efa nanidina teo ambonin'ny efitr'I Sahara. Lany lasantsy izy ireo ary tsy maintsy niantsona tampoka tany an'efitra. Koa satria tsy ampy ny rano hosotroina tao anaty fiaramanidina dia matin'ny hetaheta (ara-bakiteny) ny mpandeha sy ny ekipa rehetra tao anatiny. Taty aoriana rehefa hita ilay fiaramanidina, dia hita fa nandeha ara-dalana ireo fitaovana rehetra. Nandalo faritra be rivotra manosika ilay fiaramanidina, hany ka tonga haingana kokoa noho ny nahazatra. Nitoky tamin'ny kajikajiny anefa ireo mpanamory fa tsy tamin'ny fitaovana, hany ka ny ainy no nanefa. Nandray ny fanapahan-keviny izy ireo ary dia fanapahan-kevitra diso izany.[45] Afaka mitoky amin'ny fitarihan'Andriamanitra isika. Tsara kokoa ny miantehitra amin'ny Tenin'Andriamanitra noho ny amin'ny fiheverantsika.

[45] *Aller Diener* (Bern, Euro-Africa Division, 1983) II/III, S. 142.

## OLONA MANANA HAZON-DAMOSINA

Tsy hoe lasa olona entina amin'ny sangany fotsiny akory isika rehefa milefitra amin'I Jesosy Kristy, fa lasa olona manana hazon-damosina, izay manohana ny hevitra hijoroany am-pahendrena sy am-pahalalam-pomba.

Hevero indray ny amin'I Daniela sy ny namany. Na dia mbola adolatsento aza izy ireo dia nanaporofo fa nanana hazon-damosina ary naneho fahatokiana tamin'Andriamanitra nandritra ny fitsapana momba ny sakafo hohanina ao amin'ny Daniela 1. Hevero ihany koa ny amin'ny fanapahan-kevitra goavana noraisiny nanoloana ny lafaoro mirehitra, araka ny voalaza ao amin'ny Daniela 3, teo amin'ny fahatanorany. Hevero ihany koa ny fihetsik'I Daniela izay efa lahiantitra raha niatrika ny lavaky ny liona, araka ny voalaza ao amin'ny toko 6.

## FIHEVERANA NY TENA NA FIHEVERANA AO AMIN'I KRISTY

Ny olona rehetra izay mampilefitra ny tenany eo amin'I Kristy dia tsy mila manahy ny amin'ny fiheverana ny tena, satria ambony lavitra izany ao amin'I Kristy.

Hoy ny vakiantsika ao amin'ny Boky *Tanamasoandron'ny Fahasalamana*: "Maro ireo izay manana fahaiza-manao hahavita asa tena tsara kanefa kely no vitany satria kely foana ny andrana ataony. An'arivony ireo izay mivelona tsy manana tanjona goavana, tsy manana fenitra ambony hotratrarina. Anisan'ny antony mahatonga izany ny fiheverana ny tena ambany izay hananany momba ny tenany. Nandoa sarany tsy hita fetra ho antsika Kristy, ary araka ny sarany naloany ho antsika no iriny hanombanantsika ny tenantsika."[46] Nisy

[46] Ellen G. White, *The Ministry of Healing* (Nampa, ID: Pacific Press Publishing Association, 2003), p. 498.

anabavy iray izay nilaza tamiko taorian'ny nanombohany nivelona araka ny Fanahy Masina: "Hitako tao amin'I Kristy ny fiheverako ny tenako."[47]

## FANOROAN-KEVITRA VOKATR'IREO OLANA NY AMIN'NY FILEFERANA

Nisy tovolahy iray izay nangataka fihaonana tamin'ny Pasitora mba hanoroany hevitra azy, satria naniry ny hofenoin'ny Fanahy Masina izy ary niady mafy ny amin'izany. Nanontany azy ny Pasitora : 'Efa nanolotra tanteraka ny sitraponao tamin'Andriamanitra ve ianao ?'

'Mbola tsy nanao izany tanteraka aho, matahotra aho.'

'Eny ary', hoy ny navalin'I Pasitera, 'Tsy misy antony hivavahana ho amin'ny Fanahy Masina, raha tsy nanolotra tanteraka ny sitraponao tamin'Andriamanitra ianao. Tsy mba irinao ve ny hanolotra izany amin'Andriamanitra izao ?

'Tsy afaka manao izany aho', hoy ny navalin'ilay tovolahy.

'Irinao ve Andriamanitra hanao izany ho anao ?'

'Eny', hoy ny navaliny.

'Angataho ary Izy hanao izany.'

Nivavaka ilay tovolahy : 'Ray o, foany ato anatiko ny sitrapon'ny tenako. Ento ho eo amin'ny fileferana tanteraka amin'ny sitraponao aho. Ampilefero ny sitrapoko. Mivavaka aho amin'ny anaran'i Jesosy.'

[47] R. A. Torrey, *Der Heilige Geist—Sein Wesen und Wirken* (Frankfurt: 1966), S. 151; (The Holy Spirit— His Nature and Ministry).

Hoy ny fanontanian'i Pasitera avy eo : 'Niseho ve ilay izy ?'

'Tsy maintsy ho niseho izany', hoy ny navaliny. 'Nangataka tamin'Andriamanitra zavatra izay mifanaraka amin'ny Sitrapony aho, fantatro fa nohenoiny ny vavaka nataoko ary voaraiko ny zavatra nangatahiko (1 Jaona 5 :14-15). Eny tokoa, niseho ilay izy – Mijanona eto ny sitrapoko.' Nivavaka momba ny Fanahy Masina izy avy eo ary nandray Azy. Mahagaga tokoa ny hoe vonona hatramin'ny hamorona sy hanatanteraka ireo fepetra takiana mialoha ho antsika ilay Raintsika be fitiavana rehefa mangataka Azy hanao izany isika.

Zavatra roa no azontsika hianarana avy amin'ny vavak'io tovolahy io. Voalohany, efa nahafantatra momba ny vavaka araka ny teny fikasana io lehilahy io. Tao amin'ny vavaka nataony izy dia niantehitra tamin'ny teny fikasan'ny Tompo fa ny vavaka izay atao araka ny sitrapon'Andriamanitra dia mahazo valiny amin'ny fotoana hanononana azy. Faharoa, nanapa-kevitra io tovolahy io hanaiky ny fanampian'Andriamanitra amin'ny fanolorana ny tenany;

## MANAMORY NY FIAINANTSIKA AMIN'NY ALALAN'NY FANAPAHAN-KEVITRA

Tokony ho fantantsika fa ny fahafahana mandray fanapahan-kevitra no fahefana mitarika ny fiainantsika. Tiako ny hanome anao ohatra iray izay hampahazava tsara kokoa ny tena hevitr'io fahafaha-manao io.

Mavesatra in-1300 heny ny lanjan'ny sambobe *Queen Elizabeth* raha ampitahaina amin'ny lanjan'ny fanamoriana azy (ilay ao ambany rano). Midika izany fa afaka mamily sambobe iray izay lehibe in-1300 heny noho izy ny fanamoriana iray. Ny fahafahantsika mandray fanapahan-kevitra no fanamoriana ny fiainantsika. Raha manapa-kevitra hanolotra ny tenantsika hanao ny sitrapon'Andriamanitra isika dia hapetrany eo anoloantsika ny fanampiana rehetra izay ilaintsika.

## FIHAIKANA

Eo amin'ny resaka fampileferana ny tenantsika amin'I Kristy, ny fanapahan-kevitra atrehintsika dia ny ho velona ho an'ny tenantsika na ny ho velona ho an'Andriamanitra. Mila manontany tena ny tsirairay (indrindra fa ny tanora) hoe ny izaho ve no tokony hifehy ny fiainany sa te hanompo an'Andriamanitra izy? Mety manome sarintsarina fahasambarana ireo fananana ara-materialy sy ireo fahafinaretana ara-nofo, saingy tsy misy afaka mitondra fahafahampo marina ireny zavatra ireny – mila misimisy kokoa hatrany isika. Arakaraky ny hananantsika zavatra iray no vao maika haniriantsika misimisy kokoa, tsy hitsahatra na oviana na oviana ny fitarainantsika, hoy ny oha-pitenenana Alemà iray.

Farany dia ho tsapantsika fa lasa tompontsika ireny zavatra ireny.

Fihaikana fanampiny izay tokony hoheverintsika ihany koa ilay hoe misy olona hafa izay manana ampahana fahefana (betsaka na kely) eo amin'ny fiainantsika - ohatra hoe ny fianakaviana, ny sekoly, ny fiangonana, ny orinasa hiasana – izay miandry zavatra amintsika kanefa mifanipaka amin'ny zavatra andrasan'Andriamanitra amintsika. Rehefa manolotra ny fiainantsika ho an'I Jesosy isika dia hanana hery sy fahasahiana hanao ireo zavatra andrasan'Andriamanitra ho lahara- pahamehana voalohany indrindra, ary ho afaka hanohana ny hevitra hijoroantsika am-pahendrena sy am-pahalalam-pomba (Vakio anie ny Daniela 1:8 momba ny fanapahan-kevitr'I Daniela; ireo fanampian'Andriamanitra maro ao amin'ny andininy 9, 14, 15, 17, 20).

## AMPY VE NY FANOLORAKO NY FIAINAKO HO AN'ANDRIAMANITRA INDRAY MANDEHA?

Manomboka manolo-tena tanteraka ho an'I Jesosy Kristy isika amin'ny fotoan'ny fiovam-pontsika. Io fanolorana ny tena io izay

mitranga amin'ny vavaka sy aorian'ny fianarana Baiboly sy ny faharesen-dahatra dia voahisy tombo-kase amin'ny alalan'ny batisa ary azo ekena ho amin'ny mandrakizay. Fanekena iarahantsika amin'Andriamanitra no hiantsoan'ny Tenin'Andriamanitra an'io fanolorana ny tena fototra io.

Somary hafa noho izany anefa ny fileferana isan'andro. Mety hanjavozavo ny hevitr'io teny io satria matetika izy no antsoina hoe fahafoizan-tena, fiovam-po, na fanoloran-tena. Mba hampahazava ny zavatra rehetra dia fanoloran-tena no hiantsoako azy. Ny fanoloran-tena (na fileferana na fiovam-po) dia midika fa androany aho dia maniry ny hivelona miainga amin'ny fanekena izay nifanaovako tamin'Andriamanitra; iriko ny hijoro ho an'izany fanekena izany anio. Izay no maha zava-dehibe ny hanononana vavaka isan'andro: "Tompo o, manolotra ny tenako ho Anao aho androany, miaraka amin'ny mahaizy ahy manontolo sy izay hananako rehetra."

Ampitahain'ny Baiboly amin'ny fanambadiana io fanekena nifanaovantsika tamin'I Kristy io. Tsy misy antony tokony atahorako na amin'ny inona na inona rehefa mitoetra ao anatin'io fanekena io aho. Afaka miahy ny zava-drehetra izay ankinina Aminy Andriamanitra. Mitandrina mandrakariva ny Teniny Izy. Tsy hanapaka an'io fanekena io amin'ny alalan'ny fisaraham-panambadiana Izy.

Hoy ny filazan'I Morris Venden, "Mazava ho azy fa tsy misy heviny izany hoe manambady izany raha toa ka tsy miomana ny hijanona ao anatin'ny fanambadiana ianao. Ary tsy afaka ny hitoetra ho ao anatin'ny fanambadiana ianao raha tsy nanambady aloha tamin'ny voalohany."[48]

---

[48] Morris Venden, *95 Theses on Righteousness by Faith* (Nampa, ID: Pacific Press Publishing Association, 2003), p. 133.

Mba ahafahana mihazona ireo vokatra tsaran'ny fileferana fototra ataontsika, dia ilaina ny mitoetra ao amin'I Jesosy. Izay no mahatonga an'I Jesosy miresaka ny amin'ny "fitoerana" na "mitoetra" intsivy ao amin'ny Jaona 15, ao anatin'izany ohatra ny andininy 5 sy 7. *"Izay miray (**na mitoetra ao**) amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy; fa raha misaraka amiko kosa ianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona." "Raha miray (**na mitoetra ao**) amiko ianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany."*

Avy amin'ny fitoerana ao amin'I Jesosy no hiavian'ny fiainana miavosa. Amin'ny alalan'ny fisakaizantsika Aminy no ahatonga antsika hanana fiainana mamoa be – fiainana feno fifaliana, hery, ary fandresena. Afaka manao zavatra goavana eo amin'ny fiainantsika Andriamanitra. Hanova tanteraka ny fiainantsika izany fahamarinana izany raha toa ka velona ao amintsika izany.

**Mandrehitra ny lelafo**: Koa satria aho notezaina tamin'ny fanabeazana Advantista, dia nilona mandrakariva tao anatin'ny fivavahana aho. Teo amin'ny faha 13 taonako aho no nanapa-kevitra atao batisa. Mbola nitoetra ho mahamonamon'aina sy tsy miova anefa ny fiainam-panahiko. Tsy mba nisy lelafo nirehitra tato anatiko. Nanome ahy fahafahana ho any Etazonia nandritra ny taona iray Andriamanitra. Nandeha tany aho mba hianatra teny Anglisy sy hiala voly fotsiny. Indray hariva anefa, niantso ahy ny Fanahy Masina ary nilaza hoe, "Mael, azonao antoka ve fa eo amin'ny toerana tokony hisy anao hianao?". Naniry handeha ho any Soeda aho rehefa avy tany Etazonia. Nikatona daholo anefa ny varavarana rehetra. Raha iny latsaka farany ambany iny aho ary tsy nahalala izay hatao amin'ny fiainako, dia nisy namako akaiky anankiray izay nanolotra ahy ny boky "Mitoetra ao amin'I Jesosy" nosoratan'I Helmut Haubeil. Tsy nitsahatra namaky aho nandritra ny hariva voalohany namakiako izany. Niverina indray ilay feo. Rehefa namaky izany isan-kariva isan-kariva aho dia nirehitra ihany ny farany ilay lelafo. Arakaraky ny

namakiako no nahazoako tsara ny hadisoana nataoko – dia ny tsy fahampian'ny Fanahy Masina! Tsy azoko an-tsaina hoe hanao ahoana ny fiovana izay hiseho, taorian'ny namakiako ny boky imbetsaka. Fantatr'Andriamanitra ny valiny ary tsy voamariko akory fa hay efa voaova ny fiteniko, ny fihevitro sy ny fihetsiko. Asan'ny Fanahy Masina irery ihany izay hita soritra tety amiko izany rehetra izany. Tampoka teo dia nisy varavarana nisokatra teo amin'ny lafiny arak'asa tany Frantsa. Fiasan'Andriamanitra izany raha ny hevitro, kanefa mbola tato anatiko hatrany ny hadisoam-panantenana vokatry ny tsy nahafahako nandeha tany Soeda. Mbola tao ilay lelafo kanefa mbola tsy nirehitra amin'ny fahafenoany. Tonga tany Dammarie, Parisy I Helmut Haubeil. Nankany aho ny Zoma hariva, ny Sabata maraina sy ny folak'andro … mbola tsy nisy valiny ihany. Ahoana no handrehetana indray ilay lelafo?

Tonga ny valiny ny Alahady maraina. Andro faran'ny programa tamin'io. Ny olako dia ny mbola tsy nileferako tanteraka tamin'ny sitrapon'Andriamanitra. Azoko hoe mila antsoina mandrakariva ny Fanahy Masina; aorian'ny fandraisana Azy anefa dia ilaina ihany koa ny milefitra amin'ny Sitrapony sy ny fandaozana ny izaho. Raha tsy eo io fileferana tanteraka io dia tsy afaka ny hiasa amin'ny alalantsika araka izay voalazan'ny Matio 6:33 Andriamanitra. Azoko nanomboka hatreo fa tena ilaina io fileferana io ao anatin'ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra. Rehefa tanteraka izany vao afaka ny hiredareda ilay lelafo. Mael (L.R.)

Hivavaka isika:

> Ray o, misaotra Anao izahay fa irinao ny hanoloranay tena ho Anao, mba hahavoatahy anay. Ampio izahay mba hanatsotra ny fiainanay sy hivelona amin'ny fomba izay hamelana Anao hanao anay ho olom-baovao. Ampio aho mba hanolotra tsy misy fepetra isan'andro ny fiainako ho Anao sy hanaraka Anao amin'ny zavatra rehetra, noho ny Herinao. Amena.

**Fahasambarana amin'ny alalan'ny Fanahy Masina**

"Miasa amin'ny alalan'ny Fanahy Masina ny Tompo Jesosy satria Solotenany Izy. Amin'ny alalany no hampitany ny aina ho an'ny fanahy … Tsy hahalala na oviana na oviana ny fahasambarana ny fon'olombelona raha tsy milefitra mba hovolavolain'ny Fanahin'Andriamanitra." Ellen White, RH August 25, 1896, par. 6

## NY TANORA SY NY FANAHY MASINA

**Departemantan'ny Tanora teo anivon'ny Federasiona iray**

**Tsy nampino tokoa ny vokatra.** Sekreteran'ny Fikambanan'ny Tanora ao amin'ny Federasionan'I Queensland Atsimo (ahitana mambra 12.200) aho. Nisy tovovavy iray izay nanome ahy ny boky *Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana.* Nampitsimbadika ahy ny votoatin'ilay boky. Afaka nizara fanandramana maro avy amin'izany aho. Tena voatahy tokoa tamin'ny alalan'io boky io izahay. Nandefa boky 300 ho an'ireo mpitarika tanora izahay nandritra ny fivorian'ny mpitarika tanora teo anivon'ny Federasiona. Tena tsy nampino tokoa ny vokatra. A.v.R. nafohezina, #138

**Nandresy ny fiankinan-doha ny tovolahy 14 taona iray**

Nanomboka nivavaka maba handray ny Fanahy Masina ny zanakolahy 14 taona, ary lasa olona hafa mihitsy izy. Resiny ireo ireo zavatra nampiankin-doha azy. Mivelona amin'ny fiainana feno fandresena izy ankehitriny. Feno fankasitrahana an'Andriamanitra izahay tamin'ny nampiasany ny boky *Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana* teo amin'ny fiainan'ny zanakolahy. Pastor A., #77

**Voavaha ireo zava-tsarotra – Batisa**

Niatrika zava-tsarotra maro ny zananilahy farany tao am-piangonana. Noho izany dia nivavaka manokana ho azy izy nandritra ny fotoambavaka nandritra ny 40 andro, niaraka tamin'ny namana mpiaraka mivavaka anankiray. Vokany: niova ny fiainan'ny zananilahy ary nanomboka niomana ho amin'ny batisa izy. I.G., #16

**Voaova ny fiainan'ny tanora 18 taona iray**

Nisy filohan'ny federasiona iray izay nanome boky ny zananilahy 18 taona. Nanova ny fiainany izany. Vokatr'izay dia nizara boky mihoatra ny 200 tamin'ny mpiara-mianatra tamin'ny zananilahy tany amin'ny Ambaratonga Faharoa ilay raim-pianakaviana. C.H., #133

***Mitsangàna, mihazavà, fa tonga ny fahazavanao***

Isaia 60:1

## FISAINTSAINANA MANOKANA SY TARI-DALANA HIFANAKALOZAN-KEVITRA

*1. Inona no fihaikana ao ambadik'ilay fanasan'Andriamanitra ahy hanolotra ny fiainako?*

*2. Inona no mety ho sakana ho an'ny olona iray tsy hilefitra?Inona no mety ho sakana ho anao?*

*3. Inona no tombo-tsoa azo avy amin'ny fiainana eo ambany fitarihana avy any ambony?*

*4. Inona no maha-zava-dehibe ny fihazonana ny fifandraisako amin'I Kristy tsy hiovaova sy ho ety hatrany?*

*5. Inona ilay singa hiankinan'ny aina izay mifehy ny fiainantsika?*

## FOTOAM-BAVAKA ATAONTSIKA

*Antsoy ilay namana mpiara-mitolona am-bavaka aminao ary mifanakaloza hevitra momba ny lohahevitra.*
*Miaraha mivavaka aminy:*
*1. Mba hanehoan'Andriamanitra amintsika ireo zavatra izay mety hanakana ny fanolorantsika tena amin'ny fahafenoany*
*2. Mba hanomezan'Andriamanitra fahendrena sy hery mba ahafahana mampiasa ny sitrapontsika araka ny tokony ho izy, sy hametrahana izany amin'ny toerana tokony hisy azy eo amin'ny fiainantsika.*
*3. Mba hanomezan'Andriamanitra antsika lesona bebe kokoa ka tsy hanembatsembanan'ny sitrapon'ny tenantsika ny dia.*
*4. Mba hanomezan'Andriamanitra antsika fandresena manoloana ny fakam-panahy sy ny ota.*

# TOKO 3 : JESOSY MITOETRA AO ANATINAO

## Inona no vokatr'ilay hoe "Kristy ao anatiko" eo amin'ny fiainako? Ny vokatra faratampony: vonton'ny fahafenoan'Andriamanitra

**MITOETRA AO AMIN'I KRISTY**

"Ny fivavahana dia midika ho fitoeran'I Kristy ao am-po."[49]

"Amin' ny alalan' ny Fanahy no itoeran' i Kristy ao amintsika; ary ny Fanahin' Andriamanitra raisina ao am-po amin' ny finoana, no fiantombohan' ny fiainana mandrakizay."[50]

Mariho ireto manaraka ireto:

- Mitoetra ao anatintsika Kristy, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina.
- Mandray ny Fanahy Masina am-pinoana isika
- Izany no fiandohan'ny fiainana mandrakizay.

Tena sarobidy tokoa ny fahalalana fa maniry ny hiaina ao anatiko amin'ny alalan'ny Fanahy Masina Jesosy, ary tanterahiny izany rehefa fenon'ny Fanahy Masina aho. Fahamarinana ara-baiboly lafatra tokoa izany.

Tsy hoe maniry fotsiny hanana fisakaizana ety amintsika Jesosy amin'ny alalan'ny fivelomany ao anatintsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, fa iriny ihany koa ny hananantsika fifandraisana tsy miovaova sy lalina kokoa miaraka amin'Andriamanitra. Hoy Izy, *"Tomoera Amiko ary Izaho ao aminareo" (Jaona 15:4).* Sady fanasana mampahery izany no baiko.

---

[49] Ellen G. White, *The Review and Herald,* May 24, 1892, par. 4.
[50] Ellen G. White, *Ilay Fitiavana Mandresys,* t. 408.

Midika izany fa azo heverina ny fiainana Kristiana mitohy sy tsy miovaova, amin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra.

Indraika ambinifolo Jesosy no mametraka tsindrim-peo amin'ilay teny hoe *mitoetra* ao amin'ny Jaona 15:1-17 (jereo ny dikan-teny protestanta fahenina sy ny dikan-teny iombonana). Iriny isika hanana fifandraisana maharitra miaraka Aminy. Ampifandraisiny amin'io hevitra io ireo fampanantenana lafatra sy tsy mampino. *"Raha miray [**na mitoetra**] amiko ianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany." (Andininy 7)*

*"Izany zavatra izany dia efa nolazaiko taminareo, mba ho ao aminareo ny fifaliako, ka ho tanteraka ny fifalianareo." (Andininy 11).*

Toy izao no hanazavan'I Ellen White an'io antson'I Jesosy hoe "tomoera Amiko, ary Izaho ao aminareo" io: **"Ny mitoetra ao amin' i Kristy dia midika** [voalohany] **fandraisana mitohy ny Fanahiny,** [faharoa] **fiainana milefitra tsy misy fepetra ho amin' ny fanompoana Azy.**"[51] Any amin'ny boky hafa dia hoy izy, "Tena zava-dehibe amin'ny fandrosoantsika ny firaisana amin'ny any ambony amin'ny fotoana rehetra. Mety efa manana fatran'ny Fanahin'Andriamanitra isika, kanefa amin'ny vavaka sy ny finoana no tokony hikatsahantsika tsy mitsahatra ny Fanahy misimisy kokoa."[52] Dia "hivelona ao anatin'izy ireo Izy [Jesosy], hanome azy ireo ny fitarihan-dalan'ny Fanahiny izay manamasina, hampita amin'ny fanahy ny fanomezana hiankinan'ny aina dia ny Tenany."[53] Azontsika raisina ho teny fikasana ho an'ny tenantsika ny vavak'I Davida: *"Amorony fo madio aho, Andriamanitra ô; ary havaozy hiorina marina ny fanahiko ato anatiko." (Salamo 51:10)*

---

[51] Ibid., 730.
[52] Ellen G. White, *Ye Shall Receive Power* (Hagerstown, MD: Review and Herald Publishing Association, 2012), October 24 p. 306.
[53] Ibid., October 23; p. 305.

## MISINTONA AVY EO AMIN'ILAY LOHARANON'NY HERY AVY AMIN'ANDRIAMANITRA

Maro ireo olona izay tsy mahay ny fomba hisintomana ny hery avy amin'Andriamanitra. Miaina ao anatin'ny fahantrana ara-panahy izy ireny, na dia *"Efa nomen'ny herin'Andriamanitra ho antsika [aza] ny zavatra rehetra momba ny fiainana sy ny toe-panahy araka an'Andriamanitra" (2 Petera 1:3).*

Misy toerana fitrandrahana solika iray any Texas izay antsoina hoe "Yates Pool". Nandritra ny krizy ekonomika tany Amerika dia nisy lehilahy antsoina hoe Yates izay nanana toerana fiompiana ondry. Tsy ampy anefa ny fidiram-bolany avy amin'izany handoavana ireo trosany. Avy eo dia nisy olona avy amin'ny orinasa mpitrandraka solika iray tonga teo aminy ary nilaza taminy fa mihevitra izy ireo fa mety hahitana solika ao ambanin'ny taniny. Nanoso-kevitra hanao andrana fitrandrahana ilay orinasa, ka dia nanao sonia ny fifanarahana I Yates.

Nahita fitobian-tsolika goavana tokoa ny milina tany amin'ny 400 metatra latsaka tany ambanin'ny tany. Fananan'ingahy Yates daholo izany rehetra izany teo aloha! Tamin'ny andro izay nividianany ilay tany dia nanan-jo ihany koa izy tamin'ny solika rehetra (sy izay harena an-kibon'ny tany) tao. Tsy fantany fa hay mpanefoefo manana an-tapitrisany izay niaina tao anatin'ny fahantrana izy. Inona no olana?Tsy fantany ny fisian'ny solitany tao.[54]

Fantatrao ve izay voasoratra ao amin'ny *2 Petera 1:3,4? "Efa nomen'ny herin'Andriamanitra ho antsika ny zavatra rehetra momba ny fiainana sy ny toe-panahy araka an'Andriamanitra".* Mamelà ahy hilaza aminao amin'ny fiteniko ny tohin'ilay andininy: amin'ny

---

[54] Dr. William R. Bright, *Erfüllt mit dem Heiligen Geist—Wie erfährt man das?* (Neuhausen, 1971), S. 27.

alalan'ny fifandraisana ety amin'I Jesosy, ary amin'ny fivavahana araka ireo "teny fikasana sady soa no lehibe indrindra".

Amin'ny fotoana izay hahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra, amin'ny finoana an'I Kristy, dia tonga mpandova an'Andriamanitra ihany koa isika, ary lasa eo ampelatanantsika ireo enti-manana rehetra izay Azy. Eo ampelatanantsika ireo zavatra rehetra izay ilaintsika ahatonga antsika ho lehilahy sy vehivavin'Andriamanitra ary ho vavolombelon'I Kristy mahomby, ao anatin'izany ny fahendrena, ny fitiavana ary ny hery. Kristiana maro anefa no miaina ao anaty fahantrana ara-panahy satria tsy fantatr'izy ireny ny fomba hampiasana ireo harem-panahy izay efa narotsak'Andriamanitra teo aminy! Toa an'ingahy Yates izay tsy nahalala akory ny fisian'ny solika teo amin'ny tany, dia miaina ao anatin'ny tsy fahalalana ireo harena tsy hita fetra eo aminy izy ireny.

Inona ary no hevitr'izany? "Raha tsy io fifandraisana io, dia tsy mety misy olona ho voavonjy na dia iray aza. Raha tsy ao amintsika ny fiainan' i Kristy, dia tsy afaka hahajoro amin' ny tafiodrivotry ny fakam-panahy isika. Miankina amin' ny fiorenantsika amin' ny fanorenana mafy ny antoka mandrakizay ho antsika. Vahoaka marobe ankehitriny no manorina eo ambonin' ny fanorenana izay tsy voazaha toetra. Rehefa milatsaka ny orana, ka mifofofofo ny tafiotra, ary tondraka ny rano, dia hianjera ny tranony, satria tsy miorina eo ambonin' Ilay Vatolampy mandrakizay, Ilay vato fehizoro, dia Jesosy Kristy. ."[55]

## MIVAVAKA HO AMIN'NY FANAHY MASINA

Misy andalan-teny manokana ao amin'ny Baiboly izay hamporisihan'I Jesosy Tompo antsika impolo mba hangatahantsika ny Fanahy Masina. Tsy mahalala andalan-teny hafa aho izay hisarihan'I Jesosy ny fahalianantsika amin'ny zavatra iray, amin'ny fomba maika tokoa, dia ny hanekena ny Fanasany hitoetra ao Aminy. Lesona

[55] Ellen G. White, *Ilay Fitiavana Mandresy,* t. 639.

momba ny vavaka no ao anatin'io andalan-teny io. Ao amin'ny Lioka 11:9-13 no ahitana an'io andalan-teny momba ny vavaka ho amin'ny Fanahy Masina io. Tsy hoe mamerimberina fotsiny an'io fanambarana manan-danja io isika fa mifantoka manokana amin'ity manaraka ity momba an'io toko io: *"Ary ianareo dia tanteraka ao Aminy." (Kolosiana 2:10)*

Hoy Ellen White: "Nomena an'I Jesosy … tsy nisy fetrany ny Fanahy Masina. Toy izany koa no hanomezana Azy amin'ny mpanara-dia an'I Kristy tsirairay rehefa hatolotra mba hitoerany ny fo manontolo [sy rehefa mangataka isan'andro ny Tompo, ho amin'ny fandraisana ny Fanahy Masina]. Ny Tompontsika Izy Tenany mihitsy no nanome ny baiko, 'aoka hofenoina ny Fanahy' (Efesiana 5:18), ary fampanantenana ny hahatanterahan'izany io baiko io. *Fa sitraky ny Ray ho ao aminy no hitoeran'ny fahafenoana rehetra (Kolosiana 1:19)* ary *ianareo dia tanteraka ao Aminy (Kolosiana 2:10)*."[56]

Toy izao no nianarantsika teto:

- Nitoetra tsy tapaka tao amin'I Jesosy ny Fanahy Masina.
- Maniry antsika Izy mba hivelona amin'ny fanolorana ny tena amin'ny fahafenoany mba ahafahan'ny Fanahy Masina mivelona ao anatintsika toy izany koa.
- Izany no antony nahatonga an'I Jesosy nanome ny baiko hoe: "fa aoka hofenoina ny Fanahy" (Efesiana 5:18).
- Ny tanjony dia ny hahatonga antsika hanana fiainana miavosa kokoa eto (Jaona 10:10; Kolosiana 2:10) sy fiainana mandrakizay (Jaona 3:16).
- Tena zava-dehibe araka izany ny hoe isika ao Aminy. Misy vokany lehibe sy tsy hay tombanana ilay hoe Jesosy ao amintsika.

## MIVAVAKA AM-PINOANA

[56] Ellen G. White, *Thoughts From the Mount of Blessing,* p. 21.

Mivavaka am-pinoana isika mba *"horaisintsika amin'ny finoana ny teny fikasana ny amin'ny Fanahy" (Galatiana 3:14). " Fa raha tsy amin'ny finoana, dia tsy misy azo atao hahazoana sitraka aminy." (Hebreo 11:6) "mba hitoeran'i Kristy ao am-ponareo amin'ny finoana" (Efesiana 3:17).*

Tena zava-dehibe tokoa ny nahafantarako fa taorian'ny vavaka nataoko handraisana ny Fanahy Masina dia tena nandray Azy marina aho. Efa nasehon'ilay Andriamanitsika mahagaga ny fomba ahafahantsika manam-pinoana mora foana ao Aminy. Amin'ny alalan'ny vavaka araka ny teny fikasana no ahatanterahana izany. (Jereo ny boky *Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana,* took 5, "Fanalahidin'ny Fanandramana azo ampiharina", izay hamelabelarana misimisy kokoa an'io lohahevitra io).

Na I Ellen White aza nilaza hoe, "miandry fatratra ny fitakiantsika sy ny handraisantsika ny valiny ny Fanahy."[57] Hoy ny fanampim-panazavan'I David Wolkwitz:

Azonao heverina ve izany hoe "mitaky" zavatra amin'Andriamanitra izany, izay tsy inona fa ny hanomezany manokana ny Fanahy Masina? Toa mampangovitry ny tahotra antsika ny hevitra toy izany. Toy ny hoe tsy fanajana na fitenenan-dratsy an'Andriamanitra mihitsy aza ny fiheverana toy izany. Izany voambolana izany anefa no ampiasain'ny mpitondra hafatry ny Tompo amin'ny andalan-teny maro ao amin'ny asa-sorany. Inona no tiany ahatongavana? Voalohany, tokony ho fantatsika fa mahafaly loatra an'Andriamanitra ny hanome antsika an'io fanomezana io, satria tiany isika ary tena ilaintsika fatratra Izy. Faharoa, midika izany fa tena manan-danja ho antsika io fanomezana io. Koa satria ambara amintsika fa miandry ny fitakiantsika io fanomezana io, dia maneho amintsika mazava izany fa rehefa maniry fatratra ny fanatrehan'I Jesosy tsy tapaka isika mba ahafahany mitari-dalana antsika eo

[57] Ellen G. White, *Christ's Object Lessons,* p. 121.

amin'ny fiainantsika, ary rehefa manolotra amin'ny fahafenoany ny tenantsika ho an'Andriamanitra isika, dia afaka manatanteraka ny fitakiantsika am-pinoana sy am-pitokisana isika. Mila mandinika lalina ny momba izany isika.[58]

Ny fitakiana zavatra iray dia midika ho fahalianana lalina amin'ilay zavatra izay tena ilainao na irinao hananana; midika fahamatorana eo amin'ilay olona mangataka koa izany. Tokony esorintsika ny tsi-fahavononantsika "hitaky" ilay zavatra. "Tena faly Izy [Andriamanitra] rehefa mitaky ny zavatra farany ambony indrindra Aminy ireo, mba ahafahan'izy ireo manome voninahitra ny Anarany."[59]

Rehefa manolotra ny tenantsika amin'ny fontsika manontolo amin'I Jesosy isan'andro isika dia mandray am-pinoana ny fanomezana lehibe indrindra avy amin'Andriamanitra – dia ny Fanahy Masina.

## VAVAKA FANELANELANANA MAMPITOLAGAGA NATAON'NY APOSTOLY PAOLY

Andeha hojerentsika ny Efesiana 3:14-21, mahakasika an'io lohahevitra io, izay ahitantsika vavaka fanelanelanana mampitolagaga izay nataon'I Paoly ho an'ireo fiangonana tao Efesosy. Toy izao manaraka izao no hevi-dehibe ao anatin'izany:

1. Mangataka ny herin'ny Fanahy Masina ao anaty ho azy ireo izy.
2. Mba hitoeran'I Kristy ao am-pon'izy ireo vokatr'izany
3. Mba hanaovany fanandramana feno ny amin'ny velaran'io fitiavana io sy mba hamaharan'io fitiavana avy any ambony io ao anatin'izy ireo.
4. Mba ahatonga azy ireo ho fenon'ny fahafenoan'Andriamanitra.

---

[58] David Wolkwitz, *Der Weg zu einer kraftvollen Erweckung* (The Way to a Powerful Revival) (NRW, Abt. Heimatmission), S. 205.
[59] Ellen G. White, *The Desire of Ages,* p. 668.

5. Hitantsika mazava eto ny fiasan'Andriamanitra amintsika: Amin'ny alalan'ny maha-fenon'ny Fanahy Masina antsika no hiveloman'I Kristy ao anatintsika sy hanandramantsika ny fiovana miabo eo amin'ny toetsika – ny fitomboan'ny vokatry ny Fanahy.

*"14 Ary noho izany no andohalehako amin'ny Ray 15 Izay ahazoan'ny fianakaviana rehetra any an-danitra sy etỳ an-tany anarana, 16 mba homeny anareo, araka ny haren'ny voninahiny, ny* ***mba hohatanjahina fatratra amin'ny Fanahiny ny toe-panahinareo****; 17* ***mba hitoeran'i Kristy ao am-ponareo amin'ny finoana****, ka hamaka sy hiorina mafy amin'ny fitiavana ianareo, 18 mba hahaizanareo mbamin'ny olona masina rehetra ny hahafantatra tsara izay sakany sy lavany ary hahavony sy halavany. 19 ary hahalala ny fitiavan'i Kristy, izay mihoatra noho ny fahalalana,* ***mba hamenoana anareo ho amin'ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra****." (Efesiana 3:14-19)*

## AMIN'NY FOMBA AHOANA NO AHAZOAKO NY HERY AO ANATY?

Aseho ao amin'ny Efesiana 3:16 ny fototry ny fiainantsika ara-pivavahana: *"Mangataka amin'Andriamanitra aho mba homeny anareo, araka ny haren'ny voninahiny, ny hohatanjahina fatratra ao anatinareo amin'ny herin'ny Fanahiny"(DIEM).*

Mila hery isan'andro isika ary ny fiainana feno hery dia mitondra fifaliana ho antsika. Irin'ilay Tompontsika mahagaga ny hananantsika hery miavosa eo amin'ny fiainantsika. Ny Fanahy Masina no manome an'io hery ao anaty io. Ny boky *Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana,* pejy 79 dia maneho amintsika hoe nahoana no tena ilaina ny manolotra ny tenantsika isan'andro eo amin'I Jesosy sy mivavaka isan'andro ho amin'ny Fanahy Masina. Ary amin'ny alalan'ny fivavahana araka ny teny fikasana no ahazoantsika antoka fa mandray ny Fanahy Masina isika

raha vao mangataka. Amporisihako indray ny hamakianao an'io boky io – tena zava-dehibe io.

## KRISTY AO ANATINTSIKA

Inona no miseho manaraka, araka ny andininy 17? ***"mba hitoeran'i Kristy ao am-ponareo amin'ny finoana".***

Ampy ve ny fahafantarantsika an'io fahamarinana mampitolagaga io? Rehefa miaina araka ny Fanahy Masina isika dia lasa zava-misy marina ilay hoe Jesosy mivelona ao am-pontsika. Tsy afaka ahatsapa na handrefy izany na oviana na oviana isika. Mila hinoantsika izany. Raha mino izany ianao dia teneno Izy izao dia izao (ary averimbereno) hoe: "Misaotra Anao aho Jesosy Tompo fa mitoetra ato am-poko Hianao." Na koa, "Tompo o, tena faly aho fa mitoetra ato anatiko Hianao."

Hoy Andrew Murray: "Amin'ny alalan'izany no hitondran'I Jesosy anao ho amin'ny fisakaizana Aminy, ka ny tanjony dia ny ahatonga ny Fiainany ho lasa ampahan'ny fiainanao."[60]

Manampy izany I Ellen White manao hoe: "Ny hery miasa manginan'ny Fanahy Masina no fiainan'I Kristy ao amin'ny fanahy."[61] "Ao anatin'ny drafitry ny famerenana ny olona araka ny endrik'Andriamanitra, dia natao izay hahatonga ny Fanahy Masina hanao hetsika ao an-tsain'ny olona, ho mariky ny fanatrehan'I Kristy, ho fitaovana mamolavola ny toetra mahaolombelona."[62] "Ny atao hoe Kristiana salama dia izay manana an'I Kristy voavolavola ao anatiny, dia izay fanantenana ny voninahitra [Kolosiana 1:27]."[63]

---

[60] Andrew Murray, *Bleibe in Jesus* (Remain in Jesus) (Leun, 2012), S. 149.
[61] Francis D. Nichol, ed., *Seventh-day Adventist Bible Commentary,* vol. 6 (Hagerstown, MD: Review and Herald Publishing Association, 2001), p. 1112.
[62] Ellen G. White, *Ye Shall Receive Power,* February 8; p. 47.
[63] Ibid., February 4; p. 43.

Mitoetra ao am-pontsika **amin'ny finoana** Kristy, araka ny voalazan'ilay andalan-teny. Ny fitokisana no fototra iorenan'ny finoana. Resaka fanankinana ny fiainantsika manontolo eo amin'I Jesosy izany – fampileferantsika tanteraka ny fiainantsika voalohany indrindra, ary vokatr'izay dia ny fileferana isan'andro amin'I Jesosy Kristy.

## INONA NO HIFANDRAISAN'NY FINOANA SY NY FIHETSEHAM-PO?

Hoy ny Tenin'Andriamanitra: *"Mangataka amin'Andriamanitra aho mba homeny anareo, araka ny haren'ny voninahiny, ny* ***hohatanjahina fatratra ao anatinareo amin'ny herin'ny Fanahiny*** *ka hitoeran'i Kristy ao am-ponareo* ***amin'ny finoana****; dia hamahatra tsara sy ho mafy orina amin'ny fitiavana ianareo." (Efesiana 3:16,17 DIEM)* Fenoin'ny Fanahy Masina isika mba hitoeran'I Kristy ao am-pontsika, ary *amin'ny alalan'ny finoana* no tokony ahatanteraka izany.

Hoy Jesosy, *"38* ***Izay mino Ahy****, dia hisy onin'ny rano velona miboiboika avy ao an-kibony, araka ny voalazan'ny Soratra Masina." (Jaona 7:38)* Tena ilaina ny hifantohantsika mandrakariva amin'izany. Nahoana? Satria ny fitokisana no ivon'ny finoana. Hitokisako izay lazain'I Jesosy. Hoy Izy momba ny Rainy, *"Ny Teninao no fahamarinana" (Jaona 17:17).* Hoy Ellen White, "Mamboly ny tenany ao amin'ireo teny fikasan'Andriamanitra ny finoana, ary manamafy ny maha azo antoka ireny, ka hanatanteraka izay nolazainy fa hataony Izy."[64]

Ny atao hoe mitoky amin'Andriamanitra dia miantehitra amin'ny Teniny. Matoky ny Tenin'Andriamanitra aho.

[64] Ellen G. White, *The Signs of the Times,* May 22, 1884, par. 3.

Fa manao ahoana rehefa manao zavatra araka ny fihetseham-poko aho? Ny dikan'izay dia mitoky amina zavatra ao anatiko aho. Manokatra ny masontsika I Roger J. Morneau, izay novonjen'Andriamanitra tamin'ny fiangonan'i Satana: "Mamporisika ny olona ireo fanahin'ny demonia hihaino ny fihetseham-pony fa tsy ny tenin'i Kristy sy ireo Mpaminaniny. Tsy misy fomba azo antoka kokoa ahafahan'ireo fanahy ireo mifehy ny fiainan'ny olona, ary ireto farany dia tsy mahatsapa akory izay miseho."[65] Tsy mitady fanandramana ara-pihetseham-po na majika isika.

Ny atao hoe finoana dia fitokisana an'Andriamanitra sy ny Teniny, fanandratana ny Baiboly izay mamatotra ny fiainantsika fa tsy hoe singa iray ao anatiny fotsiny. Maro ireo izay milaza fa tsy afaka mankato ny Tenin'Andriamanitra amin'ny herin'ny tenantsika isika. Marina izany ho an'ireo Kristiana araka ny nofo. Na iza na iza no mivelona araka ny Fanahy Masina anefa dia manana an'I Jesosy ao am-pony ary nahazo fampitaovana mba hankatoavany ny Tenin'Andriamanitra. Hoy ny *Romana 8:4, "4 mba hahatanteraka ny fahamarinana ilain'ny lalàna amintsika, izay tsy mandeha araka ny nofo, fa araka ny Fanahy."* (Raha mila fanazavana misimisy kokoa momba an'io lohahevitra io, jereo ny Toko 4: Fankatoavana amin'ny alalan'I Jesosy).

Ny fitokisana an'Andriamanitra sy ny fanandramana ny fahatanterahan'ireo teny fikasany eo amin'ny fiainantsika dia hampahatanjaka ny finoantsika Azy sy hahatonga antsika hamaka lalina ao amin'ny Fitiavany. Farany dia manome fahafaham-po ireo filàna lalina ao am-pontsika io fitiavan'Andriamanitra io. Izany dia toy ny zaza iray eo an-tratran'ny rainy izay mianoka ao anatin'ny fiononana sy ny fiarovana. Mety hiovaova ny fihetseham-pon'ilay zaza satria izy mbola tsy matotra. Rehefa miovaova eny anefa ny fihetseham-pon'ilay zaza, dia tsy midika izany hoe handeha hiova ihany koa ny fitiavan'ny rainy. Arakaraky ny hitomboantsika

[65] Roger J. Morneau, A Trip into the Supernatural, Review and Herald 1982, p. 43

fahamatorana, ao amin'ilay fitiavan'Andriamanitra, no ahatsapantsika fa tsy afaka manome antoka antsika momba ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra ireo fihetseham-pontsika ivelambelany fotsiny. Tsy azo hitokisana ireo fihetseham-pontsika satria miovaova. Ny antoka hananantsika dia avy amin'ny fitokisantsika amin'Andriamanitra sy ny Teniny tsy miova. Tsy mila mitady fihetseham-po lava isika. Rehefa mivelona ao anatintsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina Kristy dia hivelatra sy hitombo ao anatintsika ny vokatry ny Fanahy. Ireo no fanomezana mitondra fihetseham-po lalina avy amin'ny Fanahy Masina. Manana anjara mazava eto ny fifaliana. *"fa ny fifaliana avy amin'i Jehovah no fiarovana mafy ho anareo." (Nehemia 8:10)* Tsy hoe tsy hisy fifaliana akory ao anatin'ny fiainam-pinoana fa vao maika hihamafy ao anatintsika izany amin'ny alalan'ny fiainantsika miaraka amin'Andriamanitra.

Tena zava-dehibe amin'ny ho avy ny hahaizantsika manavaka ny maha-mpianatra amin'ny alalan'ny fitokisana amin'Andriamanitra sy ny maha-mpianatra amin'ny alalan'ny fihetseham-po fotsiny. Haneho amintsika zava-mahagaga, eny fa na dia ny momba an'I Jesosy aza, ilay mpaka fanahy lehibe, kanefa fisarihana amin'ny alalan'ny fihetseham-po sy filalaovana fanahy no ambadik'izany "fanambarana" izany. Ho lasa lavitra tokoa izany, hany ka dia hisy olona izay toa hahita "fanandramam-pinoana" mahagaga ary ho tonga amin'ny fianteherana tanteraka amin'ny fihetseham-pony fa tsy amin'ny Tenin'Andriamanitra. Mety hihevitra mihitsy ary izy hoe tsy mila ny Tenin'Andriamanitra intsony, satria efa mihevitra ny tenany ho "tarihan'ny fanahy" izy amin'ny alalan'ny fanandramany ara-pihetseham-po.

Mampitandrina mazava momba izany ireo tenin'I Jesosy ao amin'ny *Matio 7:21-23: "Tsy izay rehetra manao amiko hoe: Tompoko, Tompoko, no hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra, fa izay manao ny sitrapon'ny Raiko Izay any an-danitra. Maro no hanao*

*amiko amin'izany andro izany hoe: Tompoko, Tompoko, tsy efa naminany tamin'ny anaranao va izahay? ary tsy efa namoaka demonia* tamin'ny anaranao va izahay? Ary tsy efa nanao asa lehibe maro tamin'ny anaranao va izahay? Ary dia hambarako aminy marimarina hoe: Tsy mba fantatro akory ianareo hatrizay hatrizay; mialà amiko, ianareo mpanao meloka."* Ny hany azontsika ambara dia ilay tonon-kira manao hoe: Itokiso sy ankatoavy Izy, tsy misy fomba hafa ahazoana hasambarana ao amin'I Jesosy, afa-tsy ny mitoky sy mankato. (Jereo ny boky Te*stimonies for the Church,* vol. 5, Toko 21, "Mijery an'I Jesosy")

## NAHOANA NO TENA ZAVA-DEHIBE NY MILEFITRA TSY TAPAKA SY AMIN'NY FAHAFENOANY AMIN'ANDRIAMANITRA?

Mangataka izao manaraka izao amintsika Andriamanitra, amin'ny alalan'ny Apostoly Paoly, ao amin'ny *Romana 12:1, "Koa amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindram-pon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy* mety hataonareo izany."* Ao amin'ny Ohabolana 23:26 no ahitantsika ilay fanasana manao hoe: *"Anaka, atolory ahy ny fonao ..."*

Voazava amin'ny antsipiriany ny tena hevitry ny hoe mitolo-batana ao amin'ny Toko 2 "Mitolo-batana amin'I Jesosy". Voazava tsara ihany koa izany ao amin'ny boky *Ny Dia ho eo amin'I Kristy",* Toko 5 "Fanolorana ny Tena".

Mitondra fitahiana lehibe ny fileferantsika amin'ny Fitiavan'Andriamanitra. Raha avelantsika mitari-dalana ny fiainantsika Andiamanitra, dia hanafaka antsika amin'ny fanandevozan'ny izahontsika (ny fitsiriritana, ny hatezerana, ny tsy fahafaham-po rehetra, sns) Izy. Hoy Ellen White, "Fizarana ny fiainan' i Kristy ny fizarana ny Fanahy. Mamonto ny mandray izany

amin' ny toetra mampiavaka an' i Kristy izany."[66] "Tsy hahazo fandresena amin'ny alalan'ny habetsahana isika fa amin'ny alalan'ny fileferan'ny fanahy amin'I Jesosy."[67]

## MAHATAKATRA ZAVA-MIAFINA NASEHO ANANKIRAY

Andeha hojerentsika ny Efesiana 3:18, tapany voalohany: *"mba hahaizanareo mbamin'ny olona masina rehetra…"* Inona no tokony ho haintsika? Izay vao nohazavain'ilay andininy teo aloha: ny tsiambaratelo fa velona ao anatintsika Kristy (amin'ny alalan'ny Fanahy Masina) ary voaova vokatr'izany ny fiainantsika, satria mamaka sy miorina eo amin'ny fitiavan'Andriamanitra isika. Midika izany fa mamolavola ny toeny ao anatintsika Jesosy Kristy.

Hoy ny nosoratan'ny rahalahy iray: "Tena tsotra nefa sady sarotra takarina ilay fahamarinana ny amin'ny hoe 'ao amin'I Kristy' sy 'Jesosy ao anatintsika', hany ka tsy mahatakatra izany amin'ny fahafenoany ny ankamaroan'ny Kristiana."[68]

Hoy ny lazain'I Paoly ao amin'ny *Kolosiana 1:25,26: "25 izay nanaovana ahy ho mpanompo araka ny fitondran'Andriamanitra nomena ahy ho anareo, hahatanteraka ny fitoriana ny tenin'Andriamanitra, 26* ***dia ny zava-miafina, ilay voàfina*** *hatramin'ny fahagola sy ny taranaka maro, fa voaseho ankehitriny amin'ny olony masina."* **Inona io zava-miafina io?** Hoy ny andininy 27: *"izay efa tian'Andriamanitra ho nampahafantarina ny haren'ny voninahitr'ity zava-niafina ity any amin'ny jentilisa, dia* ***Kristy ao anatinareo****, Izay fanantenana ny voninahitra".*

Ilay zava-miafina voafina hatry ny fahagola ary naseho ankehitriny dia Jesosy Tenany mihitsy no maniry hivelona ao

---

[66] Ellen G. White, *Ilay Fitiavana Mandresy,* t. 862.
[67] Ellen G. White, *Sons and Daughters of God* (Hagerstown, MD: Review and Herald Publishing Association, 2003), p. 279.
[68] Dennis Smith, *Spirit Baptism and Abiding in Christ* (2010), p. 12.

anatintsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Milaza amintsika ilay andininy fa io no fanantenantsika ny voninahitra. Midika izany fa efa azo antoka ilay fahafenoan'ny fiainana izay irin'Andriamanitra ho antsika ankehitriny sy izay sady mbola homena antsika dia ny fiainana mandrakizay.

Toy izao manaraka izao ny famelabelaran'I Ellen White an'io tsiambaratelo izay antsoina hoe "Kristy ao anatinareo", "ilay fanantenana ny voninahitra" (Kolosiana 1:27) io: "**Ny fahafantarana ny hevitra fonosin'io zava-miafina io dia manome fanalahidy ho amin'ny zava-miafina hafa rehetra. Izany dia manokatra amin'ny fanahy ireo haren'izao rehetra izao sy ny fahafahana hivelatra tsy misy fetrany."**[69] Matetika ny Baiboly no mampiasa fomba fiteny toy ny hoe "Kristy ao anatinareo" sy voambolana mitovy aminy toy ny hoe "ao amin'I Kristy", "ao Aminy", "ao amin'ny Tompo", ary "ao amin'ilay Malala". In-170 no ampiasana ireny fomba fiteny ireny ao amin'ny Testamenta Vaovao. Io fomba fiteny io ohatra dia teny fototra ao amin'ny Epistilin'I Paoly ho an'ny Efesiana. Hevero ny fijoroany vavolombelona: *"ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko"(Galatiana 2:20)*. Ao amin'ny Romana 15:18 dia hoy ny nosoratany: *"Fa tsy sahiko lazaina izay zavatra tsy nampanaovin'i Kristy ahy".*

Hoy koa ireo andalan-teny fanta-daza: *"Fa isaorana anie Andriamanitra, Izay mitondra anay mandrakariva ao amin'i Kristy toy ny fanaon'izay avy nandresy" (2 Korintiana 2:14) "17 Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy" (2 Korintiana 5:17).* Ny fiovan'ny toetra amin'ny alalan'ny vokatry ny fiasan'ny Fanahy no hifantohana eto: *"...voaforona tao amin'i Kristy Jesosy mba hanao asa tsara."(Efesiana 2:10). "Ka izay maty ao amin i Kristy no hitsangana aloha."(1 Tesaloniana 4:16) "Fa na iza na iza mitandrina ny teniny, dia tanteraka ao aminy marina tokoa ny*

---

[69] Ellen G. White, *Education* (Nampa, ID: Pacific Press Publishing Association, 2002), p. 172.

*fitiavana an'Andriamanitra* izany no ahafantarantsika fa ao aminy isika." (1 Jaona 2:5) "Andriamanitra tamin'izy naniraka ny Zanany ...mba hahatanteraka ny fahamarinana ilain'ny lalàna amintsika"* (Romana 8:3,4). Raha mijery konkordansa isika dia mahita andininy sarobidy maro avy amin'ny teny manan-danja hoe "ao amin'I Kristy", "ao amin'ilay Malala", "ao amin'ny Tompo", "ao Aminy" (Kristy).

**NA "AO AMIN'I KRISTY" NA "IVELAN'I KRISTY"**

Hoy ny nambaran'I E. Stanley Jones, "Mifantoka amin'ilay andalan-teny hoe 'ao amin'I Kristy' … I Paoly ary mampiasa izany in-97 ao amin'ireo Epistily nosoratany … Am-pitandremana tokoa no ahatsapany fa mizara ny olombelona rehetra anatina sokajy roa ireo teny ireo, 'ao amin'I Kristy' sy 'ivelan'I Kristy' … Izay 'ao amin'I Kristy' dia 'ao amin'ny fiainana', ary izay 'ivelan'I Kristy' dia 'ao amin'ny fahafatesana'."[70]

*Ary amin'izany dia tsy misy fanamelohana ho an'izay ao amin'i Kristy Jesosy (izay tsy mandeha araka ny nofo fa araka ny Fanahy)**
*Romana 8:1*

[70] E. Stanley Jones, *In Christ* (London: Hodder and Stoughton, 1961), p. 9; re-translated from German.
*Nadika malalaka avy amin'ny Dikan-teny Anglisy New King James Version.

## FISAINTSAINANA MANOKANA SY TARI-DALANA HIFANAKALOZAN-KEVITRA

*1. Inona no atao hoe tena fivavahana marina, araka ny voalazan'I Ellen White?*

*2. Inona no zava-dehibe toy ny famelana an'I Jesosy hitoetra ao ampontsika?*

*3. Inona no anjara asan'ny finoana na ny fitokisana an'Andriamanitra eo amin'ny fandraisantsika ny Fanahy Masina?*

*4. Nahoana no tena zava-dehibe ny hoe miorina amin'ny fitokisantsika an'I Jesosy sy ny Teniny ny fifandraisantsika Aminy fa tsy amin'ny fihetseham-po?*

*5. Rehefa mitoetra ao anatintsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina I Kristy, dia mivelatra ao anatintsika ny Toeny, izay vokatry ny Fanahy. Inona no fiantraikan'izany eo amin'ny fiainanao?*

## FOTOAM-BAVAKA ATAONTSIKA

*Antsoy ilay namana mpiara-mitolona am-bavaka aminao ary mifanakaloza hevitra momba ny lohahevitra.*

*Miaraha mivavaka aminy:*

*1. Mba hananana ny fahatakarana sy hiainana ny tena fivavahana marina – dia Jesosy velona ao am-pontsika amin'ny finoana.*

*2. Mba ho mafy orina eo amin'ny fampileferana ny fo eo amin'I Jesosy.*

*3. Mba hananana fanandramana lalina kokoa ny amin'ny fanatrehan'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainantsika.*

*4. Mba hahaizana mametraka ny fihetseham-pontsika amin'ny tokony ho izy sy hahaizana mifehy azy ireny.*

*5. Mba hananana fifaliana mitombo tsy tapaka sy hita maso kokoa – dia fifaliana izay entin'I Kristy.*

Ireo Vokatr'ilay "Kristy ao anatinareo". Ahoana no ahafahantsika mahazo fanafahana amin'ny herin'ny ota? Ho lasa "araka ny nofo" indray ve isika rehefa manota?

## NY FANAMBARAN'I ELLEN WHITE MOMBA ILAY HOE "KRISTY AO ANATINAREO"

"Rehefa tonga iray ao anatin'ny firaisana amin'ny Fanahy ny vahoakan'Andriamanitra, dia ho voaroaka hiala ao amin'ny fon'ny rehetra ny otan'ny Fariseo rehetra, ny fanamarinan-tena rehetra izay fahotan'ny firenena Jiosy. … Hasehon'Andriamanitra ilay zava-miafina izay voafina hatramin'ny fahagola. Hampahafantariny ireo 'haren'ny voninahitr'ity zava-niafina ity any amin'ny jentilisa, dia Kristy ao anatinareo, Izay fanantenana ny voninahitra' (Kolosiana 1:27)."[71]

## JOSEFA, DANIELA SY IREO NAMANY

"Tokony hiomana hanahaka ny ohatra nataon'ireo tanora mendri-kaja ireo ianao. Aza menatra velively ny faneva inoanao; itafio izany, velaro eo imason'ny olona sy ny anjely. Aza manaiky hofehezin'ny tsy fitiavana hiseho sy fitandremana diso toerana ka handray fanapahan-kevitra mifanohitra amin'izao toromarika izao. Amin'ny alalan'ny teny voafidy tsara sy ny asa tsy miova fenitra, amin'ny alalan'ny fitondran-tena sy ny toe-panahy lalim-paka, dia ambarao ny finoanao, manapaha hevitra fa Kristy no mipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'ny tempolin'ny fanahinao; ary ento tsy

[71] Ellen G. White, *Selected Messages,* book 1, p. 386.

amim-pisalasalana eo an-tongony ny talentanao mba hampiasaina amin'ny fanompoana Azy."[72]

## FIAINAM-PIANAKAVIANA

**Hitondra firaisana** I **Kristy ao anatin'ny fo tsirairay** – "Hifanaja sy hikolokolo fitiavana sy fifampitokisana ny mpivady rehefa tanterahina ny sitrapon'Andriamanitra. Tokony hoesorina amin'ny fomba hentitra tokoa ny zavatra rehetra mety hanimba ny fiadanana sy ny firaisan-kinan'ny ankohonana, ary tokony hankamamiana ny hamoram-panahy sy ny fitiavana. Izay maneho ny fanahin'ny fahalemem-panahy, ny fandeferana, ary ny fitiavana dia hahita fa fanahy toy izany ihany koa no ho hita taratra eny aminy. Tsy misy izany resaka fifandraisana tsy sahaza izany ao anatin'ny fanambadiana izay hanjakan'ny Fanahin'Andriamanitra. Raha Kristy ilay fanantenana ny voninahitra tokoa no voavolavola ao anaty, dia hisy firaisana sy fitiavana ao an-tokantrano. Hiray saina amin'ilay Kristy mitoetra ao am-pon'ny rangahy ilay Kristy mitoetra ao am-pon'ny ramatoa. Hiara-hiezaka izy ireo hahazo ny fitoerana izay efa nomanin'I Kristy ho an'ireo izay tia Azy."[73]

"Mino aho fa irinao ny hahatonga ny tokantranonao ho tahaka ny an'I Abrahama. To teny teo amin'ny ankohonany izy. Nampianariny izy ireo hankato ny baikon'Andriamanitra. Izany ry Reny, no tokony ho lesona izay tokony ampianarinao am-paharetana ny zanakao. Tsy afaka ny handany fotoana handinika ireo zava-malaza amin'izao andro izao hianao. Ampianaro azy fa fananan'I Kristy izy. Mamolavola olona sy toetra isika ankehitriny. Ry zatovolahy sy zatovovavy, mamaritra ny ho anjaranao amin'ny ho avy hianao

---

[72] Ellen G. White, *Hafatra ho an'ny Tanora*, t. 16.

[73] Ellen G. White, *The Adventist Home* (Hagerstown, MD: Review and Herald Publishing Association, 2002), p. 120.

androany. **Aoka handroso ao aminao Kristy. Hiaro anao amin'ny fakam-panahy Izy."**[74]

## FANDRESENA

*"Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo." (2 Korintiana 5:17)* Nanapaka ny fatoran'ny fahazarana feno ota ireo lehilahy sy vehivavy, tamin'ny alalan'ny herin'I Kristy. Nahafoy ny fitiavan-tena izy ireo. Lasa mahay manaja ireo tsy mpiraharaha izay masina, lasa mahonon-tena ny mpimamo, lasa madio fitondran-tena ny ratsy fitondran-tena. Voaova araka ny endrik'Andriamanitra ireo fanahy izay teraka sy nanam-pitoviana tamin'I Satana. Io fiovana io no tena fahagagana lehibe indrindra. Fiovana nentin'ny Tenin'Andriamanitra, izany no isan'ny zava-miafina lalina indrindra momba ilay Teny. Tsy takatry ny saintsika izany; mino, izay ihany no azontsika atao, ny fanambaran'ny Soratra Masina hoe, *'Kristy ao anatinareo, Izay fanantenana ny voninahitra.' [Kolosiana 1:27."*[75]

## TARATASY NOSORATAN'I JESOSY

"Ao amin'ny zanany tsirairay no hanoratan'i Jesosy taratasy ho an' izao tontolo izao. Raha mpianatr' i Kristy hianao, dia hianao no taratasy ampitondrainy ho any amin' ny fianakaviana sy tanàna ary ny arabe misy anao. Jesosy ao anatinao dia maniry hiteny amin' ny fon' ireo izay tsy mahalala Azy. Angamba tsy mamaky ny Baiboly izy, na tsy mandre ny feo miteny aminy ao amin' ireo pejiny ka dia tsy mahita ny fitiavan' Andriamanitra ao amin' ny asany. Nefa raha tena sarin' i Jesosy marina tokoa hianao, dia angamba amin' ny alalanao no

---

[74] Ellen G. White, *Temperance* (Nampa, ID: Pacific Press Publishing Association, 2004), pp. 290, 291.
[75] Ellen G. White, *The Acts of the Apostles,* p. 476.

hahatonga azy hahalala ny hatsarany, sy ho voataona ho tia sy hanompo Azy."[76]

## ILAY LAFINY MOMBA NY TENA MANOKANA AO AMIN'NY FITIAVAN'ANDRIAMANITRA

Asehon'I Kristy amintsika amin'ny fomba manokana fa ho an'ny tena manokana (ho an'ny tsirairay) ny fitiavan'Andriamanitra lehibe, amin'ny alalan'io firaisana ety dia ety io, izay iriny hiarahana amintsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Tsy takatry ny saina izany hoe Kristy mivelona ato anatiko izany. Manome toky antsika ny amin'izany anefa ny Teniny, izay no mahatonga azy ho marina.

Nisy raim-pianakaviana izay nanao dia lavitra an-dranomasina niaraka tamin'ny zananilahy. Naniry izy hanazava tamin'ilay zanany ny amin'ny Fitiavan'Andriamanitra. Hoy ilay raim-pianakaviana, "Jereo ny lohan'ity sambo ity, dia avy eo ny aoriany – izany no halavan'ny fitiavan'Andriamanitra. Jereo indray izao ny ankavia sy ankavanana – izany no sakan'ny fitiavan'Andriamanitra. Jereo indray ny lanitra – izany no haavon'ny fitiavan'Andriamanitra. Jereo indray ao anaty rano. Lalina ao ambanintsika ny ranomasim-be. Izany no halalin'ny fitiavan'Andriamanitra." Nisaintsaina izany fanazavana izany ilay tovolahy nandritra ny fotoana fohy ary avy eo izy nihiaka tamin'ny endrika miramirana: "Dada a, fantatrao ve ny lafiny tsara indrindra amin'izany? Eo anivon'izany Fitiavany izany no misy antsika."

Ny rehetra izay manokana ny fiainany ho an'I Kristy sy fenoin'ny Fanahy Masina isan'andro dia eo anivon'ny fitiavan'Andriamanitra. Tsy misy toerana tsara kokoa noho izany izay azontsika hipetrahana. Mivavaka aho isa-maraina mba hitehirizan'ilay Raintsika mahagaga ahy eo amin'io toerana io.

---

[76] Ellen G. White, *Ny Dia ho eo amin'I Kristy,* p. 105.

## NY FAHATANTERAHANA FARATAMPONY: FIAINANA AO ANATIN'NY FIAVOSANA

Irin'I Paoly isika mba hahatakatra ny fitiavan'I Jesosy antsika ao amin'ny Efesiana 3:19, ary amin'ny alalan'io fitiavana io no hamenoana antsika amin'ny fahafenoan'Andriamanitra. Hoy ilay andininy: *"ary hahalala ny fitiavan'i Kristy, izay mihoatra noho ny fahalalana, mba hamenoana anareo ho amin'ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra."*

Hitantsika ve hoe inona no hiankinan'ilay hoe Kristy velona ao anatintsika? Izany no lalan-tokana mankeo amin'ny fahafenoan'Andriamanitra. Ao amin'ny Jaona 10:10 dia nilaza Kristy fa avy Izy mba hananantsika fiainana be dia be (fiainana miavosa). Hoy ny *Kolosiana 2:9,10 "Fa ao amin'ny tenany no itoeran'ny fahafenoan'ny fomban'Andriamanitra rehetra; ary ianareo dia tanteraka ao aminy ..."* Hananao ve ny fahafenoan'Andriamanitra? Irin'Andriamanitra ny hanome izany ho anao. Ataovy ny dingana tokony atao!

## VALINY MIHOATRA NOHO NY FANGATAHANTSIKA

Afaka mivavaka isika mba hamalian'ny Tompo ny vavaka ataontsika araka ny teny fikasany ao amin'ny Efesiana 3:20 *"Ary ho an'izay mahay manao mihoatra noho ny zavatra rehetra, eny, mihoatra lavitra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika aza, araka ny hery izay miasa ato amintsika".* Afaka mangataka isika, eo am-pitakiana an'io teny fikasana io, mba tsy hamalian'ilay Tompo mahagaga ny vavaka nataontsika araka izay nangatahintsika fotsiny, fa mba hamaliany mihoatra noho ny fangatahantsika, mihoatra noho ny fahatakarantsika, mba hitahiany antsika be dia be araka ny haren'ny Voninahiny sy ny Heriny. Fanampin'izany dia afaka mivavaka araka ny Jeremia 33:3 isika mba hamalian'Andriamanitra ny vavaka ataontsika sy hanehoany zava-mahagaga sy lehibe amintsika: *"Antsoy*

*Aho, dia hovaliako ianao ka hampisehoako zavatra lehibe sy saro-pantarina izay tsy fantatrao."*

## INONA NO FIANTRAIKAN'NY FIAINAN'I KRISTY ATO ANATIKO?

*"Fa avy aminy no nanaovana anareo ho ao amin'i Kristy Jesosy, Izay nataon'Andriamanitra fahendrena sy fahamarinana sy fahamasinana ary fanavotana ho antsika." (1 Korintiana 1:30)* Natao ho fahendrena ho antsika Kristy. Afaka manao zavatra am-pahendrena isika, miaraka amin'I Kristy ao anatintsika. *"Fa ny fahendrena dia tsara noho ny voahangy*; Ary ny zavatra irina rehetra tsy azo ampitahaina aminy."(Ohabolana 8:11) "Dia hitako fa ny fahendrena dia tsara* noho ny fahadalana, toy ny fahatsaran**'ny mazava noho ny maizina."(Mpitoriteny 2:13)* Mety ho tena maranin-tsaina isika na dia tsy ao amin'I Kristy aza. Mety ho sady tena adala ihany koa anefa. Tsarovy Adama sy Eva. Tena naranin-tsaina tokoa izy ireo ary tena nanao hadalana raha nanao zavatra araka ny fisainany fa tsy mba nitoky tamin'Andriamanitra. Ny maha "ao amin'I Kristy" ahy no mahatonga ahy haranin-tsaina **sy** hendry. *"Ny fahendrena no maharo ny hendry mihoatra noho ny mpanapaka folo ao an-tanàna." (Mpitoriteny 7:19)*

Natao ho fahamarinana ho antsika Kristy. Midika izany fa ny fahamarinana izay very teo amin'ny fahalavoan'ny taranak'olombelona dia azo haverina indray amin'ny Alalany. Sarobidy izay lazain'ny *Romana 8:3,4 "… Andriamanitra tamin'izy naniraka ny Zanany … ka nanameloka ny ota tao amin'ny nofo, mba hahatanteraka ny fahamarinana ilain'ny lalàna amintsika, izay tsy mandeha araka ny nofo, fa araka ny Fanahy."* Mariho fa ny fahamarinana/fanamarinana dia tanteraka amin'ny alalan'I Jesosy ao amin'ireo izay mandeha araka ny Fanahy, raha ny voalazan'ilay andininy. Toy izany no hiveloman'I Kristy ao anatintsika.

Hoy ny nosoratan'I Dennis Smith: "Misy lafiny fanamarinana sy fanamasinana ao anatin'ilay hoe fanamarinana amin'ny finoana. Ny fanamarinana dia midika fa manafaka ilay mpino amin'ny ota sy ny sazy Andriamanitra ary mampitafy ilay mpanota nibebaka amin'ny fahamarinan'I Kristy (fankatoavana feno)."[77]

Eo no mitranga ilay fifanakalozana mampitolagaga indrindra: raisin'I Kristy ny fahamelohako ary omeny ahy ny Fahamarinany. Amin'ny alalan'io fifanakalozana io no ahafahantsika mijoro eo anatrehan'ny Ray toy ny tsy ary nanota. *"Tahaka ny halavitry ny atsinanana amin'ny andrefana no halavitry ny anesorany ny fahotantsika amintsika." (Salamo 103:12)*Afaka mandeha amin'ny fiainana afaka amin'ny fahatsapana ho meloka isika, noho ny fahasoavan'Andriamanitra.

Natao ho fanamasinana ho antsika Kristy. Inona no hevitry ny hoe fanamasinana? "Ny fanamasinana marina dia midika ho fitiavana tanteraka, fankatoavana tanteraka, fanarahana tanteraka ny sitrapon'Andriamanitra."[78] Ho voaresaka amin'ny antsipiriany kokoa ao amin'ny toko 4 mitondra ny lohateny hoe "Fankatoavana amin'ny alalan'I Jesosy", ny mahazava-dehibe ny fitoeran'I Kristy ao anaty mba hisian'ny fiainam-pankatoavana am-pifaliana. Natao ho famonjena ho antsika Kristy, izany hoe famelan-keloka amin'ny fahamelohana rehetra, fahafahana amin'ny fatoran'ny ota, fiainana mandrakizay ao amin'ny voninahitr'Andriamanitra. Efa naloan'I Jesosy tamin'ny sorona nataony ny onitra.

Tamin'ny fotoan'ny fivarotana andevo tany Afrika dia nilanja fehim-bozona vy ireo olona nigadra ary nifamatotra tamina rojo vy tamin'ireo gadra hafa. Indraindray dia misy mandoa ny onitra ho an'ny iray amin'ireo olona mampalahelo ireo. Vao voaloa ny onitra

---

[77] Dennis Smith, *40 Days: Prayers and Devotions to Revive Your Experience With God,* book 2, p. 18.
[78] Ellen G. White, *The Acts of the Apostles,* p. 565.

dia afahana amin'ilay fehim-bozona vy eny aminy ilay gadra. Nandoa ny onitra ho antsika Jesosy – nanefa ny sarany ho antsika Izy.

Hivelatra tsikelikely ao anatintsika ny toe-tsain'I Jesosy. Afaka takiantsika ny *Filipiana 2:5* rehefa mivavaka isika: *"Aoka ho ao aminareo izao saina izao, izay tao amin'i Kristy Jesosy koa."* Rehefa avelantsika ho ao anatintsika Kristy, dia hasehony avy ao anatintsika ny fomba fisainany sy ny fomba fiasany. Ho lasa tiantsika izay tiany. Ho lasa hialantsika lavitra izay zavatra tsy iriny.

## MANAO ASA TSARA AMIN'NY ALALAKO JESOSY

Hoy ny Tenin'Andriamanitra ao amin'ny *Efesiana 2:10 "Fa asany isika, voaforona tao amin'i Kristy Jesosy mba hanao asa tsara, izay namboarin'Andriamanitra rahateo mba handehanantsika eo aminy."* Nanomana asa tsara ho anao sy ho ahy Andriamanitra – raha toa isika ka "ao amin'I Kristy" – mba ahafahantsika mahatanteraka ireny. Nanomana drafitra am-pahendrena tokoa ny Tompontsika, amin'ny fanatanterahana an'io andraikitra io. Amin'ny alalan'ny fiasantsika ho Azy sy ho an'ny hafa dia misy zavatra telo miseho:

1. Fanasitranana mitohy ny fitiavan-tenako satria aho miasa ho an'ny hafa.
2. Mandray fitahiana amin'ny alalako ny hafa.
3. Mandrotsaka fitahiana sesehena ho ahy ny Tompo.[79]

Amin'ny finoana no hitomboantsika ao anatin'izany; hivelatra ny fahafaha-manaontsika ara-tsaina sy ara-panahy, hitombo ny fifaliantsika sy ny herintsika, ary miasa ho an'ny fanjakan'Andriamanitra isika ao anatin'ilay dingana mitohy. Hanomana antsika ho amin'ny fanjakan'Andriamanitra izany anjara andraikitra izany.

---

[79] Book 3 in miniserie *Steps to Personal Revival* entitled *"Spirit-Filled Co-Workers of Jesus—How Can I Become That?"* (2019).

Misy fanontaniana lehibe iray hafa izay mipetraka: Miasa ho an'Andriamanitra amin'ny hery maha olombelona ahy ve aho sa afaka miasa amin'ny alalako ny Tompo miaraka amin'ny fahafaha-manao maha-Andriamanitra Azy?[80]

## MANOME FAHEFANA AHY HO VAVOLOMBELONY IZY

Koa satria Jesosy tonga mba "*hitady sy hamonjy ny very" (Lioka 19:10)*, dia hitarika ny olona ho amin'ny famonjena amin'ny alalako Izy. "Jesosy ao anatinao dia maniry hiteny amin' ny fon' ireo izay tsy mahalala Azy."[81] *"Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko ..." (Asa 1:8)* Hiverina amin'io lohahevitra io isika ao anatin'ny toko 5 "Finoana mahasarika amin'ny alalan'I Jesosy".

Mamporisika antsika Andriamanitra *"hivavaka ao amin'ny Fanahy Masina" (Joda 20)*. Rehefa mivelona ao anatintsika Kristy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, dia afaka mivavaka ao amin'ny Fanahy Masina isika, no sady mivavaka amin'ny anaran'I Jesosy. Manome toky antsika Jesosy: *"Ary na inona na inona no hangatahinareo amin'ny anarako, dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin'ny Zanaka." (Jaona 14:13)* Ambara mazava amintsika fa: "Tsy tokony hivavaka amin'ny anaran'I Kristy fotsiny isika fa eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina ihany koa."[82]

Inona no hevitry ny hoe mivavaka amin'ny anaran'I Jesosy? "Nefa ny hoe mivavaka amin' i Jesosy dia mihoatra noho ny manonona fotsiny ny anarany amin' ny fiandohana sy ny fiafaran' ny fivavahana. **Ny tena mivavaka amin' ny anaran' i Jesosy dia izay**

[80] For more particulars, see: *www.steps-to-personal-revival.info* under "Development."
[81] Ellen G. White, *Ny Dia ho eo amin'I Kristy,* p. 105.
[82] Ellen G. White, *Christ's Object Lessons,* p. 147.

**mivavaka araka ny toe-tsaina sy toe-panahin' i Jesosy, ka mino ny teniny sy matoky ny fahasoavany ary manao ny asany**."[83]

Misy lafiny efatra raha izany, ao amin'ilay hoe mivavaka amin'ny anaran'I Kristy:

1. Ny mivavaka amin'ny toe-panahin'I Jesosy dia midika hoe fenoin'ny Fanahy Masina.
2. Mino ireo teny fikasany, mitaky ireo teny fikasany rehefa mivavaka isika.
3. Miantehitra amin'ny Fahasoavany, am-pinoana, ao anatin'ilay fifandraisana mifamaly sy misy fitokisana mahagaga amin'Andriamanitra.
4. Manao ny Asany, mankato amin'ny zavatra rehetra amin'ny alalan'ny Fanahiny.

Rehefa mitoetra ao amin'I Kristy isika dia feno ireo fepetra takiana mialoha ireo, noho ny Fahasoavany. Noho izany, ny mivavaka amin'ny anaran'I Jesosy dia midika ho mivavaka ao amin'ny Heriny.

Nampanantena Izy fa hamaly ny vavaka ataontsika. Mampiseho izany fa manana fitokisana goavana amin'ireo izay mitoetra ao Aminy Jesosy. Afaka manararaotra ireo teny fikasana rehetra isika, ao amin'I Kristy izay ao anatintsika.[84] *"Fa na firy na firy ny teny fikasan'Andriamanitra, dia ao aminy ny eny, ary amin'ny alalany koa ny Amena ..." (2 Korintiana 1:20) "Efa nomen'ny herin'Andriamanitra ho antsika ny zavatra rehetra momba ny fiainana sy ny toe-panahy araka an'Andriamanitra amin'ny fahalalana Ilay niantso antsika tamin'ny voninahiny sy ny fahatsarany; ary izany no nahatanterahany amintsika* ***ireo teny fikasana sady soa no lehibe indrindra, mba ho tonga mpiray amin'ny fomban'Andriamanitra***

[83] Ellen G. White, *Ny Dia ho eo amin'I Kristy,* p. 91.

[84] Resahina amin'ny antsipiriany ao amin'ny Boky *Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana,* - H. Haubeil, Toko 5: Ny Fanalahidin'ny Fanandramana azo Ampiharina – ny momba ny fitakiana am-bavaka ireo teny fikasana.

***amin'izany ianareo …"*** *(2 Petera 1:3,4)* Mariho ilay fomba fiasa mahagaga ataon'Andriamanitra: Efa nomeny antsika izay ilaintsika mba hananantsika fiainana araka ny toe-panahy araka an'Andriamanitra. Raisintsika ireo fanomezana ireo amin'ny alalan'ny fifandraisana ety amin'I Kristy. Arotsaka amintsika ao anatin'io fifandraisana io ireo zavatra ireo, amin'ny alalan'ny fitakiana ireo teny fikasana am-bavaka, izany hoe, amin'ny alalan'ny vavaka am-pinoana mba hahatonga antsika ho mpiombona amin'ny fomban'Andriamanitra.

## FANAFAHANA AMIN'NY HERIN'NY OTA

*"Ary amin'izany dia tsy misy fanamelohana ho an'izay ao amin'i Kristy Jesosy [izay tsy mandeha araka ny nofo fa araka ny Fanahy]. Fa ao amin'i Kristy Jesosy ny lalàn'ny Fanahin'aina no nahafaka ahy tamin'ny lalàn'ny fahotana sy ny fahafatesana."(Romana 8:1,2)*

Nahoana no tsy misy fanamelohana ho an'ireo izay ao amin'I Kristy Jesosy? Voalohany, satria efa noraisin'I Kristy ho an'ny Tenany ny fahamelohako noho ny ota. Faharoa, tapatapaka ny fatoran'ny ota amintsika; nohafahana tamin'ny lalàn'ny ota isika. Midika izany fa tsy voatery hanota intsony isika kanefa mbola afaka manota ihany koa. Milaza ny Galatiana 5:16 fa misy zava-dehibe mitranga momba ny fanafahana amin'ny herin'ny ota: *"Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan'ny nofo ianareo."*

Manazava ireo andininy manaraka ao amin'ny Galatiana 5, andininy faha 17 sy 18, fa misy hifandraisany amin'ny fiainana miaraka amin'ny Fanahy Masina izany. Ny andininy 19-21 dia manao lisitr'ireo asan'ny nofo, izay tsy voatery hataontsika intsony rehefa miaina araka ny Fanahy Masina isika. Miaro antsika amin'ny ota sy ny asan'ireo anjely lavo I Kristy ao anatintsika, araka ny fanambaran'ny 1 Jaona 5:18 *"Fantatsika fa izay rehetra naterak'Andriamanitra dia tsy manota satria arovan'ilay*

*Zanak'Andriamanitra izy ka tsy voakasik'ilay Ratsy."(DIEM)* Mameno ny fontsika amin'ny Fanahy Masina Kristy mba tsy hisian'ny irika ho an'ilay ratsy intsony. Tsy maintsy tadidintsika anefa eo amin'io teboka io fa *"mihavao isan'andro kosa ny maha olona ao anaty" (2 Korintiana 4:16).*

## MAMPORISIKA ANTSIKA TSY HANOTA I KRISTY AO ANATINTSIKA

Ao amin'ny 1 Jaona 3:6-9 no hamakiantsika izao teny matotra izao momba ny ota: *"6 Izay rehetra mitoetra ao aminy dia tsy manota; izay rehetra manota dia tsy nahita na nahalala Azy. 7 Anaka, aza avela hisy hamitaka anareo: izay manao ny marina no marina; eny, marina tahaka Azy. 8 Izay manota dia avy amin'ny devoly, satria ny devoly manota hatramin'ny voalohany. Izao no nisehoan'ny Zanak'Andriamanitra, dia ny handrava ny asan'ny devoly. 9 Izay rehetra naterak'Andriamanitra no tsy manota, satria ny voany mitoetra ao anatiny, ary tsy mahay manota izy, satria naterak'Andriamanitra."*

Ireo mpahay teny Grika tranainy dia milaza amintsika fa ireo teny momba ny ota ireo dia miresaka ny amin'ny fanaovana ota mahazatra. Toy izao no voalazan'ny lahatsoratra nahazoana ilay andininy amin'ny teny Grika, "tsy manohy manota foana izy, i.e. tsy zatra manota (kanefa mety ho lavo amin'ny ota ihany izy indraindray). Amin'ny maha zanak'Andriamanitra antsika dia manao ny marina isika ary mitandrina ny didin'Andriamanitra."[85] Midika izany fa noho ny amin'I Kristy ao anatintsika sy miaraka amintsika dia afaka miala amin'ireo fahazarana feno ota isika. Hanampy antsika hahazo fandresena amin'ireo ota mpamely antsika, ny fiainantsika ilay hoe "Kristy ao anatintsika".

[85] Werner E. Lange, Hrgb., *Unser größtes Bedürfnis* (Lüneburg: 2011), S. 31.

## HIVERINA HO "ARAKA NY NOFO" INDRAY VE ISIKA REHEFA MANOTA?

Aoka ho ao an-tsaintsika fa tsy mbola tonga eo amin'ny toeran'ny tsy mpanota intsony isika amin'ny alalan'io fiovana mahagaga io. Mety mbola ho lavo amin'ny ota isika amin'ireo fahalemena, ny fahamaimaikana, ny fahadalana. Mila "manao fifohana rivotra ara-panahy" isika raha mitranga ny toe-javatra toy izany. Midika izany fa mila miaiky ny otantsika, mandray ny famelan-keloka, ary mangataka indray mba hofenoin'ny Fanahy Masina isika. Arakaraky ny hanaovantsika izany "fifohana rivotra ara-panahy" izany no hitoerantsika ho Kristiana ara-panahy ary tsy hiverenantsika ho ara-nofo intsony. Tsy manapaka tanteraka ny fifandraisantsika ara-panahy amin'Andriamanitra ny ota; korontana izay mila atrehantsika kosa anefa izany.

Hiverina ho araka ny nofo indray isika rehefa avelantsika hamaka ny tsy finoana ka hialantsika ilay "fifohana rivotra ara-panahy". Mitoetra ao anatintsika ny toetra maha-mpanota mandrapiavin'I Kristy indray. Tsy nisy tamin'ny apostoly izay nilaza fa efa tsy mpanota intsony izy. Mitondra fiovana manan-danja eo amin'ny fifandraisantsika amin'ny ota anefa ilay hoe "Kristy ao anatintsika".

## NY VOKATRA AZO AMPIHARINA

Hoy ny nosoratan'ny Apostoly Jaona: *"Anaka, izany zavatra izany no soratako ny aminareo mba tsy hanotanareo. Ary raha misy manota, dia manana Solovava* ao amin'ny Ray isika, dia Jesosy Kristy, Ilay Marina." (1 Jaona 2:1)* Maniry ny hananantsika fiainana tsy misy ota ao amin'I Kristy Andriamanitra, kanefa raha manota isika dia afaka mangataka famelan-keloka amin'ilay Solovavantsika, ary mandray izany. Hoy Ellen White, "azo toherina sy resena amin'ny herin'ilay Persona fahatelo ao amin'ny Andriamanitra Telo izay Iray

irery ihany ny ota, izay ho avy amin-kery tsy miovaova, amin'ny fahafenoan'ny hery avy any ambony."[86]

Amin'ny alalan'I Kristy mivelona ao anatintsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina no hanapatapahana ny herin'ny ota amintsika, ka hampihenany ny habetsahan'ny fotoana hanotantsika.

## FAHASALAMANA

Hahatonga antsika hikarakara ny fahasalamantsika ilay "Kristy ao anatintsika": *"Ry malala, mangataka aho mba hambinina sy ho salama amin'ny zavatra rehetra anie ianao, tahaka izay anambinana ny fanahinao ihany." (3 Jaona 2) "Ary Andriamanitry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka, ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin'ny fihavian'i Jesosy Kristy Tompontsika. Mahatoky Izay miantso anareo, sady Izy ihany no hanefa izany." (1 Tesaloniana 5:23,24)*

Tamin'ny fampianarana nataony I Dr Sang Lee dia nanantitrantitra fa lasa miasa tsara ireo tarazo ("gêne") ao anatintsika, amin'ny alalan'ny fifandraisam-pitokisana amin'I Kristy, ka mamokatra tsiry mpanentana mitondra fahasalamana.

Ny fifandraisan'ny finoana sy ny fahasalamana, izany no hafatra izay ilain'izao tontolo izao maika. Ny mpianatr'I Jesosy - izay manokan-tena isan'andro amin'ny mahaizy azy manontolo sy izay hananany rehetra, izay mangataka sy mandray ny Fanahy Masina isan'andro, izay mivelona araka ny torolalana momba ny fanavaozana ara-pahasalamana – izy ireo ihany no afaka hitondra io hafatra io. Ny fikarohana natao tamin'ny olona miisa 35.000 nandritra ny telopolo taona teo ambany fitarihan'ny Profesora Grossarth-Maticek dia naneho fa ny singa matanjaka indrindra ilaina mba hananana

[86] Ellen G. White, *Ye Shall Receive Power,* January 5; p. 13.

fahasalamana dia ny fifandraisana am-pitiavana sy vokatry ny fo hiarahana amin'Andriamanitra. Lasa matanjaka be lavitra ireo singan'ny fanavaozana ara-pahasalamana toy ny sakafo mahasalama, ny fampiasam-batana, ny fahatsapana ho fahasambarana, rehefa misy io fifandraisana io.[87] Maneho mazava ny hevitr'ity andininy manaraka ity izany: *"Fa mahasoa kely ihany ny fampiasana ny tena; fa ny toe-panahy araka an'Andriamanitra no mahasoa amin'ny zavatra rehetra ka manana ny teny fikasana ny amin'ny fiainana ankehitriny sy ny ho avy koa." (1 Timoty 4:8)* Ao amin'ny boky fahatelo amin'ilay andiany 40 Andro mitondra ny lohateny hoe, *"40 Andro: Filamatra ara-pahasalamana avy amin'Andriamanitra ho an'ny Vahoakany amin'ny Andro Farany",* dia miresaka amin'ny fomba hafa noho ny mahazatra antsika momba ny fahasalamana I Dennis Smith. Zarainy ao ny fomba hamporisihan'ny hery avy amin'ny Fanahy Masina antsika sy ny fiasany manova fomba fiaina. Manan-danja toy izany ihany koa ny fahasalamana ara-pihetseham-po.

Toy izao no fitantaran'I Smith: "Ireo fibanjinana mandritra ny 40 andro ireo dia haneho amintsika ny fomba ahafahantsika miara-miasa amin'Andriamanitra mba handraisantsika fanavaozana feno ara-batana, ara-pihetseham-po, ary ara-panahy, izay iriny handramantsika."[88]

Hoy ny mpandraharaha iray: "Nandray ny hafatra momba ny fahasalamana aho nandritra ny fandraisako isan'andro ny Fanahy Masina. Tsy nisy na dia seminera momba ny fahasalamana anankiray aza izay mba nisy vokany tamiko talohan'io. Tia nihinan-kena aho ary tsy dia niraharaha loatra ny zavatra nohaniko; nisotro kafe sy dite mahery vaika ihany koa aho. Tsy nihevitra izany ho olana aho. Nisotro labiera tsindraindray ihany koa aho. Nanomboka tamin'ny taona 2009

[87] According *Medical Wellness mit Newstart—Plus,* by Drs. Heide (Leipzig:, 2014), pp. 333, 334.
[88] Dennis Smith, *40 Days: God's Health Principles for His Last-Day People,* book 3 (Hagerstown, MD: Review and Herald Publishing Association, 2012), Day 1.

aho no nanomboka nivavaka isan'andro mba ho fenon'ny Fanahy Masina. Nandresy lahatra ahy Izy mba hifady hena, kafe, dite mahery vaika, ary labiera. Lasa tsy nihinan-kena aho. Tonga teo amin'ny fahatsapana aho hoe ny fiainana miaraka amin'ny Fanahy Masina no fototry ny fandresena amin'ny zavatra rehetra, ao anatin'izany ny fahononam-po sy ny fomba fiaina."[89]

Nisy anabavy iray nanoratra ary nanisy lohateny toy izao "Nanova ny fiainako ny fileferana tanteraka" (ireo resaka fahasalamana ihany no zaraintsika eto): "Manasa isan'andro ny Fanahy Masina aho, mba hivelomany sy hiasany ato am-poko. … Tsy ilay mihinana tsy mitsahatra toy ny taloha intsony aho izao. Tsy azo noheverina izany raha tamin'ny herin'ny tenako fotsiny. Afaka miatrika ireo zava-takian'ny tontolo andro am-piadanana tokoa aho ary tsy mamadika ny kiboko ho toy ny daba intsony ny rarin-tsaina. Nomen'Andriamanitra hery ihany koa aho hijanona tsy hisotro kafe intsony. Tsy azo noeritreretina izany teo aloha, satria vao miala amin'ny fisotroana kafe aho dia marary an-doha be mandritra ny dimy andro. Famantarana mahery vaika vokatry ny fialàna ireny. Tamin'ity indray mitoraka ity dia tsy nieritreritra ny amin'ireo vokany akory aho. Fantatro fotsiny fa tsy te hanao izany intsony aho. Tsy manana faniriana hanao izany intsony aho ankehitriny. Toy izany ihany koa ny fanandramako momba ny hena. Tsy mba naniry izany hijanona tsy hihinan-kena mihitsy izany izaho sy ny ankohonako. Mora amiko izany ankehitriny – tsy maniry hihinana izany intsony aho ankehitriny."[90] Hoy ny nosoratan'ny iray amin'ireo manam-pahaizana kalazalahy momba ny fahasalamana: "Tsy fanabeazana momba ny fahasalamana fotsiny no zavatra tena ilaina amin'izao androntsika izao – efa manana zava-pantatra maro isika. Ny tena ilaina dia ny

[89] E-mails from a businessman on March 3 and March 21, 2013, shortened and adapted.
[90] The complete testimony can be read in German at *www.missionsbrief.de* – Archiv – Missionsbrief Nr. 42, S. 17, Völlige HIngabe veränderte mein Leben.

fampahafantarana momba ny fahasalamana mifandray amin'ny hery hampiharana izany. Ny hery hiovana, izany no tena zava-dehibe."[91]

Manome hery hiovana ho antsika ny filazantsara, noho I Kristy ao anatintsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina.

## FIOVANA LEHIBE TEO AMIN'NY FIAINAN'I HUDSON TAYLOR

Naharay taratasy avy amin'ilay misionera namany antsoina hoe McCarthy I Hudson Taylor fony izy niandraikitra ny "China-Inland Mission". Nampiasain'Andriamanitra io taratasy io hanokafana ny masony ny amin'ilay fahamarinana mahagaga momba ny fitoerantsika ao amin'I Kristy sy ny Fitoerany ao anatintsika. Naneho ny fahamarinana ny amin'ny firaisana eo amin'ny mpino sy I Kristy io taratasy io. Nanomboka tamin'io andro io dia lasa lalan'ny fiadanana, fitsaharana, ary fandresena ny lalan'ny fiarahan'I Taylor tamin'Andriamanitra. Nahamarika an'io fiovana mampitolagaga io ireo misionera namany. Noresahin'izy ireo ny nandehanan'I Taylor tamin'ny lalam-baovao sy ny maha olom-baovao miaina ao anatina tontolo vaovao azy, sy ny nijoroany vavolombelona ny amin'ny nataon'ny Tompo ho azy.

Nanoratra taratasy tamin'ny anabaviny tany Angletera I Taylor. Niezaka izy nanazava ny fahamarinana mahagaga hitany sy ny fanandramana mahafinaritra nananany niaraka tamin'ilay Andriamaniny. Hoy ny nosoratany: "Mbola tsy ary nidadasika sy feno andraikitra ary sarotra toy ny amin'izao fotoana izao ny asako hatramin'izay, nanjavona tanteraka anefa ireo tery sy tsindry. Ny volana lasa teo no volana izay nahasambatra ahy indrindra teo amin'ny fiainako. Maniry fatratra aho hilaza aminao na dia kely monja aza ny amin'ny nataon'ny Tompo ho ahy. Tsy fantatro na ho afaka ny

[91] Don Macintosh, Director Newstart Global, Weimar, USA, in *D'Sozo*, (Remnant USA), Foreword.

hanazava izany aho, satria tsy hoe misy zava-baovao na zavatra hafahafa na zava-mahagaga loatra kanefa dia toy ny vaovao ny zavatra rehetra! Raha fintinina: 'Jamba aho taloha fa mahiratra aho izao!' Tamin'ny fotoana izay naha goavana indrindra ny enta-mavesatro no nampiasan'Andriamanitra fehezan-teny iray tao amin'ny taratasy nalefan'I McCarthy izay nampihintsana ireo kirana teo amin'ny masoko. Nasehon'ny Fanahin'Andriamanitra ahy toy ny mbola tsy fantatro mihitsy tamin'ny lasa, ny fahamarinana momba ny mahiray antsika amin'I Jesosy."

Nanohy ny taratasiny I Taylor tamin'ny fanoritsoritana ny nanokafan'ny Tompo ny fahatakarany ireo tenin'I Kristy – ilay hoe Izy no Voaloboka ary ireo mpino no sampany. Hoy ny nosoratany: "Fifaliana manao ahoana anie ny fahitana an'io fahamarinana io!" Avy eo dia notohizany hoe: "Ny ampahany mamy indrindra – raha toa ka misy ampahany mamy kokoa noho ny hafa, dia ilay fiizina [fifanarahana sy fileferana] izay entin'I Kristy. Tsy manahy na amin'inona na inona intsony aho satria tsapako izany; satria fantatro fa afaka mahatanteraka ny Sitrapony Izy, ary ny Sitrapony dia sitrapoko. Tsy olana na aiza na amin'ny fomba ahoana no hanirahany ahy. Izy no hiankinan'izany kokoa noho izaho. Amin'ny toerana mora indrindra dia hanome ahy ny Fahasoavany Izy, ary amin'ny toerana sarotra indrindra dia ampy ho ahy ny Fahasoavany."

Toy izao manaraka izao ny lazain'I Dennis Smith momba ny fanandraman'I Taylor: "Nahita ny tsiambaratelon'ny fandresena teo amin'ny lalana hiarahany amin'Andriamanitra I Hudson Taylor. Hitany ny fomba ahazoany fiadanana lehibe isaky ny toe-javatra miseho eo amin'ny fanompoany an'I Kristy. Manome fandresena sy fiadanana toy izany ho an'ny zanany rehetra Andriamanitra. Maniry fatratra fandresena sy fiadanana toy izany ve ianao? Ny faniriako dia

ny ahitan'ny tsirairay an'io fandresena sy fiadanana io ao amin'I Kristy – fifaliana izay toa tsy azo notratrarina teo aloha."[92]

Manao izao antso izao aho ary mirary ho an'ny tsirairay izay hitoeran'I Kristy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina mba hanana fiainana miavosa sy mamokatra ho an'I Kristy, fiainana miavaka vokatry ny herin'ny Fanahy Masina manao fahagagana. "… *Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy." (Jaona 15:5)*

Hoy Jesosy momba ny Tenany: *"... fa ny Ray mitoetra ato amiko no manao ny asa." (Jaona 14:10)* Maniry mafy Jesosy mba ahafahako sy ahafahanao milaza hoe, Jesosy Kristy, izay velona ato anatiko, no manao ny asa. "Kristy ao am-po, Kristy eo amin'ny fiainana, no fiarovana ho antsika."[93]

**Vavaka:** *"Tompo Jesosy, gaga aho amin'ilay hoe irinao ny hiditra eo amin'ny fiainako. Fenoinao ny Fanahy Masina aho rehefa manolotra ny fiainako ho anao. Iriko ny hidera anao sy hisaotra anao ny amin'ny hoe noho ny fahasoavan'Andriamanitra dia natao ho fahendrena, fahamarinana, fanamasinana, ary fanavotana ho ahy Hianao (1 Korintiana 1:30). Mba omeo fitomboana am-pifaliana sy hita maso aho amin'ny alalan'ny fisakaizana Aminao amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Amen."*

[92] Dennis Smith, *Spirit Baptism and Abiding in Christ,* p. 10, 11. Recommended further reading: Dennis Smith, *40 Days: Prayers and Devotions to Prepare for the Second Coming,* book 1 (Hagerstown, MD: Review and Herald Publishing Association, 2009), especially Day 4: "Christ in You," p. 18, as well as the fourth part of the book, *Spirit Baptism and Abiding in Christ,* pp. 81–102.
[93] Ellen G. White, *The Ministry of Healing,* p. 511.

**Miandry antsika mba haniry fatratra ny Fanahy Masina Andriamanitra**

"Miandry ny fitakiana sy ny fandraisan'izy ireo ny herin'Andriamanitra. Mitondra ireo fitahiana hafa rehetra miaraka aminy io fitahiana nampanantenaina io, rehefa takiana am-pinoana. Omena araka ny haren'ny fahasoavana izy io." DA 672.1 #13

**Ireo Mpivady sy ny Fanahy Masina**

**Fifanakaikezana lehibe kokoa amin'ny maha-mpivady**

Voatahy tokoa izaho sy ny vadiko raha namaky ny boky *Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana*. Miara-mamaky izany efa ho fanintelony izao izahay! Toa mitantara ny fanandramam-piainanay izany ary manoro vahaolana amin'ireo toe-java-tsarotra eo amin'ny fiainana. Nitarika anay hifanakaiky sy ho tafaray kokoa mihoatra noho ny tamin'ny lasa rehetra ny fiarahana mamaky sy mivavaka! Mahafinaritra be ilay hoe ekipa iray izahay! Fahafinaretana tokoa ilay hoe miasa, mivavaka, manabe ary manompo ny hafa! Aiza no ahafahanay mividy betsaka amin'ireo boky ireo? A.C. Nafohezina, #119

**Fanandramana Mahafinaritra**

Nanome fanandramana mahafinaritra anay ilay boky 40 andro. Ny fifohazana ho an'ny tena manokana no niseho voalohany. Niha-niara-nitombo teo amin'ny ara-panahy sy niha-nifandray ety kokoa izahay amin'ny maha-mpivady anay, tamin'ny alalan'ny fiarahana mianatra sy ny fifanakalozana rehefa maraina. Nanao fanandramana ny fitarihan'ny tanan'Andriamanitra isan'andro izahay – eny fa na dia tamin'ireo "toe-javatr'izao tontolo izao" aza – rehefa avy niaraka nivavaka. Tsy hay soritana ny hery noraisinay niatrehana ny andro tsiairay. C.a.K.R. (Nafohezina), #3

**Niady mafy aho tao amin'ny fiainam-panambadiako**

Midera an'Andriamanitra aho tamin'ny nanokafany ny masom-panahiko hatrizay namakiako ny boky *Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana.* Tsy Kristiana toy ny teo aloha intsony aho. Nihevitra aho fa Kristiana manam-panandramana amin'ny maha-Advantista ahy, kanefa nahatsapa aho fa nisy banga tao anaty lalina tao. Niady mafy aho teo amin'ny fiainam-panambadiako mba hananako fifandraisana tsara amin'ny vadiko izay mambran'ny fiangonana ihany koa. Miara-mivavaka izahay ankehitriny ary mifampahery mba ho tonga am-piangonana foana. #120

**Manampy ny mpivady ihany koa ity Boky ity**

Nankany amin'ny fivarotam-boky Advantista aho ary nisy nanolotra ahy ilay boky *Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana.* Tsy naniry hahazo izany aho. Nanery ahy ilay mpivarotra ary nilaza hoe, “Manampy ny mpivady ihany koa ity boky ity. Nisaraka tamin'ny vadiny ny zanaky ny mpiray tampo amiko. Nampifamerina azy ireo anefa ity boky ity. Miaraka mivavaka sy miaraka mandeha am-piangonana izy ireo ankehitriny.” Koa dia novidiako ilay boky ary manandrana izany toy ny harena sarobidy aho #120 a

## FISAINTSAINANA MANOKANA SY TARI-DALANA HIFANAKALOZAN-KEVITRA

*1. Inona avy ireo vokatra samy hafa azo avy amin'ny firaisana amin'I Kristy?*

*2. Midika inona ilay hoe mivavaka araka ny toe-panahin'I Jesosy?*

*3. Inona no tanterahin'I Kristy ao anatintsika, mahakasika ny ota?*

*4. Mahatratra ny toeran'ny tsy manota intsony ve isika amin'ny alalan'I Kristy?*

*5. Inona no hifandraisan'ny finoana sy ny fahasalamana?*

## FOTOAM-BAVAKA ATAONTSIKA

*Antsoy ilay namana mpiara-mitolona am-bavaka aminao ary mifanakaloza hevitra momba ny lohahevitra.*
*Miaraha mivavaka aminy:*
*1. Mba hisy vokany hita maso mazava tsara eo amin'ny fiainana andavanandro ilay "Kristy ao anatintsika".*
*2. Mba ho takatra sy hay ny mivavaka araka ny toe-panahin'I Jesosy.*
*3. Ho amin'ny fanandramana manafaka amin'ireo fahazarana feno ota.*
*4. Mba hiarovany antsika amin'ny avonavona ara-panahy sy ny tsy fahononam-tena.*

# TOKO 4: FANKATOAVANA AMIN'NY ALALAN'I JESOSY

Ahoana no ahafahako miaina ao anatin'ny fankatoavana am-pifaliana? Nahoana no lazaina ho fifaliana izany?
Nahoana no mahasoa ahy ny fankatoavana?

Ahoana no fiasan'ilay hoe "Jesosy ao anatiko"?

Moa ve fiaraha-miasa eo amin'Andriamanitra sy ny olona ilay fankatoavana am-pinoana?

Inona no anjaran'Andriamanitra?

Inona no anjaran'ny olona?

## NY BAIBOLY SY NY FANDAHARAM-POTOAN'NY FIARAN-DALAMBY

Nandritra ny kaoferansa iray tany Frankfurt am Main, Alemana, dia nanontany an'ilay misionera efa zokiolona tany Sina antsoina hoe Hudson Taylor ireo mpianatra teolojia, "Ahoana no ahafahanao mino ny teny rehetra ao amin'ny Baiboly?"

Hoy ny valiteniny, "Raha hanao dia lavitra hianareo rahampitso, dia hanokatra ny fandaharam-potoan'ny fiaran-dalamby sy hijery ny ora fiaingana. Raha toa ka hitanao fa amin'ny 7 ora maraina no miainga ny fiaran-dalamby, dia tsy hametraka

fanontaniana hafa intsony ianao fa kosa handeha any amin'ny fiantsonana ny ampitso ary ho hitanao eo ny fiaran-dalamby vonona hiainga. Toy ny hampiasanao ny fandaharam-potoan'ny fiaran-dalamby no nataoko tamin'ny Baiboly sy ny didiny sy ireo teny fikasana ao anatiny nandritra ny 50 taona izay. Nandritra ny fiainako lavabe sy teo anivon'ireo loza mahafaty an-jatony no nahitako fa marina mandrakariva ireo torolalana ao anatiny. Ohatra, hoy ny Baiboly: *"Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany rehetra izany." (Matio 6:33)* Nanaraka ireo torolalana ireo aho ary tsy mbola diso fanantenana mihitsy na tao anatina toe-java-manahirana aza. Hahazo fanandramana toy izany koa hianareo raha manao toy izany."[94]

Hanome antsika fifaliana be ny fisaintsainana momba ny fankatoavana amin'ny alalan'I Kristy. Andeha isika hanao izany ankehitriny. Manana anarana manokana io fankatoavana io: fankatoavana am-pinoana.

## HANATANTERAKA INONA NO HIANTSOAN'ANDRIAMANITRA NY PASITORA?

Nahita torolalana tena manan-danja tokoa ho ahy aho tao amin'ny Romana 1:5, amin'ny maha mpanompon'ny Filazantsara ahy: *"Izay nandraisanay fahasoavana sy ny maha Apostoly anay hahatonga fanekena ny finoana ho voninahitry ny anarany any amin'ny jentilisa rehetra."*

Midika izany fa miantso olona hanompo Azy Andriamanitra, mba hitarihan'ireo ny hafa ho eo amin'ny *fanekena ny finoana* ( na fankatoavana am-pinoana). Mila azoko tsara izany mba ahatonga ahy ho ohatra tsara, noho ny fanampian'Andriamanitra. Rehefa manao

[94] Report by Prof. Dr. Karl Heim in a devotional, which I currently do not have on hand.

izany aho dia miasa amin’ny Anarany, izany hoe amin’ny fahefan’I Jesosy Kristy.

## AHOANA NO MAHATONGA NY FANEKENA NY FINOANA?

Manome hevitra iray hafa ihany koa ireo teny famaranana ny Epistily ho an’ny Romana, dia ny fomba irin’Andriamanitra hahatanteraka an’io fanekena ny finoana io. *“25 Ary ho an'izay mahay mampahery anareo araka ny filazantsarako sy ny fitoriana an'i Jesosy Kristy, araka ny fampisehoana ny zava-niafina, izay voàfina hatry ny fony fahagola, 26 fa efa naseho ankehitriny tamin'izay soratry ny mpaminany, araka ny didin'Andriamanitra mandrakizay, ka nampahafantarina any amin'ny firenena rehetra hahatonga* ***fanekena ny finoana****, 27 ho an'Andriamanitra tokana ihany sady hendry anie ny voninahitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy mandrakizay mandrakizay. Amena.” (Romana 16:25-27)*

**Manazava io andininy io fa naseho ho amina tanjona voafaritra iray ny zava-miafina iray – dia hahatonga fanekena ny finoana**, na dia tsy nohazavain’izy ireo aza hoe inona ilay zava-miafina. Ao amin’ ny Kolosiana 1:27 no ahitantsika ilay fanazavana: “*izay efa tian'Andriamanitra ho nampahafantarina ny haren'ny voninahitr'ity zava-niafina ity any amin'ny jentilisa, dia Kristy ao anatinareo, Izay fanantenana ny voninahitra.”*

**Ilay zava-miafina dia tsy inona fa, Kristy ao anatintsika.** Ary inona no vokatr’ilay fanekena ny finoana (na fankatoavana ampinoana) izay tanteraka ao amin’I Kristy? *“Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo.” (2 Korintiana 5:17)* Fiainana vaovao no hiainantsika amin’ilay Kristy ao anatintsika. Toy izao manaraka izao no fanoritsoritan’ny andininy hafa an’io fiainana vaovao io: *“... mba hamenoana anareo ho amin'ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra.” (Efesiana 3:19)*

## HANAO AHOANA NY FAHITANTSIKA NY FIAINANA AO AMIN'ILAY FANKATOAVANA AM-PINOANA?

Miova ny fihetsintsika manoloana ireo Didiny. *"... sady tsy mavesatra ny didiny." (1 Jaona 5:3) "Fa mora ny ziogako"* hoy Jesosy *(Matio 11:30). "Ary hiravoravo amin'ny didinao aho ..."(Salamo 119:47)* satria *"Mihoatra noho ny volamena sy ny volafotsy tsy omby arivo" izy ireny (Andininy 72), "Endrey ny hamamin'ny teninao, ... Mihoatra noho ny tantely ato am-bavako aza!" (Andininy 103) ary "Faly aho noho ny teninao…" (Andininy 162).* Maha "*be fiadanana" (Andininy 165)* ahy izany. Zava-mahafinaritra izany fankatoavana am-pinoana izany.

## MILA FOTOTRA MAFY ORINA HO AN'NY FIAINANTSIKA ISIKA

Hoy ny nosoratan'ilay poeta Alemana iray antsoina hoe Matthias Claudius: "Mila vatofantsika mafy orina ny olombelona, zavatra izay tsy miantehitra aminy, fa kosa zavatra izay azony hianteherana."[95] Voan'ny fahasahiranana ara-pihetseham-po ankehitriny ny olona maro satria tsy manana fototra mafy orina izy ireo vokatry ny tsy fahampian'ny finoana. Irin'Andriamanitra ny hanome antsika fototra mafy orina miainga avy amin'ny Teniny, amin'ny alalan'ny fifandraisana ety Aminy.

Maneho amintsika io poeta Kristiana io fa mila fototra mafy orina sy fenitra azo hitokisana isika eo amin'ny fiainantsika. Aiza no ahitantsika izany fototra mafy orina izany? Efa hatramin'ny ela no nametrahan'Andriamanitra an'io fototra io. Jesosy Kristy no anarany. *"Fa tsy misy mahay manao fanorenana hafa afa-tsy izay natao, dia Jesosy Kristy." (1 Korintiana 3:11)* Jesosy irery ihany no Ilay afaka hanome an'io fototra mafy orina io eo amin'ny fiainantsika.

[95] *Matthias Claudius* (Edition Steinkopf, 1982), S. 10.

## AIZA NO METY AHAFAHANTSIKA MAHITA NY FENITRA TSARA INDRINDRA HO AN'NY FIAINANTSIKA?

Iza no mahafeno ny fepetra ka ho afaka hametraka ireo fenitra ireo? Iza no afaka hamaritra izay rariny sy hitsiny? Manome valiny mazava ny Baiboly ao amin'ny Salamo 99:4, "*Ianao no nampiorina ny hitsiny …" (Dikan-teny DIEM)* Toy izao no hanampian'ny Salamo 111:7, 8 izany: *"7 Ny asan'ny tànany dia fahamarinana sy fitsarana; Mahatoky avokoa ny didiny rehetra; 8 Mitoetra mafy mandrakizay doria ireny, Fa natao tamin'ny fahamarinana sy ny fahitsiana."*

Andriamanitra, ilay Mpahary, no namaritra ny rariny sy ny hitsiny. Tsy misy afa-tsy Andriamanitra no manana ny laharana afaka hametraka ny fenitra sy ny lalàna. Ilay Mpahary irery ihany, ilay Tompon'ny zavatra rehetra, no manana izany zo izany. Tsy misy hafa izay mety hanana fijery mazava; Andriamanitra irery ihany no mahafantatra ny zavatra rehetra sy manam-pahendrena manoloana ny zavatra rehetra.

Tena zava-dehibe tokoa ny toetr'ilay Anankiray izay mametraka ireo fenitra. Maneho amintsika ny Baiboly fa Andriamanitra dia Fitiavana; Izy no Loharanon'ny fitiavana sy ny fahamarinana, ny fifaliana ary ny rariny sy ny hitsiny. Noho ny Toeny mampitolagaga, ny Fahaizany tsy hita fetra ary ny fahafantarany ny zavatra rehetra, dia afaka nametraka lalàna amin'ny fomba tsara indrindra Andriamanitra, ho an'ny anjely, ireo mponin'ireo tontolo hafa, ho an'ny olombelona, ary ny biby. Nametraka ireo fepetra hahatsara indrindra ny fiainana ilay Mpahary be fitiavana.

Tsy ny lalàn'ny natiora ihany – ohatra: ny tsy fiovaovan'ny faribolana hizoran'ity planeta tany ity, ny elanelan'ny masoandro sy ny volana, sns – no nataony toy izany, fa nametraka lalàn'ny fahasambarana ho an'ny olombelona ihany koa Izy, eo amin'ny lafiny fitondran-tena sy etika (jereo Jeremia 7:23). Nametraka fitsipika

aman-dalàna mampitolagaga ho antsika ilay Raintsika any an-danitra izay tia antsika.

Zava-dehibe ny hihazonantsika an-tsaina izany fihevitra izany raha eo am-piresahana ny amin'ireo tranga hafahafa hiseho amin'ny andro farany isika – dia ny fisavorovoroana lehibe momba ny fankatoavana ny didin'Andriamanitra.

## FISAVOROVOROANA MOMBA NY FANKATOAVANA NY FILAMATRA AVY AMIN'ANDRIAMANITRA

Hoy I Paoly ao amin'ny *2 Korintiana 4:3, 4, "3 Fa raha miafina ny filazantsaranay, dia miafina amin'izay ho very izany, 4 izay nohajambain'ny andriamanitr'izao tontolo izao, dia ny sain'ny tsy mino, mba tsy hiposahan'ny fahazavan'ny filazantsaran'ny voninahitr'i Kristy, Izay endrik'Andriamanitra."*

Manajamba sy mahay maka endrika hafa i Satana. Mety misy heviny roa izany hoe saina nohajambaina izany: voalohany, tsy hita akory ireo zavatra sasany, mba tsy ahitana amin'ny tena endriny na hahavoafina ny zavatra sasany hafa. Faharoa, mety hidika koa izany fa "voan'ny ody" ny saina, ka heverina ho marina ireo zava-diso. Tsy tsapantsika akory ny hanereny amin-kafetsena ny saintsika hanaiky ireny hevitra ireny. Manakana antsika tsy hanana fijery araka ny tokony ho izy io famitahana sy fanajambana io.

Miseho amin'ireo tsy mpino izany, hoy ny andalan-teny. Manafintohina anefa ny mahita fa fa miseho amin'ny Kristiana araka ny nofo ihany koa ny toy izany. Milaza ho manaiky an'I Jesosy izy ireo kanefa tsy nahafoy tena tanteraka ho Azy. Izany no mahatonga ny "andriamanitr'izao tontolo izao" mbola afaka manajamba azy ireo.

Resy lahatra aho fa miezaka manajamba ny Kristiana araka ny fanahy ihany koa I Satana. Hoy Jesosy ao amin'ny Matio 24:24 *"... ary raha azo atao, na dia ny olom-boafidy aza dia hofitahiny."* Hoy

ny 1 Jaona 5:18 araka ny dikan-teny Alemana nataon'I Lotera (dikan-teny malalaka): "… ilay naterak'Andriamanitra no miaro azy ka tsy mahakasika azy ny ratsy." "Tsy vitan'ny hoe mambabo an'izao tontolo izao fotsiny i Satana, fa mamafy masirasira ihany koa ny famitahany, amin'ny fiangonana izay lazaina fa an'I Jesosy Kristy Tompo."[96] Manoritsoritra mazava an'io tranga hafa io I Jesosy, ao amin'ny Hafany ho an'ireo mponina tao Laodikia, ao amin'ny Apokalipsy 3:17.

Ao amin'ny lahateniny momba ny zava-hitranga amin'ny andro farany, inefatra I Jesosy no milaza famantarana iray manokana momba ny farany: ny famitahana. Efa tena matanjaka ny famitahana, mbola hitombo anefa izany. Tsy hahamarika izany izay efa nohajambaina. Tokony handinika ny tenany ny tsirairay avy amintsika. Tokony ho fantatsika fa ny Fanahy Masina irery ihany no afaka manokatra ny masontsika hahay hanavaka ny marina sy ny fitaka. Lafiny iray amin'ny famitahana lehibe dia ny momba ny fankatoavana ny sitrapon'Andriamanitra, ny momba ny Tenin'Andriamanitra, ary ny momba ny lalàn'Andriamanitra. Maro ireo izay tsy mahalala mazava ny amin'ny karazana fankatoavana izay tadiavin'Andriamanitra sy ny ahatonga antsika ho afaka mankato. Izany no atao hoe fanekena ny finoana na fankatoavana am-pinoana – izay karazana fankatoavana manokana.

## INONA NO ATAO HOE FANKATOAVANA AM-PINOANA?

Maro ireo fomba manoloana antsika izay ahafahana manoritsoritra an'io teny nambaran'I Paoly io. Tsy inona io fa fankatoavana izay manaraka an-tsakany sy an-davany ny drafi-pamonjena nataon'Andriamanitra. Tsy inona io fa fidirana amina fifandraisam-pitokisana amin'I Jesosy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Ny famonjena ahy amin'ny alalan'ny sorona nataon'I Kristy no vokatr'izany. Tafiditra ao anatin'ny fanoloran-tenako amin'I

[96] Ellen G. White, *Christ's Object Lessons,* p. 414.

Jesosy ny fitandremana ireo didy amin'ny herin'ny Fanahy Masina. Tsy fankatoavana amin'ny alalan'ny ezaka nataoko manokana izany.

Nijoro nanohitra ny lalàn'ny fankatoavana izay an'ny Fariseo I Paoly, izay nidika ho fahazoan'ny tena ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fankatoavana ireo didin'Andriamanitra indrindra. Ataony mazava tsara fa ilaina ny fankatoavana raha ho tonga mpianatra marina, kanefa hafa noho ny an'ny Fariseo izany fankatoavana izany. Miandoha amin'ny fandraisana am-pifaliana ny famonjena amin'ny alalan'I Jesosy Kristy izany. Miteraka asa fankatoavana eo amin'ny fiainako izany, amin'ny maha mpianatr'I Jesosy ahy.

Miorina amin'ny fitokisana izay avy ao am-po izany fankatoavana izany. Hoy I Dennis Smith: "Rehefa mivelona amin'ny fifandraisana ety amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Fanahy Masina ny olona iray, dia tonga ho azy sy mipoitra avy ao am-po ny fankatoavana, ary tsy mila eritreretina betsaka akory."[97] Fankatoavana izay tsy azo heverina izany raha tsy amin'ny alalan'ny fiaraha-miasan'Andriamanitra sy ny olombelona.

## EFA NAMPISEHO ILAY ZAVA-MIAFINA ANDRIAMANITRA

Toy izao no azo hamintinana ny Romana 16:25, 27: Naseho ilay zava-miafina araka ny baikon'ilay Andriamanitra mandrakizay, mba hanorenana ny fankatoavana am-pinoana (na fanekena ny finoana). Araka ny baikon'Andriamanitra, dia io zava-miafin'ny hoe "Kristy ao anatintsika" io no mahatanteraka ny fankatoavana am-pinoana. Noho izany, ny fankatoavana am-pinoana dia fankatoavana an-tsitrapo miorina amin'ny finoana, ny fitokisana, ary ny fitiavana. Miditra ao amina fifandraisam-pitokisana amin'Andriamanitra isika

[97] Dennis Smith, *40 Days: Prayers and Devotions to Prepare for the Second Coming,* book 1, pp. 21, 22.

ary miainga amin'io fitokisana io sy ny fahatakarana fa natao hahasoa antsika indrindra ny Lalàny, dia manapa-kevitra ny hankato isika.

"Ny finoana, ary ny finoana ihany, izay tsy hoe manafaka antsika amin'ny fankatoavana tsy akory, no mahatonga antsika ho mpiombona amin'ny fahasoavan'I Kristy, izay mahatonga antsika ho afaka haneho fankatoavana."[98]

## FA INONA NO VOTOATIN'IO ZAVA-MIAFINA IO?

Asehon'I Paoly amintsika ao amin'ny Kolosiana 1:25-27 fa *"izay nanaovana ahy [i Paoly] ho mpanompo araka ny fitondran'Andriamanitra ... hahatanteraka ny fitoriana ny tenin'Andriamanitra, dia **ny zava-miafina, ilay voàfina hatramin'ny fahagola ... fa voaseho ankehitriny** amin'ny olony masina."* Karazana zava-miafina manao ahoana re io e? *"Izay efa tian'Andriamanitra ho nampahafantarina **ny haren'ny voninahitr'ity zava-niafina ity ... dia Kristy ao anatinareo, Izay fanantenana ny voninahitra**."*

Io zava-miafina io, izay voafina ary aseho ankehitriny, dia Jesosy Tenany mihitsy izay maniry hivelona ao anatintsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Milaza ilay andalan-teny fa io no fanantenantsika ny voninahitra, ary midika izany fa afaka tanterahina sy azo antoka ilay fahafenoan'ny fiainana izay irin'Andriamanitra omena antsika ankehitriny sy ny fiainana mandrakizay amboninahitra. Maneho ny fitiavan-dehiben'Andriamanitra amin'ny fomba hafa tanteraka io fifandraisana ety io, izay irin'I Kristy ho antsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. "Kristy ao anatintsika" no ivon'io zava-miafina io; io no Filazantsara na Drafi-pamonjena amin'ny heviny malalaka indrindra.

---

[98] Ellen G. White, *Steps to Christ,* pp. 60, 61.

Milaza amintsika ny Romana 16:25,26 fa amin'ny alalan'io zava-miafina io no hanorenana sy hahatanterahana ny fankatoavana am-pinoana. Midika izany fa afaka ny hankato sy haniry ny hanao izany isika amin'ny alalan'I Kristy.

**AHOANA NO MAHA AO ANATINTSIKA AN'I KRISTY?**

Ahoana no maha azo heverina izany hoe Kristy mivelona ao anatintsika izany? Hoy ny fivakin'ny Efesiana 3:16,17, 19: *"16 mba homeny [homen'ny Ray] anareo, araka ny haren'ny voninahiny,* ***ny mba hohatanjahina fatratra amin'ny Fanahiny*** *ny toe-panahinareo; 17* ***mba hitoeran'i Kristy ao am-ponareo amin'ny finoana****, ka hamaka sy hiorina mafy amin'ny fitiavana ianareo, 19… mba hamenoana anareo ho amin'ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra."*

Ambara amintsika eto fa:

1. Mandray hery miavosa ho an'ny toe-panahintsika (na ny ao anatintsika) isika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina.
2. Velona ao anatintsika amin'ny finoana I Kristy, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina.
3. Hamaka sy hiorina mafy amin'ny fitiavana isika noho izany. Rehefa velona ao anatintsika I Jesosy Kristy dia hampivelatra ny Toe-pitiavany ao anatintsika. "Vokatry ny Fanahy" (Galatiana 5:22) ihany koa no hiantsoan'ny Baiboly izany.
4. Izany no mitarika antsika ho amin'ny fiainana fenon'ny "fahafenoan'Andriamanitra rehetra" (Jereo ihany koa Jaona 10:10; Kolosiana 1:9, 10).

Kristy ao anatintsika dia midika fa azontsika tanterahina ankehitriny ny fankatoavana, satria nentina ao anatintsika tamin'ny alalan'I Jesosy izany. Hoy Ellen White: "Rehefa mandray an'I Kristy ny fanahy iray dia mandray ny hery hivelomana amin'ny fiainan'I Kristy."[99]

---

[99] Ellen G. White, *Christ's Object Lessons,* p. 314.

Velona ao anatintsika I Jesosy rehefa mitoky tanteraka Aminy isika, izany hoe rehefa manolo-tena tanteraka Aminy isika. Fankatoavana am-pinoana, izany no fankatoavana aterak'izany. Maniry hiaina ny Fiainam-pandreseny ao anatintsika Kristy.

Mbola misy hevitra manan-danja fanampiny iray ao amin'ny Galatiana 4:19. Hoy ny voalazan'I Paoly ao: *"19 Anaka, izay ahararianiako indray amin'ny fiterahana mandra-paharin'i Kristy ao anatinareo."* Mitaintaina fatratra I Paoly ny amin'ny ahatonga an'I Kristy ho ao anatin'ireo mpino. "Mandra-paharin'I Kristy ao anatinareo", hoy izy. Hafiriana no ilaina hahatonga ny olona iray ho hary saina sy vatana amin'ny fahafenoany? Farafahakeliny enina ambinifolo na fito ambinifolo taona. Mino aho fa miresaka ny amin'ireo dingan'ny fitomboana I Paoly eto. Rehefa manolotra ny fiainantsika isan'andro ho an'I Kristy isika ary mangataka am-pinoana isan'andro ny Fanahy Masina, dia ao anatintsika I Kristy. Misy dingam-pitomboana anefa ao amin'io fifandraisana io.

## HEVITRA TSY MAZAVA

Indrisy anefa fa misy teboka maromaro izay tsy mazava mahakasika ny fankatoavana. Voalohany, andeha hojerentsika ireo teboka manan-danja izay notononin'I Jesosy momba ny fiainam-pinoantsika: *"... fa raha misaraka amiko kosa ianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona." (Jaona 15:5)* Mihatra amin'ny lohahevitra manan-danja momba ny fankatoavana ihany koa izany.

Faharoa, andeha isika hijery ny fanambaran'I Ellen G White iray mifandraika amin'izay sy manazava ireo filamatra fototra momba ny fankatoavana: "Izay miezaka hanatratra ny lanitra amin'ny alalan'ny asan'ny tenany amin'ny fitandremana ny lalàna dia miezaka manatratra zavatra tsy azo tanterahina. Tsy afaka ny hovonjena tsy misy fankatoavana ny olona, tsy tokony ho avy amin'ny tenany anefa

ny asany; tokony hiasa ao anatiny I Kristy amin'ny fikasana sy ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony. »[100]

Teboka manan-danja telo no mivoitra eto:

1. Tsy azo tanterahina izany hoe hanatratra ny lanitra amin'ny asan'ny tenako. Midika izany fa fahadisoan-kevitra ny fieritreretana hahazo zavatra avy amin'Andriamanitra vokatry ny ezaka natao (toy ny fanamarinana amin'ny asa).
2. Ampahan'ny fiainana miaraka amin'Andriamanitra izay tsy azo hialana anefa ny fankatoavana, satria voantso hanana fiainana mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra ny mpianatr'I Jesosy.
3. Tsy tokony ho asan'ny tenantsika manokana na avy amin'ny herin'ny tenantsika ny fankatoavana. Tokony hotanterahina amin'ny alalan'I Kristy ao anatintsika ny fikasana sy ny fanaovana.

Ankehitriny, andeha isika hijery akaiky ny fomba ahatanterahan'izany. Maro ireo izay mino fa mila mahazo ny lanitra amin'ny ezaka atao amin'ny ampahany na amin'ny fahafenoany izy ireo. Mihevitra izy ireo fa izany lalan-diso izany no tokony arahina satria tsy fantany ilay lalana fatratra loatra izay natolotr'Andriamanitra ho azy. Miezaka manatanteraka zavatra izay tsy azo tanterahina izy ireo. Ny olona rehetra izay tsy manana an'I Jesosy mivelona ao anatiny amin'ny alalan'ny Fanahy Masina dia manandrana zavatra tsy azo tanterahina, na betsaka na vitsy manao ahoana ny zavatra izay iriny hankatoavana.

Mampianatra antsika ny Soratra Masina fa tsy afaka ny hovonjena amin'ny fahamendrehantsika manokana (na ny asan'ny lalàna) isika, fa amin'ny finoantsika an'Andriamanitra irery ihany. Hoy ny *Romana 3:28, "28 Koa amin'izany dia ataontsika fa finoana no anamarinana ny olona, fa tsy ny asan'ny lalàna."* "Tsy misy lafin-

[100] Ellen G. White, *The Review and Herald,* July 1, 1890, par. 11.

javatra izay mila hijanonana ela kokoa amin-kafanam-po, sy averimberina imbetsaka kokoa, na hamafisina orina betsaka kokoa ao an-tsain'ny rehetra mihoatra noho ilay hoe tsy afaka ny ho mendrika hahazo na inona na inona amin'ny alalan'ny asany tsara indrindra ny olombelona lavo. Avy amin'ny alalan'ny finoana an'I Jesosy Kristy irery ihany ny famonjena."[101]

**TSY AZO HIALANA NY FANKATOAVANA**

Nametraka tsindrim-peo teo amin'ny fankatoavana Jesosy. Hoy ny teny farany nataony: *"20 sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo." (Matio 28:20)* Miresaka mazava ny amin'ny fankatoavana Izy eto. Mitaky ny fankatoavantsika ireo didy izay nosoratan'I Jesosy tamin'ny Tanany ary nomeny an'I Mosesy tao Sinay. Toy izao no hamintinana an'io fitakian'Andriamanitra izay hamafisin'ny Baiboly io: "Nampanantenaina teo ambany fepetran'ny fankatoavana ireo Fanomezana rehetra avy Aminy."[102]

Hoy ny fivakin'ny Boky *Henoinareo ny Fanoharana*: "Aseho ao amin'ny Lalàny ny toetr'Andriamanitra; ary mba ahatonga anao hanana fiainana mirindra Aminy, dia ireo filamatry ny Lalàny no tokony ho loharano ipoiran'ny hetsika ataonao rehetra."

"Tsy mampihen-danja ireo fitakian'ny lalàna I Kristy. Amin'ny fomba fiteny tsy misy diso no hanehoany ny fankatoavana izany ho fepetran'ny fiainana mandrakizay."[103]

Maneho amintsika ny Apostoly Jaona fa ny fankatoavana dia mampahafantatra hoe mahalala an'Andriamanitra isika na tsia: *"3 Ary izao no ahafantarantsika fa mahalala Azy isika, dia ny fitandremana ny didiny. 4 Izay manao hoe: Fantatro Izy, nefa tsy mitandrina ny*

---

[101] Ellen G. White, *Faith and Works* (Hagerstown, MD: Review and Herald Publishing Association, 1999), p. 18.
[102] Ellen G. White, *Christ's Object Lessons,* p. 145.
[103] Ibid., p. 391.

*didiny, dia mpandainga, ary ny marina tsy ao anatiny." (1 Jaona 2:3, 4) "24 Ary izay mitandrina ny didiny no mitoetra ao aminy, ary Izy kosa ao aminy." (1 Jaona 3:24a)*

Mari-pamantarana izay maneho ny fitiavantsika an'Andriamanitra ihany koa ny fankatoavana: "*3 Fa izao no fitiavana an'Andriamanitra, dia ny hitandremantsika ny didiny, sady tsy mavesatra ny didiny." (1 Jaona 5:3)*

Maneho amintsika ny Baiboly fa ny fankatoavana dia marika hamantarana ny sisa, ny fiangonan'ny andro farany, raha miresaka ny amin'ireo izay "*mitandrina ny didin'Andriamanitra" (Apokalipsy 12:17). "Indro ny faharetan'ny olona masina, dia izay mitandrina ny didin'Andriamanitra ..." (Apokalipsy 14:12)*

Charles Finney, ilay heverina ho mpitoriteny nalaza indrindra momba ny fifohazana amin'izao androntsika izao, dia nilaza hoe: "Ny fifohazana dia fanombohana vaovao amin'ny fankatoavana an'Andriamanitra."[104] Tiantsika ihany koa ny hizara ny voalazan'ny Leson'ny Sekoly Sabata ny 31 Aogositra 2011: "Ny fankatoavana dia tsy fitaovana ho amin'ny famonjena, fa fitaovana izay maneho ny vokatra sy ny fitahiana avy amin'ny famonjena eo amin'ny fiainan'ireo voavotra."

## FANKATOAVANA AO AMIN'I SY AMIN'NY ALALAN'I KRISTY

Tsy afaka ny ho mpankato isika raha tsy amin'ny alalan'I Kristy mivelona ao anatintsika. Izy irery ihany no afaka ahatanteraka izany. Ohatry ny fankatoavana ho antsika I Kristy, teo amin'ny maha olombelona Azy. *"8 Dia nianatra fanarahana tamin'izay fahoriana nentiny Izy, na dia Zanaka aza;" (Hebreo 5:8) "9 ary rehefa natao*

[104] Cited in *Unser größtes Bedürfnis* (Our Greatest Need), Lüneburg: Werner E. Lange, 2011, S. 102.

*tanteraka Izy, dia tonga loharanon'ny famonjena mandrakizay ho an'izay rehetra manaraka Azy." (Andininy 9)*

Manamafy ny Asa 5:32 fa nomen'Andriamanitra ho an'izay "manaiky Azy" (na Mankato Azy) ny Fanahy Masina. Midika ve izany fa fepetra ho amin'ny fanavotana antsika ny fankatoavantsika ny didin'Andriamanitra? Tsia dia tsia tokoa! Tsindrian'I Paoly mafy fa ny lalana mankamin'ny fanavotana dia amin'ny alalan'ny finoana irery ihany, ary natao hankato an'Andriamanitra isika eo amin'io lalana io. Dia hiasa amin'ny alalan'ny Fanahiny amin'ny fomba mampitolagaga Izy, mba hivelomantsika an-tsitrapo araka izay irin'Andriamanitra ataontsika.

Izany indrindra no nosoratan'I Paoly ao amin'ny Romana 8:3,4: *"3 Fa izay tsy hain'ny lalàna, satria ny nofo no nahalemy azy, dia vitan'Andriamanitra tamin'izy naniraka ny Zanany, naka ny endriky ny nofo ota sy ny amin'ny ota, ka nanameloka ny ota tao amin'ny nofo, 4* ***mba hahatanteraka ny fahamarinana ilain'ny lalàna amintsika, izay tsy mandeha araka ny nofo, fa araka ny Fanahy****."* Hoy Andriamanitra, *"27 Ary ny Fanahiko no hataoko ao anatinareo, ka hahatonga anareo handeha araka ny lalàko sy hitandrina ny fitsipiko ka hanaraka azy." (Ezekiela 36:27)*

**MIVELONA AO AMIN'NY FANAHY MASINA TSY TAPAKA**

Ny hoe "mandeha araka ny Fanahy" dia midika hoe mivelona ao amin'ny Fanahy Masina tsy tapaka. Maneho io andalan-teny io fa tanteraka amin'ny alalan'I Kristy ao anatintsika ilay fankatoavana ilaina, tanteraka ao amin'ireo izay hitoeran'ny Fanahy Masina. Naniraka ny Zanany Andriamanitra mba hahatanterahana amin'ny alalany ao anatintsika ny fahamarinana izay takian'ny lalàna. Mariho fa tsy milaza ilay andininy fa tanteraka amin'ny alalantsika ilay fahamarinana fa kosa ao anatintsika.

Inona no ambaran'I Paoly ao amin'ny Galatiana 2:20 momba ny fiainany? *"... ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko."* Lazain'I Paoly mazava eto fa I Kristy no mitarika ny fiainany. Hoy Andriamanitra amintsika, ao amin'ny *Ezekiela 36:27 "27 Ary ny Fanahiko no hataoko ao anatinareo, ka hahatonga anareo handeha araka ny lalàko sy hitandrina ny fitsipiko ka hanaraka azy."*

Mazava ve ny hevitr'io andininy io? Irin'Andriamanitra ny hamonto antsika amin'ny Fanahiny ka ahatonga antsika ho olona izay mitandrina ny didiny. Midika izany fa horaisin'Andriamanitra antanana amin'ny alalan'ny Fanahy Masina ny fankatoavantsika.

Hitantsika mazava eto fa amin'ny alalan'ny Fanahy Masina sy I Kristy ao anatintsika no hisehoan'ny fankatoavana. Fankatoavana avy ao am-po izany. Raha tsy eo io firaisana io dia fankatoavana ivelambelany sy tsy ampy ihany no asehontsika. "Marina ihany fa misy olona mahay mitondra tena, na dia tsy mbola nohavaozin' ny herin' i Kristy aza. Mahatonga ny olona hitondra tena tsara ny fitiavana ho to teny sy ny faniriana hohajain' ny olona. Ny fanajantsika tena no mitarika antsika hifady ny ratsy. Misy aza olona tia tena, nefa mety hanao asam-piantrana ihany."[105] Mety maniry hitandrina ny didin'Andriamanitra vokatry ny fahatsapana ny adidy tokony atao isika, na koa hoe satria izany no andrasana amintsika. "Ny olona izay miezaka mitandrina ireo didin'Andriamanitra avy amin'ny fahatsapana adidy fotsiny – satria hoe takiana hanao izany izy – dia tsy hahita ny fifalian'ny fankatoavana na oviana na oviana. Tsy mankato izy. Ho fantatsika fa tsy fiainana Kristiana izany fiheverana ny fitakian'Andriamanitra ho enta-mavesatra izany satria mifanipaka amin'ny fironana maha-olombelona ireo. Vokatry ny fiasan'ny filamatra ao anaty izay miseho ety ivelany ny fankatoavana marina."[106]

[105] Ellen G. White, *Ny Dia ho eo amin'I Kristy,* t. 53.
[106] Ellen G. White, *Christ's Object Lessons,* p. 97.

## AHOANA NO AHAFAHAN'I KRISTY MIVELONA AO ANATINTSIKA?

Ny fifandraisana amin'I Jesosy dia manomboka amin'ny fileferana tanteraka Aminy. Fahateraham-baovao ara-panahy no hasetriny izany (jereo Jaona 3:1-21). Io fiainam-baovaontsika io, izay nomen'Andriamanitra, dia voakolokolo amin'ny alalan'ny fanavaozana isan'andro ny fifandraisantsika amin'I Kristy. Mila ny fanoloran-tena isan'andro sy ny fangatahantsika isan'andro ho fenon'ny Fanahy Masina – dia ny famelombeloman'ny Fanahy – izany. Amin'izany no hiveloman'I Jesosy ao anatintsika. *"16 ... mba hohatanjahina fatratra amin'ny Fanahiny ... 17 mba hitoeran'i Kristy ao am-ponareo amin'ny finoana ..." (Efesiana 3:16, 17)*

## DINIHO NY TENANAREO, RAHA TOA KA VELONA AO ANATINAREO I KRISTY

Manasa antsika ny Soratra Masina mba handinihantsika tena raha toa ka mivelona ao anatintsika I Kristy. *"5 Diniho ny tenanareo, na mitoetra amin'ny finoana ianareo, na tsia; izahao toetra ny tenanareo. Moa tsy fantatrareo va ny amin'ny tenanareo, fa ao anatinareo Jesosy Kristy, raha tsy olona nolavina ianareo ?" (2 Korintiana 13:5)*

Irin'Andriamanitra ny ahafantarantsika ny toerana ara-panahy misy antsika. Rehefa inona isika no tsy mahafeno ny fepetra na hoe "tsy ao"? Koa satria mahafeno ny fepetra amin'ny alalan'I Kristy ao anatintsika isika, rehefa fenon'ny Fanahy Masina; ny hoe "tsy ao" noho izany dia fiainana tsy ampy fahafenoan'ny Fanahy Masina. Saina araka ny nofo no hiantsoan'ny Baiboly izany.

Rehefa inona no "tsy ao" ny fiarantsika? Rehefa tsy velona intsony. Inona no azontsika atao raha toa ka tsy misy solika izany? Afaka miezaka manosika izany isika na mandeha mividy solika. Mazava ho azy fa hofenointsika solika ilay fiara. Raha tsy ao am-

pontsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina I Jesosy, dia hitovy amin'ny olona iray izay miezaka manosika fiara tsy misy solika ny fankatoavantsika.

Moa mihamazava aminao ve ny mahazava-dehibe an'I Jesosy eo amin'ny finoantsika sy ny fiainantsika? Tsy azo soloina Jesosy. *"12 Izay manana ny Zanaka no manana ny fiainana ..." (1 Jaona 5:12) "6 ... Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako." (Jaona 14:6)* Mila an'I Jesosy isika. Tsy afaka ny ho voavonjy isika raha tsy misy Azy. Sady tsy afaka ny hanana fiainana amin'ny fahafenoany eto isika no tsy hanana fiainana mandrakizay.

Azonao tsara kokoa ve ny fomba hahatanterahana ny fankatoavana? Maneho ny fahavononantsika amin'I Jesosy isika amin'ny alalan'ny fileferantsika sy ny fangatahantsika isan'andro ny Fanahy Masina, mba ahafahany manatanteraka ny fankatoavana ao anatintsika. Azontsika tsara izany rehefa mamaky ny 1 Korintiana 1:30 isika: *"Fa avy Aminy [Andriamanitra] no nanaovana anareo ho ao amin'i Kristy Jesosy,* ***Izay nataon'Andriamanitra fahendrena sy fahamarinana sy fahamasinana ary fanavotana ho antsika****." (1 Korintiana 1:30)* Izany rehetra izany no irin'I Kristy sy azony tanterahina ao anatintsika. Ary rehefa milaza ny Baiboly fa tonga fahamasinana ho antsika I Kristy, dia midika mazava izany fa tena notanterahiny izany, mba ahafahantsika mivelona anatin'ny fankatoavana.

## RAHOVIANA ISIKA NO VOAVONJY?

Nahoana no tena manan-danja io fanontaniana io? Raha efa voavonjy aho, dia mazava izany fa vokatry ny famonjena ahy ny fankatoavako. Tsy fepetra takiana mialoha ny famonjena ahy izany. Voavonjy aho amin'ny fotoana hanolorako ny tenako amin'ny fahafenoany ho an'I Jesosy Kristy. *"8 Fa fahasoavana* ***no namonjena anareo*** *amin'ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana*

*avy amin'Andriamanitra; 9 tsy avy amin'ny asa, fandrao hisy hirehareha."(Efesiana 2:8,9)*

Nampahafantatra ireo Kristiana tao Efesosy ny apostoly Paoly, raha nanoratra tamin'ireo izy, fa efa novonjena izy ireo. Izao anefa no nosoratany tao amin'ny *Romana 8:24, "**24 Fa ny fanantenana no namonjena antsika.**"* Manana safidy malalaka isika ny amin'ny hoe hitoetra hiaraka amin'Andriamanitra na tsia.

Aorian'ny famonjena antsika (amin'ny fanantenana), ny tokony hifantohantsika indrindra dia ny hitoerantsika ao amin'I Kristy mandrapahatapitry ny fofon'aintsika na mandra-piaviany Fanindroany. Novonjena tamin'ny finoana isika (Efesiana 2:8) ary aorian'izay dia ilaina ny mitoetra ao amin'io finoana io. *"6 Koa tahaka ny nandraisanareo an'i Kristy Jesosy Tompo, dia mandehana ao aminy araka izany koa." (Kolosiana 2:6)* Ny zava-dehibe dia ny mitoetra ao amin'I Kristy amin'ny alalan'ny fanolorana ny tena. Toy izao manaraka izao no nosoratan'I Dennis Smith momba an'ilay hoe mitoetra ao amin'I Kristy: "Ny hoe mitoetra ao Aminy dia tsy asa izay tokony ataontsika mba ho fepetra mialoha ny famonjena antsika, fa kosa fanekentsika hamela Azy hanao ny zavatra rehetra ho antsika, ao amintsika ary amin'ny alalantsika."[107]

## NAHOANA NO TENA ILAINA NY FILEFERANTSIKA TANTERAKA? MAHASOA AMIN'NY LAFINY INONA IZANY?

Misy hifandraisany amin'ny fanafahana antsika amin'ny fanandevozan'ny izahontsika ny fileferana tanteraka. Ny izahontsika no anton'ireo olantsika. Hoy ny ohabolana iray: Ny tenany ihany no olan'ny olona iray lehibe indrindra. Ny izahontsika no voatohintohina,

[107] Dennis Smith, *40 Days: Prayers and Devotions to Revive Your Experience With God,* book 2 (Hagerstown, MD: Review and Herald Publishing Association, 2011), p. 35.

maratra, sy tezitra; ny izahontsika no maniry hametraka ny fahefany; ny izahontsika no be fialonana, sns.

"Maniry hanasitrana sy hanafaka antsika Andriamanitra. Kanefa satria ilàna fiovàna tanteraka izany, dia fanavaozana ny toetra rehetra ara-tsaina amam-panahy, koa dia tsy maintsy atolotsika Azy ny tenantsika manontolo. . … Asehony eo anoloantsika ny hahavon' ny fitahiana izay iriny hitondrana antsika amin' ny fahasoavany Angatahiny hanome, Azy ny tenantsika isika, mba hahaizany mampiasa ny sitrapony ao amintsika. Anjarantsika ny mifidy, raha tiantsika ny ho esorina amin' ny fanandevozan' ny ota, ka hiara-manana ny fahafahana be voninahitra amin' ny zanak' Andriamanitra."[108]

Ny fiainana izay hanjakan'ny izahontsika dia fiainan'ny fanandevozan'ny ota. Ny fiainana izay misy an'I Kristy ao anatintsika dia fiainan'ny fahafahana be voninahitra ho an'ny zanak'Andriamanitra. Ny tanimanga izay eo am-pelatanan'ny mpanefy ihany no azony volavolaina. Tena zava-dehibe faratampony ny fileferantsika.

Mitoetra ao amin'I Kristy isika aorian'ny fileferantsika. Rehefa mitoetra ao Aminy isika dia hitohy mandritra ny mandrakizay manontolo ny famonjena. Hiditra amin'ny lafiny vaovao tanteraka anefa izany aorian'ny fiavian'I Jesosy fanindroany.

## FANKATOAVANA ARA-BAIBOLY

Tsy misy hifandraisany amin'ny fahamendrehana sy ny fanamarinana amin'ny asa ny fankatoavana ara-Baiboly. Vokatra ateraky ny fitokisako an'Andriamanitra, ny fileferako, ny famonjena ahy, ary ny fifandraisako amin'I Kristy izany. Ny fankatoavana ara-Baiboly ao amin'ny Kristiana nateraka indray iray, izay fenon'ny

---

108 Ellen G. White, *Ny Dia ho eo amin'I Kristy,* t. 41.

Fanahy Masina, dia tsy inona fa fitiavana an'Andriamanitra aseho amin'ny asa. Manome fifaliana sy firavoravoana ny fankatoavana amin'ny herin'ny Fanahy Masina:

"Avy amin' ny fo ny tena fankatoavana marina rehetra. Asan' ny fo miaraka amin' i Kristy izany. Ary raha manaiky isika, dia hataony mitovy indrindra amin' ny tenany ny eritreritsika sy ny zava-kendrentsika, ny fontsika sy ny saintsika hampitoviany indrindra amin' ny sitrapony. hany ka rehefa mankato Azy isika dia tsy manao afa-tsy ny manatanteraka ny fironana ao amintsika ihany. Ny sitrapo voadio sy nohamasinina, dia hahita ny fifaliany ambony indrindra eo amin' ny fanaovana fanompoana Azy."[109]

Tokony hazava amintsika fa tsy afaka ny ho mpankato amin'ny herin'ny tenantsika isika. Milaza amintsika ny Tompo momba ny vahoakan'Israely: "Tsy nanana fahafantarana marina ny fahamasinan'Andriamanitra, ny mahafeno ota mihoam-pampana ny fony, ny tsy fahafahany maneho fankatoavana ny lalàn'Andriamanitra izy ireo. »[110]

Tsy afaka hankato ny didin'Andriamanitra amin'ny herin'ny tenantsika isika. Jesosy ao anatintsika amin'ny alalan'ny fitoeran'ny Fanahy Masina ao amintsika no tsiambaratelon'ny fankatoavana. Raha tena tia sy mitoky amin'I Jesosy isika, raha mivelona ao anatintsika Izy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, dia hitondra fifaliana lehibe ny fankatoavana. Raha velona ao anatintsika I Jesosy, dia manome toky Izy fa ho ao am-pontsika ny Lalàny. Io lalàna io no antsoina hoe lalàn'ny fahafahana, dia ny didy folo (Jakoba 2:12).

---

[109] Ellen G. White, *Ilay Fitiavana Mandresy,* t. 720.
[110] Ellen G. White, *Patriarchs and Prophets* (Nampa, ID: Pacific Press Publishing Association, 2005), p. 371.

## FISAINTSAINANA MANOKANA SY TARI-DALANA HIFANAKALOZAN-KEVITRA

*1. Inona no atao hoe fankatoavana am-pinoana ary ahoana no tokony handraisana izany?*

*2. Amin'ny fomba ahoana ary rahoviana aho no voavonjy?Tsy azo ihodivirana ve io famonjena io?*

*3. Inona no vokatra mandeha ho azy ateraky ny finoana ara-Baiboly mahakasika ny zavatra ataontsika na tsy ataontsika?*

*4. Manantena zavatra amintsika ve Andriamanitra ?Inona no anjaran'ny asa manoloana ny famonjena ?*

## FOTOAM-BAVAKA ATAONTSIKA

*Antsoy ilay namana mpiara-mitolona am-bavaka aminao ary mifanakaloza hevitra momba ny lohahevitra.*
*Miaraha mivavaka aminy:*
*1. Mba hananana o fahatakarana lalina kokoa ny amin'ny famonjena sy ny fankatoavana.*
*2. Mba hahazoanao ny fifaliana mipololotra avy amin'ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra.*
*3. Mba hahazo antoka ny famonjena araka ny voalazan'ny Baiboly.*
*4. Mba hananana o fitiavana an'Andriamanitra izay miseho amin'ny atao.*
*5. Mba hananana o fahatakarana araka ny tokony ho izy ny amin'ny Fitiavan'Andriamanitra sy ny Fahamasinany.*

# Ahoana no fiasan'ilay Fankatoavana amin'ny alalan'I "Jesosy ato anatiko"? Ny Plan'Andriamanitra: Fiaraha-miasa amin'Andriamanitra sy ny Olona

## FAHAGAGAN'NY FANKATOAVANA TANY AMIN'NY FAMPAKARAM-BADY

Fantatsika rehetra ny tantaran'ny fampakaram-bady tao Kana, izay nanatanterahan'I Jesosy ny fahagagana voalohany. Namadika ny rano ho divay Izy, divay tsy nisy alikaola, izay antsointsika hoe ranom-boaloboka. Inona no zava-niseho tao?

Ren'i Maria, renin'I Jesosy, fa tsy nisy divay intsony tao ary nilaza tamin'I Jesosy momba izany izy. Tsy naneho fihetsika araka izay nantenainy anefa I Jesosy. Na izany aza dia nino izy fa hanampy amin'io toe-javatra io I Jesosy, satria hoy izy tamin'ireo mpanompo: *"Ataovy izay asainy ataonareo." (Jaona 2:5)* Nanamafy ny fitokisan'ireto mpanompo an'I Jesosy i Maria, noho izany.

Nanapa-kevitra ny hanao araka izay nolazain'I Jesosy izy ireo rehefa hoy Izy hoe : *"Fenoy rano ny siny."* Avy eo dia hoy Jesosy: *"Tovozy amin'izao, ka ento ho eo amin'ny mpandahatra ny fanasana." (Andininy 7,8)* Dia nataon'izy ireo izany.

Tsara ny hametrahana tsindrim-peo amin'ity manaraka ity: koa satria nitoky tamin'I Jesosy ireo mpanompo, dia nanapa-kevitra izy ireo ny hankato an-tsitrapo ireo baikony. Amin'ny teny hafa, dingana hita maso amin'ny fankatoavana – amin'ny alalan'ny fanaovana izay nasain'I Jesosy nataony - ny fahavononany sy ny fanapahan-keviny. Tamin'ny alalan'ny fankatoavan'izy ireo no namadihan'I Jesosy ny rano ho zava-pisotro matsiro. Izany no Fahagagana voalohany nataony.

Inona avy ireo dingana tsirairay narahina?

- Tamin'ny alalan'ny torolalana nomeny no nanamafisan'i Maria orina ny fitokisan'ireo mpanompo an'I Jesosy.
- Naneho ny fitokisany sy ny fahavononany ireo mpanompo, tamin'ny alalan'ny fanatanterahana izay nolazain'I Jesosy.
- Na i Maria na ireto mpanompo dia samy tsy nanana anjara tamin'ny famadihana ny rano ho divay, raha ny tena marina. Jesosy irery ihany no nanatanteraka an'io fahagagana io.

Mety ho nitranga ve anefa io fahagagana io raha tsy teo ireo dingana fanomanana? Zava-dehibe ny fitokisantsika amin'I Jesosy, ny fametrahantsika ny sitrapontsika sy ireo safidintsika eo ampelatanany, sy ny fanehoantsika izany amin'ireo dingan'ny fankatoavana. Amin'ny alalan'ny fanaovantsika izany no hanatanterahan'I Jesosy – izay Izy irery ihany no afaka manao azy – ny fahagagana. Izy irery ihany no mahatanteraka ny fahagagan'ny fankatoavana ao anatintsika. Izany no fiasan'ny fankatoavana ampinoana. Natao ho fahendrena, fahamarinana, fahamasinana, ary fanavotana ho antsika I Jesosy (1 Korintiana 1:30). Ny fanapahankevitsika hanaiky ny Sitrapony sy ireo dingana fiomanana ho amin'ny fankatoavana izay ataontsika no manokatra ny varavarana ho amin'ny fahagagan'ny fankatoavana, izay tanterahin'I Jesosy eo amin'ny fiainantsika.

## FIARAHA-MIASA EO AMIN'ANDRIAMANITRA SY NY OLONA

Manazava ny fizotran'ireo dingana mankamin'ny fankatoavana teo amin'ny fiainan'i Daniela i Ellen White : « Raha niasa teo amin'i Daniela sy ny namany Andriamanitra 'na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony', dia nanao fanazarantena ho amin'ny famonjena izy ireo (Filipiana 2 :13). Aseho eto ny vokatr'ilay filamatra avy any ambony momba ny fiaraha-miasa, izay raha tsy eo dia tsy hisy fahombiazana marina ho tratra. Zava-poana ny

ezaka ataon'ny olombelona raha tsy eo ny hery avy any ambony ; ary raha tsy eo ny fiezahan'ny olombelona, dia tsy hanampy na amin'ny inona na inona ny ezaka avy any ambony. Mila manao ny anjarantsika isika raha te handray ny fahasoavan'Andriamanitra ho an'ny tenantsika. Omena hiasa ao anatintsika amin'ny fikasana sy ny fanaovana ny Fahasoavany, fa tsy ho solon'ny ezaka tokony ataontsika. …

… Ary amin'ny alalan'ny fanomezany ny Fanahiny no hampahatanjahany ny fikasana marina rehetra, ny fanapahan-kevitra mendrikaja rehetra. Hahita sakana maro ireo izay mandeha eo amin'ny lalan'ny fankatoavana. … Ao amin'ny Heriny anefa no hihoarany ny fakam-panahy rehetra sy handreseny ny zava-tsarotra rehetra."[111]

"Namolavola hevitra ny Tompo ny hiarahan'ny hery avy any ambony miasa amin'ny ezaka ataon'ny olombelona."[112] Hoy ny nosoratan'I Mark Finley, "Ny fiarahana miasa amin'Andriamanitra dia mitondra fifalian-dehibe sy fahafaham-po."

## INONA NO ANJARANTSIKA ? ARY INONA NO ANJARAN'I JESOSY AO ANATINTSIKA?

1. Manapa-kevitra ny hampitombo ny fitokisantsika an'I Jesosy isika, Izy izay miasa ao anatintsika amin'ny fikasana sy ny fanaovana. Mamorona ao anatintsika ny rivo-piainan'ny fahavononana Izy ary dia ho fantatsika ny zavatra tokony ataontsika. Miandry ny fanapahan-kevitsika anefa Izy.
2. Asantsika ny manapa-kevitra ny hanao ny Sitrapon'Andriamanitra. Koa satria manaja tanteraka ny maha-izy antsika sy ny sitrapontsika Andriamanitra, dia tsy afaka ary tsy hiditra an-tsehatra mihitsy izy raha tsy efa nanapa-kevitra isika. Miandry izany Izy.
3. Asantsika ny manao ny fanapahan-kevitsika hitoky amin'I Jesosy ho hita maso, sy ny maneho izany ao amin'ireo dingan'ny

[111] Ellen G. White, *Prophets and Kings,* pp. 486, 487.
[112] Ellen G. White, *Ye Shall Receive Power,* January 2, p. 10.

fankatoavana. Mety ho samy hafa be ny haben'ireo dingan'ny fankatoavana ireo.

4. Manatanteraka irery ny ampahany manan-danja Andriamanitra, ary manohana antsika ihany koa eo amin'ny fampitomboana ny fitokisantsika sy ny fiomanantsika. Tsy tokony hadinointsika anefa fa misy fahasamihafana lehibe eo amin'ny fiezahana manapa-kevitra sy manao ireo dingan'ny fankatoavana amin'ny herin'ny tena sy ny fanaovantsika ireny ao amin'ny herin'Andriamanitra. Tontosa ao amin'ny herin'Andriamanitra ny anjarantsika, rehefa mivelona ao anatintsika I Jesosy, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Izany no mahatonga ny fankatoavana ho lasa fifaliana, na amin'ireo zavatra madinika na amin'ireo zava-dehibe."[113]

## FANONTANIANA

Misy hevitra samy hafa mahakasika ilay hoe iza no mahatonga ny fankatoavana ho azo tanterahina. Ao ny sasany izay mihazona ilay hevitra hoe ny fankatoavana dia vokatry ny fiarahamiasan'Andriamanitra sy ny olombelona. Ao indray ireo milaza fa Andriamanitra na I Kristy no manao izany irery. Amin'ny fomba ahoana no fiasan'izy io?

Tamin'ny fotoan'andron'I Jesosy dia maro ireo olona izay nino fa ampy ny fahafantarana ny marina. Hoy ny voalazan'ny Boky *Ilay Fitiavana Mandresy:* "Ny fahadisoan-kevitra lehibe indrindra natao tamin' ny sain' olombelona tamin' ny andron' i Kristy dia ny filazana fa ny fanekena fotsiny ny marina no atao hoe fahamarinana."[114]

Tsy miandry antsika hiaritra fotsiny ny Sitrapony Andriamanitra, fa kosa manantena antsika hanao hetsika momba izany. Midika izany fa mandray fanapahan-kevitra miabo sy manatanteraka izany amin'ny fampiharana isika miaraka amin'i

[113] Mark Finley, *Decisions: Persuading People for Christ* (Silver Spring, MD: General Conference of Seventh-day Adventists, 1984).
[114] Ellen G. White, *Ilay Fitiavana Mandresy,* t. 322.

Kristy ao am-pontsika. « Voafidy hitondra ny akanjom-piadiana sy hiady ny adin'ny finoana izy [ny olombelona]. Voafidy izy hampiasa ireo fitaovana izay nataon'Andriamanitra ho eo am-pelatanany. … Voafidy hanam-pinoana mitohy izy. »[115] « Aoka tsy hisy olona hilaza fa kely foana na tsy misy tokony ataon'ny olona ao anatin'ny asan-dehiben'ny fandresena; tsy manao na inona na inona tsy miaraka amin'ny fiaraha-miasan'ny olona Andriamanitra … Natao ho mpiara-miasa amin'Andriamanitra ny olona voalohany indrindra hatramin'ny olona farany indrindra. … Midika ho fandresena ny fiaraha-miasa amin'i Kristy. …

"Aoka tsy avela hihevitra ny saina hoe kely na tsy misy anjaran'ny olona, fa kosa ampianaro ny olona hiara-hiasa amin'Andriamanitra, mba ahatonga azy hahomby sy handresy. »[116]

Rehefa ekentsika ny anjara asan'ny fanapahan-kevitsika sy ireo dingana fiomanana, dia hita mazava fa fiaraha-miasan'Andriamanitra sy ny olombelona izany; na dia tanterahina amin'ny herin'Andriamanitra aza ireo dingana fiomanana, rehefa ao anatintsika i Kristy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina.

Izany no fomba fijery marina raha ny fahalalako, satria manaja tanteraka ny olona Andriamanitra ary tsy manao hetsika izay mifanipaka amin'ny fanekeny. Maneho an'io fanekena io ny olona amin'ny alalan'ireo dingana ho amin'ny fankatoavana. Mazava fa manatanteraka ny ampahany manan-danja indrindra Andriamanitra. Mila hitantsika ireo fizarana rehetra ao anatin'izany dingana izany, sy ny fiaraha-miasan'ireo izay voakasika vokatr'izany – dia Andriamanitra sy ny olona.

[115] Ellen G. White, *Testimonies to Ministers and Gospel Workers* (Nampa, ID: Pacific Press Publishing Association, 2003), p. 454.
[116] Ellen G. White, *A New Life* (Revival and Beyond) (Payson, AZ: Leaves-of-Autumn Books, 1972), pp. 38, 39.

Mahita ohatra maneho tsara izany fiaraha-miasan'Andriamanitra sy ny olombelona izany isika, tamin'ilay ady nifanaovan'ny Israelita sy ny Amalekita tany an'efitra (Jereo Eksodosy 17:8-16). Niady niaraka tamin'ny andian-tafiny I Josoa, nandresy anefa izy ireo satria nivavaka I Mosesy, niaraka tamin'ny fanohanan'I Arona sy Hora.

## DINGAN'NY FANKATOAVANA SAMY MANANA NY HALEHIBENY

### Maria, Renin'I Jesosy.

Rehefa nilaza ny amin'ny fahaterahan'I Jesosy tamin'I Maria ny anjely Gabriela, dia tsy nilaza afa-tsy ny fanekeny ny sitrapon'Andriamanitra ity farany. Hoy izy: *"... Inty ny ankizivavin'ny Tompo; aoka anie ho tonga amiko araka ny teninao." (Lioka 1:38)* Tsy nisy azony natao mihoatran'izay afa-tsy ny niandry ny fidiran'Andriamanitra an-tsehatra. Tsy afaka afa-tsy ny naneho ny fanekeny na tsia izy tamin'io fotoana io. Nitondra fiovana lehibe teo amin'ny fiainany io fileferana amin'ny sitrapon'Andriamanitra io, ary nitondra risika lehibe tokoa amin'ny fijerin'olombelona. Araka ny hitantsika dia nivelona tanatin'ny fileferana tanteraka I Maria.

### Ireo boka fololahy

Tonga teo amin'I Jesosy ireo boka ary niantsoantso, *"13 ... Ry Jesosy Tompo ô, mamindrà fo aminay."* Hitan'I Jesosy ny finoan'ireo ka hoy Izy namaly : *"14 ... Mandehana, misehoa amin'ny mpisorona. Ary rehefa lasa izy ireo, dia nadio teny am-pandehanana." (Lioka 17:13, 14)*

Naneho ny fitokisany sy ny fanapahan-keviny ireo lehilahy ireo tamin'ny fandehanany teo no ho eo. Tsy nanao ny anjaran'izy ireo – dia ny nandeha - I Jesosy. Ny fandehanana ve no nahasitrana azy ireo? Tsia! Sitrana izy ireo satria nositranin'I Jesosy araka ny

fankatoavana amam-pitokisana nasehony. Tsy nanana anjara tamin'ny tena fanasitranana azy izy ireo. Ny fitokisany sy ny fanehoany izany tamin'ny alalan'ireo dingan'ny fankatoavana anefa dia nanokatra ny varavarana ho amin'ilay fahagagana izay nataon'I Jesosy taminy. Jesosy irery ihany no nanatanteraka ilay fahagagana.

**Ny fanasitranana an'I Namana.**

Tsarovy ny fomba nahasitranana an'I Namana tamin'ny habokana? Toy izao manaraka izao no torolalana nomen'Andriamanitra an'I Elisa: *"Mandehana, mandroa impito ao Jordana, dia hody aminao indray ny nofonao, ka hadio ianao." (2 Mpanjaka 5:10)* Tezitra I Namana raha nandray izany baiko izany. Tsy nanana fitokisana ampy hanatanterahana izany izy raha tsy taorian'ny fandresen-dahatr'ireo mpanompony. Nataon'Andriamanitra nandeha nankao amin'ny ony Jordana izy ary nanatsoboka ny tenany tao anatin'ny rano. Sitrana tamin'ny habokana I Namana rehefa nandetika ny tenany impito tanaty rano. Nanasitrana azy ve ireo fitsobohana impito? Tsia! Ireo dingan'ny fankatoavana izay notanterahiny vokatry ny finoana kely nananany no dingana nampipololotra ny fanasitranan'Andriamanitra. Hitantsika indray fa io finoana kely an'Andriamanitra io sy ireo dingan'ny fankatoavana no nitarika ho amin'ny fahagagana nataon'Andriamanitra. Tsy nanana anjara tamin'io fahagagana io I Namana. Tsy ho nisy zavatra niseho anefa raha tsy teo ireo dingana fiomanana nataony.

**Rudi and Marie Ana Hirschmann.**

Nisy mpivady iray izay vao vita batisa tamin'ny Fiangonana Advantista, izay nonina tao amin'ny tanàna kely iray akaikin'I Bad Aibling, Alemaina, taorian'ny Ady Lehibe Faharoa. Teo am-piandrasana ny fahaterahan'ny zanany voalohany I Maria Anna, ary tsy maintsy niala tamin'ny asany amin'ny maha-mpampianatra azy izy, noho ny antony ara-pahasalamana.

Nandeha isan'andro nankany Munich nandritra ny herinandro maromaro I Rudi mba hitady asa, kanefa tsy nahita. Niharitra ny tahirin'izy ireo ary tsy nanana afa-tsy 6 Marka (Vola Alemana tamin'izany) izy. Fanampin'izay dia nanana valopy izay nisy vola natokana ho an'Andriamanitra izy ireo. Vola ampahafolony izay natokan'izy ireo izany. Inona no tokony hataony?

Hoy Maria Ana, "Rudi, halaim-panahy hampiasa ny volan'Andriamanitra isika rehefa lany daholo ny volantsika. Noho izany, tsy tsara ny mihazona an'io vola io ato an-trano. Rehefa mandray fiaran-dalamby ho any Munich ianao rahampitso, dia alaivo ilay vola ary ento any amin'ny mpitahiry volan'ny federasiona."

Izay tokoa no nataon'I Rudi. Nentiny nankany amin'ny mpitahiry vola tokoa ilay vola. Nanontany an'I Rudi ity farany hoe manao ahoana izy, ary dia nanazava ny toe-javatra I Rudi.

"Andraso vetivety", hoy ilay mpitahiry vola sady nanao antso an-tariby izy. Avy eo dia hoy izy, "Nahita asa ho anao aho. Mandehana any amin'ity adiresy ity ary anontanio hoe aiza no misy an'Andriamatoa Bauer."

Antsak'adiny taorian'izay dia efa nahazo asa I Rudi. Nandoa ny ampahafolony ny fianakaviana Hirschmann na dia sahirana tanteraka ara-bola aza izy. Naneho ny finoany izy tamin'ny alalan'ny fanatanterahana ireo dingan'ny fankatoavana, ary dia niditra an-tsehatra tamin'io fotoana io Andriamanitra.[117]

**Orinasa misehatra anatin'ny Fizahan-tany, tao amin'ny nosy Giama.**

Nisy mpivady anankiray izay nanana orinasa lehibe misehatra ao anatin'ny fizahan-tany, izay lasa Kristiana. Vita batisa aloha ilay

[117] Maria Ana Hirschmann, *I Changed Gods* (Nampa, ID: Pacific Press Publishing Association, 1968), p. 156.

ramatoa, avy eo dia natao batisa ilay rangahy tamin'ny volana Janoary, taona 2004. Niomana am-bavaka fatratra momba ny hitandreman'ny orinasany ny Sabata izy ireo. Najanony daholo ny fifandraisany tamin'ireo trano fandraisam-bahiny rehefa Sabata. Nohazavain'ilay rangahy tamin'ireo mpiandraikitra ny dia, ireo mpiandraikitra ny toerana fandraisam-bahiny, ary ireo tompon'andraikitra ara-barotra izay mifandray arak'asa tamin'izy ireo, ireo fepetra noraisiny. Maro tamin'ireo mpanjifa no nilaza fa homeny an'ireo orinasa hafa izay "mpifaninana" amin'izy ireo ny asa raha izany. Natahotra ny ho very asa ireo mpiasa tao amin'ilay orinasa vao hitandrina ny Sabata. Toy ny didy famonoana ilay orinasa izany fanapahan-kevitra izany. Henoy anefa ny notantarain'ilay mpandraharaha: "Mbola tsaroako ny Sabata voalohany nikatonanay. Ny Zoma hariva, nopihanay ny milina mpandray antso famandrihan-toerana. Tamin'ny Asabotsy voalohany nikatonanay dia niova tampoka ny toetr'andro, ary nirotsaka nivatravatra ny orana nandritra ny tontolo andro. Ny hariva dia hitanay fa feno famandrihan-toerana ho amin'ny Alahady ilay milina mpandray antso. Toy izany no fizotry ny toetr'andro nandritra ny enim-bolana manaraka: tsara be ny andro ny Zoma, oram-be mivatravatra ny Asabotsy, ary tsara be indray rehefa Alahady. Nikarakara anay Andriamanitra."[118]

Ny anjaran'izy mivady tamin'io fahagagana io dia ny fitokisana an'Andriamanitra sy ny fanatanterahana ireo dingana fiomanana. Andriamanitra ihany no afaka nanatanteraka ireo fahagagana izay nanaraka avy eo.

Aoka hotsaroantsika izao: "Arakaraky ny hiarahan'ny sitrapon'ny olona miasa amin'ny sitrapon'Andriamanitra no ahatonga azy hahefa ny zavatra rehetra. Na inona na inona no atao araka ny Baikony dia ho tanterahina amin'ny Heriny. Mampahefa ny zavatra

[118] Steve Kasperbauer, *Gott ist treu* (Braunau/Austria: Copyright Brigitte Kinder, 2013). A full report about this experience is published in German in the *MISSIONSBRIEF* (mission letter) No. 40, March/ April 2014.

rehetra ireo Baikony rehetra."[119] Nametraka fitahiana lehibe teo ambonin'ny fankatoavana am-pinoana Andriamanitra – dia ny fivelomana am-pitokisana sy ny fileferantsika Aminy.

## NAHOANA NO MAHASOA ANTSIKA NY FANKATOAVANA?

Toy izany no plan'Andriamanitra, dia ny fankatoavana izay lalana tsara indrindra azo eritreretina ho antsika. Hoy ny Jeremia 7:23, *"23 ... Henoy ny feoko. Dia ho Andriamanitrareo Aho, ary ianareo ho oloko ka handeha amin'ny lalana rehetra nandidiako anareo,* ***mba hahitanareo soa****."* Afaka manamafy ny dokotera rehetra fa tsy afaka ny hitondra fanasitranana ny fanafody iray raha tsy raisina am-pahamatorana. Midika izany fa tsy maintsy manaraka ireo torolalan'ny dokotera isika raha te ho sitrana. Tsy afaka manampy, eny fa na dia ny dokotera mahay indrindra aza, rehefa tsy arahina araka ny tokony ho izy, ireo torolalana omeny. Ny fankatoavana dia tsy hoe vokatra lojika ateraky ny fitokisantsika sy ny fileferantsika fotsiny, fa hahasoa antsika indrindra ihany koa, satria nomena hahasoa antsika ny didin'Andriamanitra rehetra.

Inona no niseho mahakasika ilay menarana varahina tany an'efitra (Jereo Nomery 21:4-9)? Sitrana ny olona rehefa nijery ilay menarana araka ny baikon'Andriamanitra. Ny fampitodihany ny lohany ve no nampisy ny fanasitranana? Tsia, mazava ho azy. Sitrana izy ireo satria naneho ny finoany an'Andriamanitra tamin'ny fijerena ilay menarana. Andriamanitra irery ihany no nanasitrana azy ireo. Nahasoa azy ireo ny fankatoavana.

Toy izany koa, *"7 Finoana no nanamboaran'i Noa sambo fiara hamonjena ny ankohonany, fa natahotra izy, rehefa notoroan'Andriamanitra hevitra ny amin'ny zavatra tsy mbola hita" (Hebreo 11:7).* Ny fahavitan'ny sambofiara dia vokatry ny fitokisan'I

---

[119] Ellen G. White, *Christ's Object Lessons,* p. 333.

Noa tamin'Andriamanitra, ary naneho izy fa tena izy ny finoany. Nandany ny hareny sy ny fotoany rehetra tamin'io fanamboarana io izy ary azo antoka fa tsy nanenina ny amin'izany. Moa ve tsy nahasoa azy ny fankatoavany? Tsy fantany mialoha izay hiseho, nivelona tamim-panantenana anefa izy. Zavatra tokana no azo antoka, notanterahina araka ny fitarihana sy ny herin'Andriamanitra ny fanamboarana an'io sambo io.

## FIHEVITRA MITANILA

Indrisy fa heverina amin'ny fijery tsy voalanjalanja na mitanila ireo didy aman-dalàna nataon'Andriamanitra ankehitriny. Heverina ho toy ny didy famerana, izay tokony hankatoavina fotsiny ny lalàn'Andriamanitra. Fampanantenana ho antsika aloha voalohany indrindra ireo didin'Andriamanitra. Maneho amintsika izay azon'Andriamanitra tanterahina eo amin'ny fiainantsika ireo lalàny, rehefa tafaray Aminy isika amin'ny alalan'ny fitokisana Aminy sy ny fifandraisam-pitiavana Aminy.

Lalàm-pitahiana ireo didin'Andriamanitra. Ny fankatoavana dia tsy inona fa ny toe-tsaina izay ahafahantsika mahazo ny fahendrena sy ny hery avy any ambony, manoloana ireo fanahiantsika andavanandro. Rehefa amin'izany fomba fijery izany no hiheverantsika ny fankatoavana dia hisinda ny tahotsika ary ho fifaliana no hiheverantsika ny fankatoavana.

## NY FANKATOAVANA, FANOMEZANA IRAY AVY AMIN'ANDRIAMANITRA

Rehefa mamokatra ny fankatoavana ao anatintsika I Jesosy, dia midika izany fa fanomezana ihany koa ny fankatoavana. Raha raisintsika ho fanomezana ny fankatoavana, dia hanampy antsika hisoroka loza roa izany: (1) ny fahadisoan'ny "fahasoavana mora vidy" ("grâce à bon marché") sy (2) ny fakam-panahin'ny fanarahan-dalàna be fahatany fotsiny ("légalisme").

Ny hoe "fahasoavana mora vidy" dia midika matetika hoe voavonjy ny olona iray rehefa mandray an'I Jesosy ary mihevitra izy fa tsy misy fankatoavana ilaina intsony. Milaza izy fa efa nofoanana ny lalàna satria tsy voatandrintsika mihitsy izy io. Izany no finoan'ireo Kristiana araka ny nofo. Sady maniry ny hitandrina no ho afaka hitandrina izany anefa isika, noho ny herin'Andriamanitra.

Etsy ankilany, ny fikasana hahazo (amin'ny alalan'ny ezaka atao) ny fanjakan'Andriamanitra dia tsy vitan'ny hoe famitahana fotsiny fa enta-mavesatra ihany koa raha tena raisina am-po. Izany no fitaky ny fanarahan-dalàna be fahatany.

Rehefa mamokatra fankatoavana ao anatintsika Jesosy araka ny fanapahan-kevitra sy ny faniriantsika, dia ho zava-dehibe tokoa ny fahitantsika ny fankatoavana ary ho tsapantsika fa tsy misy hidirany amin'ny fahamendrehantsika izany, satria nomena antsika toy ny fanomezana ny fankatoavana.[120]

Ilaina ny fankatoavana amin'ny maha-vokatry ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra sy ny maha-vokatry ny famonjena antsika fa tsy fepetra takiana mialoha azy. Afaka manatona an'I Jesosy, tsy misy fepetra takiana mialoha, ny olona rehetra amin'ny toerana misy azy amin'iny fotoana iny. Tsy misy afaka ny hitoetra amin'iny toerana misy azy iny anefa. Mihevitra ve isika fa raha nisy mpangalatra niova fo sy novonjena, dia mbola hanohy handroba izy?

## MAMETRAKA NY TENANTSIKA SY NY FANAHIANTSIKA EO AM-PELATANAN'ILAY LEHIBE LAVITRA

Zava-dehibe ny hamelantsika handeha ny fisainantsika sy ny fanahiantsika, sy ny hanankinana azy ireny eo ambany fitarihan'Andriamanitra. Tsy tokony hihevitra ny tenantsika ho

[120] See the *Adult Bible Study Guide,* March 31, 2011.

manan-danja loatra toy izany isika. Mihatra eo amin'ny lafim-piainantsika manontolo izany. Tsy tokony hihazona na inona na inona isika. Tokony hihazona zavatra anankiray ve aho kanefa aho afaka mametraka ny zava-drehetra eo am-pelatanan'ilay Lehibe sy Mahery lavitra dia Andriamanitra? Mba fahendrena ve ny manao toy izany?

Raha irintsika hikarakara antsika ny Tompo, hameno izay ilaintsika, hiaro antsika amin'ny fahavalo, hitarika antsika amin'ny lalana tsara indrindra, dia lojika ny hanarahantsika ny feony sy ny handehanantsika amin'ny lalana izay nosafidiany ho antsika. *"5 Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, Fa aza miankina amin'ny fahalalanao; 6 Maneke Azy amin'ny alehanao rehetra, Fa Izy handamina ny lalanao" (Ohabolana 3:5,6)*

Takatsika tsara io torohevitra io amin'izao vanin'andro izao. Maro ireo mpamily fiara izay mampiasa "rafi-pamiliana mandeha ho azy" ankehitriny. Mitoky betsaka amin'ny fijerin'ilay rafi-pamiliana isika. Tsy midika anefa izany hoe namono ny eritrerintsika isika. Mbola ilaina ihany izany. Mbola asantsika ihany ny mitondra ny fiara. Mifandray amina "mpitari-dalana" izay manana fijery ankapobeny mivelatra kokoa isika izay milaza amintsika hoe aiza no mivily, na tokony hiova lalana isika satria misy fitohanan'ny fiara, na koa hoe mandeha mafy loatra isika, sns. Noho ny fahasoavan'Andriamanitra dia afaka manohy ny fiainana isika, amin'ny alalan'ny "rafi-pamiliana" avy any ambony. Noho izany, zava-dehibe ny miantehitra amin'ny fontsika manontolo amin'ilay Mpitarika mahagaga avy any an-danitra sy Mpanome saina antsika. Mampanantena ny hitari-dalana antsika araka ny tokony ho izy Izy. Ny lazany mihitsy aza no ataony antoka ny amin'izany. *"3 Mamelombelona ny fanahiko Izy; mitarika ahy amin'ny lalan'ny fahamarinana noho ny anarany Izy." (Salamo 23:3)* Hitantsika eto ihany koa fa mahasoa antsika tanteraka ny fankatoavana.

Misy vokatra tsara ho an'ny rehetra, amin'ny fanarahana ireo lalàn'Andriamanitra, na lalàn'ny natiora izany na lalàna ara-panahy.

Na dia ny tsy mpino aza dia afaka manandrana vokatra tsara raha toa ka manaja ireo lalàn'Andriamanitra. Fitahiana ara-boajanahary no hiantsoako izany. Mbola betsaka anefa no hiseho, mety ho fahagagana mihitsy aza, raha toa ka arahina ireo lalàna ara-panahy. Fitahiana ara-panahy mihoatra noho ny ara-boajanahary no hiantsoako izany.

Mifanome lanja ny fitokisana sy ny fankatoavana. Ao amin'ny Jakoba 2:22 no hamakiantsika hoe: *"22 Hitanao fa niara-niasa tamin'ny finoana ny asany, ary ny finoana dia notanterahina tamin'ny asa".* Mamporisika ny fankatoavana ny fitokisana an'Andriamanitra, ary mamporisika ny fitokisantsika an'Andriamanitra ny fankatoavana.

Tiako ny hamerina andalan-teny mifanaraka amin'izany nosoratan'I Dennis Smith: "Rehefa mivelona anatina fifandraisana ety amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Fanahy Masina ny olona iray, dia tonga ho azy sy avy ao am-po ny fankatoavana, ary tsy mila eritreretina betsaka akory."[121]

Rehefa azontsika tsara araka ny tokony ho izy ny atao hoe fankatoavana, dia ho takatsika tsara kokoa ireo fanambarana mahagaga ao amin'ny Salamo (indrindra fa ny Salamo 19 sy 119) momba ny lalàn'Andriamanitra. Maneho izy ireny fa iray ihany no loharanon'ny famonjena, ny fanavotana, ary ny lalàna. Ny olona voavonjy dia hametraka ny lalàn'Andriamanitra ho ambony, ary amin'ny fiainany ao amin'ny Fanahy Masina sy miaraka amin'I Jesosy ao am-pony, dia ho mpankato am-pifaliana izy ireo. Mino aho fa ny Kristiana araka ny nofo dia tsy hahatakatra akory ireo fanambarana ao amin'ny Salamo 119. Ampoizina ny hiheverany ireny ho mihoatra noho ny tokony ho izy. Etsy ankilany, ny Kristiana araka

---

[121] Dennis Smith, *40 Days – Prayers and Devotions to Prepare for the Second Coming* (R&H 2009) pp. 21, 22

ny fanahy dia afaka miombona amin'izay nosoratan'ny mpanao salamo.

Hoy ny nolazain'Andriamanitra tamintsika: "Arakaraky ny handehanantsika isan'andro isan'andro eo amin'ny hazavana izay alefany amintsika, ao anatin'ny fankatoavana an-tsitrapo an'ireo Fitakiany rehetra, no hitomboana sy hivelaran'ny fanandramantsika mandrapahatonga antsika ho lehilahy sy vehivavy lehibe, mahatratra ny ohatry ny halehiben'ny fahafenoan'I Kristy Jesosy."[122]

## FANKATOAVANA BETSAKA MANAO AHOANA NO TADIAVIN'ANDRIAMANITRA?

Fankatoavana betsaka manao ahoana no irin'I Jesosy tanterahina ao anatiko? Kely sa betsaka, sa amin'ny fahafenoany?

Misy ohatra mazava miseho eo amin'ny fiainan'I Mosesy ao amin'ny Eksodosy 4:24-26. Nirahina hitarika ny vahoakan'Israely hivoaka an'I Egypta I Mosesy tany an'efitr'I Midiana. "Teny an-dalana ho any Egypta, dia nandray fampitandremana manaitra Mosesy, fa tsy faly Andriamanitra. Nisy anjely anankiray niseho taminy, mahatahotra toy ny fahavalo vonona hamely azy ho faty no fijery azy. Tsy nomena fanazavana momba izany izy na kely akory aza. Tsaroan' i Mosesy anefa, fa tamin' ny fanekena ny hataky ny vadiny, dia nataony tsirambina ny nampihatra ny fitsipika nataon' Andriamanitra mikasika ny famorana ny zananilahy faharoa" Noforana teo no ho eo ilay zaza. "Mety hiharan-doza mafy Mosesy amin' ny fanatontosana ny asa nampanaovina azy teo amin' i Farao. Tsy ho voaaro ny ainy raha tsy noho ny fiarovan' ny anjely izay tsy azony ianteherana raha tàhiny misy tsirambina vitany tamin' ny adidiny. Natahotra ny hahafaty ny vadiny Zipora, ka ny tenany mihitsy

[122] Ellen G. White, *Messages to Young People,* pp. 15, 16.

no namora ny zanany. ary izay vao navelan' ny anjely nanohy ny diany Mosesy."[123]

Hita misimisy kokoa ao amin'ny *Patriarka sy Mpaminany* ny lesona tokony tsoahina avy amin'io tranga io: "Tsy ho afa-mandositra ny fahafatesana ny olo.-marina raha tsy avy amin' ny asa fanompoana ataon' ny anjely masina, mandritra ny andro fahoriana izay ho tonga mialoha indrindra ny fiverenan' ny Tompo. Tsy mba hahazo izany fiadanana izany anefa ireo mpandika ny didin' Andriamanitra. Tsy afaka hiaro izay mivelona amin' ny fandikana ny fitsipika iray amin' ny didin' Andriamanitra ny anjely, amin' izay andro izay."[124]

Natao ho fiarovana antsika, ho amin'ny fahasambarantsika, ary hahasoa antsika ny fitandremana ny didin'Andriamanitra rehetra. Fantatsika fa tsy maintsy niala tao Edena vokatry ny ota tokana monja I Adama sy Eva. Heveriko fa valiny iray mazava izany amin'ilay fanontaniana hoe fankatoavana betsaka manao ahoana no tadiavin'Andriamanitra. Ho azontsika tsara fa mitady fankatoavana amin'ny zavatra rehetra ny Tompo, rehefa hazonintsika an-tsaina fa manatanteraka an'io fankatoavana io ao anatintsika I Jesosy, ary mahasoa antsika indrindra izany. Irin'I Jesosy ny hanatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra ao anatintsika, tahaka izay nataony tamin'izy olombelona teto an-tany. Toy izao no fihetsiny tamin'ny maha-olombelona Azy: *"8 Ny hanao ny sitraponao, Andriamanitra ô, no sitrako; ary ny lalanao no ato anatiko." (Isaia 40:8)* Hoy Izy tamin'ireo mpianany, *"... nitandremako ny didin'ny Raiko" (Jaona 15:10)*

Fanampin'izay, raha toa ka mitondra hasambarana feno sy fiainana miavosa eto sy mandritra ny mandrakizay ny fankatoavana feno, dia mazava ihany koa fa midika ho fahaverezan'ireo fitahiana ny fihenan'ny fankatoavana. Ny olona rehetra izay ao na ho ao

[123] Ellen G. White, *Patriarka sy Mpaminany,* t. 253.
[124] Ibid., t. 254.

amin'ny fanjakan'Andriamanitra dia hankato am-pifaliana an'Andriamanitra. Mampahazo antoka ny fitiavana sy ny firindrana eo amin'ny zava-manan'aina rehetra izany.

## FISAINTSAINANA FARANY

Mamintina ny lohahevitra manontolo ny Jeremia 7:23. Nomena an'I Israely ireo teny ireo, raha niala tany Egypta izy ireo. *"23 … Henoy ny feoko. Dia ho Andriamanitrareo Aho, ary ianareo ho oloko ka handeha amin'ny lalana rehetra nandidiako anareo, mba hahitanareo soa."*

Manome fampanantenana sarobidy ho antsika ny Tompo eto. Inona no ampanantenainy raha toa ka mankato ny Teniny isika. "*Dia ho Andriamanitrareo aho, ary ianareo ho oloko."* Ampiany anefa hoe mila manohy amin'ilay lalana manontolo isika mba hahasoa antsika. Afaka ampiasaintsika ho teny fikasana anaty vavaka, mba hananana fo mankato io andalan-teny io.

## INONA NO NISEHO TAMIN'NY APOSTOLY JAONA?

Afaka mahita ny vokatra mahagagan'ny fankatoavana ampinoana isika, eo amin'ny fiainan'I Jaona, ilay mpianatra Malala. Toy izao no fivakin'ny boky *Ny Dia ho eo amin'I Kristy*: "Voatarika ho amin' ny Mpamonjy isan' andro isan' andro ny fony, ambarapahatongany hanadino ny tenany noho ny fitiavany ny Tompony. Natolony hamboarin' ny herin' i Kristy ilay toetrany tahamaly ratsy sady tia fiamboniana. Ny herin' ny Fanahy Masina no nanavao ny fony. Ny herin' ny fitiavan' i Kristy no nahatonga fiovantoetra taminy. Izany no tsy maintsy vokatry ny firaisana amin' i Kristy. Raha mitoetra ao am-po Kristy, dia miova avokoa ny toetra rehetra. Ny fanahin' i Kristy sy ny fitiavany dia manalemy ny fo, mamolaka

ny fanahy, ary manainga ny hevitra sy ny faniriana ho any amin' Andriamanitra sy ny lanitra."[125]

"Efa nofaritan'ny Tompo fa ny fanahy tsirairay izay mankato ny Teniny dia hanana ny Fifaliany, ny Fiadanany, ny Heriny miaro tsy tapaka."[126] Ny faniriako sy ny vavaka ataoko dia ny mba hananan'ny mpino rehetra fikirizana, mba hanandramany ny fifaliana lehibe ateraky ny fankatoavana am-pinoana. Andriamanitra anie hanome antsika fandresena lehibe ao anatin'ny fankatoavana am-pinoana amin'ny alalan'I Jesosy Kristy sy ny Fanahy Masina. *"17 ... fa izay manao ny sitrapon'Andriamanitra no maharitra mandrakizay." (1 Jaona 2:17)*

*"17 Fa ny famindram-pon'i Jehovah dia hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay amin'izay matahotra Azy ... 18 Dia amin'izay mitandrina ny fanekeny Sy mahatsiaro hankatò ny didiny." (Salamo 103:17, 18)*

Handeha hihaino momba ny dingan'ny fankatoavana lehibe anankiray isika.

**Mandresy lahatra ny voafonja nitsoaka iray hiverina any am-ponja ny Fanahy Masina.** Teraka Advantista aho. Natao batisa aho teo amin'ny faha 19 taonako. Tamin'ny taona 2016 dia voaheloka higadra 43 taona an-tranomaizina aho fa namono olona. Taona fahadimy nigadrako izao. Afaka nitsoaka ny fonja aho tamin'ny volana Marsa, taona 2017. Taorian'ny Sabata voalohany aho dia nahita vehivavy iray izay naneho ahy ny boky "Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana". Ny Alatsinainy taorian'io dia nividy izany tao amina tranom-boky Advantista iray aho. Tsy nampoiziko fa voavakiko tamin'io herinandro io ihany izany. Tsapako

[125] Ellen G. White, *Ny Dia ho eo amin'I Kristy,* p. 65.
[126] Ellen G. White, *In Heavenly Places* (Nampa, ID: Pacific Press Publishing Association, 1999), p. 53.

ny fahabangana tato anatiko, izay tao amiko nandritra ny fiainako manontolo – ny tsy fisian'ny Fanahy Masina. Nanokana ny fiainako manontolo ho an'I Jesosy aho. Niverina tany am-ponja aho ny volana Oktobra 2018. Tsy nisaina nanampiana ny saziko ny fitsoahako. Ary ny zava-dehibe indrindra dia efa eo am-pelatanan'ilay Andriamanitra Tsitoha ny fitsarana ahy. Efa nampakatra tany amin'ilay Fitsarana Faratampony aho. Rehefa namaky an'io boky io aho dia tena voatahy tokoa ka resy lahatra tanteraka aho fa: "Tsy misy fiainan'olona izay tsy misy fanantenana intsony eo imason'Andriamanitra! Mpitarika ny Sampana Vavaka aho ankehitriny. Nozaraina tato amin'ny fonjan'I Barawagi tamin'ireo voafonja ilay boky. Maro ireo voafonja izay voatohin'io boky io rehefa namaky izany. Faly aho fa afaka manompo an'I Jesosy Tompo sy Mpamonjy antsika. Fitahiana tokoa ho anay io boky io na tamin'ny lasa na ankehitriny."[127]

**Vavaka:** "*Ray o, misaotra Anao ny amin'ny fahendrenao tsy hita fetra, ny herinao mahagaga, ary ny fitiavanao be voninahitra, ka nanomezanao feno ho anay mba hanatraranay ny fiainana tsara indrindra azo heverina. Namorona ny zavatra rehetra mba hahasoa anay Hianao. Irina ny hidera Anao sy hisaotra Anao ny amin'izany. Mba omeo ahy ny fitokisana tanteraka amin'ireo lalanao ary ampio aho hanaraka Anao amin'ny lafiny rehetra amin'ny foko manontolo, ary hanolo-tena sy hankato Anao."Amen*

[127] E. E. EE260419 Experience # 91 at *www.steps-to-personal-revival.info* - Experiences

## FISAINTSAINANA MANOKANA SY TARI-DALANA HIFANAKALOZAN-KEVITRA

*1. Inona no anjara andrasana amintsika ao amin'ilay asa ataon'Andriamanitra ao anatintsika, anatin'izany ny asa ataontsika?*

*2. Inona no mahasamy hafa ny finoana sy ny fanekena tsotra ny fahamarinana?*

*3. Rehefa inona no zava-dehibe ny fanekena avy amintsika?*

*4. Nahoana no fitahiana lehibe ho antsika ny fankatoavana?*

## FOTOAM-BAVAKA ATAONTSIKA

*Antsoy ilay namana mpiara-mitolona am-bavaka aminao ary mifanakaloza hevitra momba ny lohahevitra.*

*Miaraha mivavaka aminy:*

*1. Mba ahatsapana misimisy kokoa ny anjara andrasana amintsika ao anatin'ilay asa ataon'Andriamanitra.*

*2. Mba ahaizana manavaka ny finoana marina amin'ny fanekena fotsiny eo amin'ny fiainantsika.*

*3. Ho amin'ny fankatoavana am-pinoana sy ireo fitahiana aterany.*

*4. Ho amin'ny fitokisana tanteraka ny fitarihan'Andriamanitra sy ireo filamatra avy Aminy.*

# TOKO 5: FINOANA MAHASARIKA AMIN'NY ALALAN'I JESOSY

## Ahoana no ahatanteraka ny mahiray eo anivon'ny mpino? Inona no ahatonga ny finoantsika hanintona ny fianakaviantsika sy izao tontolo izao?
## Inona no fiovana ilaina ao anatintsika ahatonga antsika ho vavolombelona?

## Ahoana no hanampian'ny fifohazana tosika ny famitana iraka?

Hoy ilay namako mpiara-mitolona am-bavaka tamiko indray mandeha: "Maniry fatratra ny hanana finoana mahasarika aho mba ahatonga ny zanako hanara-dia an'I Kristy ihany koa."

Nankany amin'ny havany indray mandeha isan-kerinandro I Mary Jones, tovovavy kely iray avy any Pays de Galles, mba hamaky ny Baibolin'izy ireo. Izany no fanaony teo amin'ny fahafolo hatramin'ny fahadimy ambinifolo taonany. Tena tiany tamin'ny fony manontolo ny Baiboly. Nanao asa tselika maro izy mba hahazoany vola hividianany Baiboly ho azy. Nanangona ny vola rehetra azony izy nandritra ny enin-taona.

Teo amin'ny fahenina ambinifolo taonany izy dia nandeha an-tongotra efa ho efapolo kilaometra mba hahita ny Pasitora izay niriny hividianana ilay Baiboly. Nilaza ity farany fa mbola misy Baiboly roa ao aminy, saingy efa nampanantenaina olon-kafa izany. Nanomboka nitomany tamin'alahelo I Mary. Nanontany azy I Pasitera

hoe nahoana izy no mitomany, ka dia nolazainy taminy fa nanangombola nandritra ny enina taona izy mba ahafahany mividy Baiboly. Tsy nanan-kery handavana intsony I Pasitera ka dia nomeny azy ny Baiboly iray. Dibo-kafaliana izy raha nandeha hody.

Nahasarika azy ve ny Baiboly? Nahasarika an'ity tovovavy kely ity ve ny finoana?

Tamin'ny taona 1800 no nisehoan'izany tranga izany. Nanohina tokoa ilay Pasitera izany fanandramana izany, ka dia nanao dingana izy mba hananganana ny Fikambanana Mampiely Baiboly voalohany indrindra maneran-tany, dia ny "British and Foreign Bible Society" na Fikambanana Mampiely Baiboly Britanika sy Any Ivelany. Mbola maro ireo fikambanana mampiely Baiboly hafa izay niforona taty aoriana.

Vokatry ny fisiana tovovavy kely iray izay tena tia ny Baiboly izany rehetra izany, hany ka nanokana ny fiainany izy mba ahazoany anankiray. Misy fiantraikany foana ny finoana mahasarika.[128]

**NY HEVITR'ILAY HOE "MAHASARIKA"**

Ny rakibolana dia manoritsoritra ny "mahasarika" ho manintona, mampankafy, mampitolagaga, mampisy faniriana. Iza no tsy mba haniry hanana finoana toy izany? Mino aho fa ny rehetra izay mandinika tsara dia haniry hanana finoana manintona sy mampitolagaga.

**Ahoana no ahafahako maniry finoana toy izany? Toy ny ahoana ny endrik'izany?**

[128] Nalaina tamin'ny Wikipedia, "Mary Jones."

- Tokony hanolotra fototra mafy orina sy azo antoka eo amin'ny fiainana izany finoana izany.
- Tokony hiorina amin'ny fahamarinana, fa tsy amina hadisoana na lainga izany.
- Tokony hiorina amin'ny fanambarana ilay Andriamanitsika be fitiavana sy manana ny fahendrena rehetra izany, fa tsy amina fampianaran'olombelona, ka hanampy ho amin'ny tombontsoantsika.
- Tokony haharesy lahatra tanteraka izany ary hitondra fifaliam-be.
- Tokony hitondra tombotsoa azo antoka eo amin'ny fiainantsika izany.
- Tokony ho afaka hanohana ahy amin'ny toe-java-tsarotra izany – na amin'ny aretina, na amin'ny fotoan-tsarotra, na amin'ny fahafatesana.
- Tokony hampita fanantenana ho amin'ny mandrakizay izany.

Misy hifandraisany amin'izay miseho ao anatintsika daholo ireo teboka rehetra ireo. Tokony hanana hery miasa mangina mivelatra kokoa anefa ny finoana mahasarika. Hoy ilay namana mpiara-mitolona am-bavaka amiko, "Maniry fatratra ny hanana finoana mahasarika aho mba ahatonga ny zanako hanara-dia an'I Kristy ihany koa."

- Ny finoana mahasarika dia tokony hitarika ireo olon-tiantsika sy ireo olona hafa ho liana amin'izany ary haniry hanana izany ho an'ny tenany.

## INONA NO TIANA AMBARA AMIN'NY HOE FINOANA MAHASARIKA?

Ny finoana mahasarika dia fivavahana Kristiana araka ny fanahy – fiainana miaraka amin'I Jesosy Kristy ao anatintsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Tokony hotehirizintsika an-tsaina izao

andalan-teny izao: *“16 mba homeny anareo, araka ny haren'ny voninahiny, ny mba hohatanjahina fatratra amin'ny Fanahiny ny toe-panahinareo; 17 mba hitoeran'i Kristy ao am-ponareo amin'ny finoana, ka hamaka sy hiorina mafy amin'ny fitiavana ianareo, ... mba hamenoana anareo ho amin'ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra. (Efesiana 3:16, 17, 19)*

Milaza ireo andininy ireo fa mampahatanjaka antsika ny Fanahin’Andriamanitra,ary dia hivelona ao anatintsika Kristy ka haneho ny maha-Fitiavana Azy ao anatintsika. Manafaka antsika amin’ny fanandevozan’ny tenantsika izany. Manao fanandramanan’ny fahafahana be voninahitra izay an’ny zanak’Andriamanitra isika.

Hoy Jesosy: *“Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako.” (Jaona 14:6)* Rehefa ao anatin’ny foko amin’ny alalan’ny Fanahy Masina i Jesosy, dia Izy ihany koa no lalako mankamin’ny Ray, mpitari-dalana ahy ho amin’ny fahamarinana. Izy no fitaovana hampisy kalitaom-piainana ambony indrindra.

## AHOANA NO HANORITSORITAN’I JESOSY NY ATAO HOE FINOANA MAHASARIKA?

Nilaza ny amin’ny fahafenoana izay tsy azon’iza na iza omena I Jesosy. Fiadanana anaty lalina sy fifaliana tena izy izany, satria navela hanori-ponenana ao am-po ilay Andriamanitry ny fitiavana sy fiadanana. Tsy miankina amin’ny toe-javatra ivelany io toe-po io; fa miankina kosa amin’ny fitokisana sy ny finoana toy ny an’ny zaza amin’ny herin’Andriamanitra. Hoy ny nosoratan’I Paoly tamin’ireo mpanara-dia an’I Jesosy: *“... mba hamenoana anareo ho amin'ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra.” (Efesiana 3:19b)*

Jesosy ao am-pontsika. Izany no ilaintsika, *“9 Fa ao amin'ny tenany no itoeran'ny fahafenoan'ny fomban'Andriamanitra rehetra;*

*10 ary ianareo dia tanteraka ao aminy, …" (Kolosiana 2:9,10)*. Izany no tendro faratampony azontsika tratrarina amin'izao fiainana izao. Izany no irin'Andriamanitra omena antsika avy amin'ny Fitiavany lehibe.

Nanao fanandramana momba izany ilay vehivavy teo amin'ny fantsakan'I Jakoba. Nampiasa ohatra teo amin'ny fiainana andavanandro Jesosy, mba hanehoana an-tsary ny fahatanterahan'io faniriana lalina io. Anisan'ny zava-dehibe sy sarobidy indrindra izay nilain'ny olona tamin'izany fotoana izany ny rano. Amin'ny alalan'I Jesosy no ahatongavantsika eo amin'ilay *"loharano miboiboika … ho fiainana mandrakizay." (Jaona 4:14),* izay midika fa afaka misotro eo amin'io loharano io isika ka dia hahazo fahafaham-po ny faniriantsika lalina.

Samy manana faniriana lalina ny fahasambarana ny olona rehetra. Tsy fantatr'izy ireny fa faniriana fifandraisana ety amin'Andriamanitra izany, raha ny tena marina, satria hoy ny *Mpitoriteny 3:11, "ary ny mandrakizay* dia efa nataony tao am-pony"*. Na iza na iza no tsy mbola nanana firaisana ety tamin'Andriamanitra dia misy banga ao am-pony, araka ny voalazan'I Blaise Pascal. Vokatr'izay dia mitady misimisy hatrany hatrany ny olona.

Manasa antsika Jesosy mba hanana finoana Aminy, sy hitoky Aminy. Hiharihary ny vokatra ho an'ireo izay manao izany satria *"hisy onin'ny rano velona miboiboika avy ao an-kibony" (Jaona 7:38)*. Manana fiainana mitobaka, hery mahasarika sy miasa mangina izay hampahatanjaka ny hafa izy ireo.

Ny finoana mahasarika dia fiainana manan-karena sy miavosa eto amin'izao tontolo izao sy ho amin'ny fatra lehibe kokoa sy tsy ho azo eritreretina any amin'ny mandrakizay.

## NY TENIN'ANDRIAMANITRA DIA MANEHO FA MAHASARIKA NY HAFA NY FINOANA HANANAKO

Andeha isika hamaky ny vavaka nataon'I Jesosy ao amin'ny *Jaona 17:20-23, "20 Nefa tsy ho an'ireto ihany no angatahako, fa ho an'izay mino Ahy koa noho ny teniny; 21 mba ho iray ihany izy rehetra, tahaka Anao Ray ato amiko, ary Izaho koa ao aminao, mba ho ao amintsika koa izy; mba hinoan'izao tontolo izao fa Hianao no naniraka Ahy. 22 Ary nomeko azy ny voninahitra izay nomenao Ahy, mba ho iray izy, tahaka ny mahiray Antsika: 23 Izaho ao aminy, ary Hianao ato amiko, mba ho tanteraka ho iray izy, mba ho fantatr'izao tontolo izao fa Hianao efa naniraka Ahy sady efa tia azy tahaka ny nitiavanao Ahy."*

Nivavaka Jesosy mba hahatonga ireo mpianany ho iray ihany mandritra ny taon-jato nifandimby. Nivavaka ho anao sy ho ahy ihany koa Izy raha izany. Tsy nivavaka ho an'ny firaisan-kinantsika fotsiny Jesosy, mba ahatonga antsika hahazo aina tsara amin'ny firaisantsika sy ny fifanampiantsika amin'ny hafa, fa nanambara ihany koa Izy fa hahasarika ny olon'izao tontolo izao io firaisan-kinan'ny mpianatra io: *"34 Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo; eny, aoka ho tahaka ny fitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa. 35 Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro ianareo, raha mifankatia."(Jaona 14:34, 35)* Asehony amintsika fa noho ny mahiray ny mpianatra, dia hino izao tontolo izao ary hahita ireto zavatra telo manan-danja ireto.

## INONA NO HO HITAN'IZAO TONTOLO IZAO AO AMINTSIKA?

1. Amin'ny alalan'ny fitiavana ao anatin'ny faribolan'ny mpino sy ao anatin'ny fiangonana no ahafantaran'izao tontolo izao fa mpianatr'I Jesosy ny olona. Midika izany fa mijery antsika izao tontolo izao. Mahatsapa izy ireo fa ilay toetra be fitiavana hananan'ny mpianatra dia vokatry ny

fifandraisan’izy ireo amin’I Jesosy. (“*Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro ianareo, raha mifankatia.)*

2. Noho ny mahiray ny mpianatr’I Jesosy, dia mino izao tontolo izao fa Solotenan’Andriamanitra Jesosy. (“*mba ho fantatr'izao tontolo izao fa Hianao efa naniraka Ahy.*”) Fantatry ny olon’izao tontolo izao ankehitriny fa Jesosy no Mpanavotra nirahin’Andriamanitra, vokatry ny fiombonana am-pitiavana eo amin’ireo Mpianany.
3. Mahagaga fa mahita ny fitiavan’Andriamanitra azy ireo ny olona, vokatry ny toetra be fitiavana hananan’ny Mpianany. *(“... mba ho fantatr'izao tontolo izao fa Hianao ... efa tia azy tahaka ny nitiavanao Ahy.”)*

Raha fintinina dia izao: amin’ny alalan’ny mahiray ireo mpianatr’I Jesosy dia (1) ho hitan’ny olona ny fifandraisan’izy ireo amin’I Jesosy, (2) hoeken’izy ireo fa irak’Andriamanitra Jesosy, ary (3) ho tsapan’izy ireo fa tia azy ireo Andriamanitra. Hoeken’izao tontolo izao Jesosy amin’ny alalan’ny fifampitondran’ireo mpianatra izay fenoin’ny Fanahy Masina. Afaka manana hery miasa mangina manintona amin’ny alalan’ireo Kristiana araka ny fanahy Jesosy. Manampy tosika ny famitana iraka ny fifohazana.

## NAHOANA NO MIANATRA MOMBA AN’ANDRIAMANITRA NY OLONA, AMIN’NY ALALAN’NY TOETRA BE FITIAVANA HANANAN’IREO MPIANATRA?

Samy hafa daholo ny olona rehetra, raha ny tena marina. Manana talenta sy fahaiza-manao samy hafa isika; misy ny lehilahy, ny vehivavy, ny tanora, ary ny zokiolona. Manana fari-pahaizana sy kolontsaina samy hafa isika. Manana toetra, hevitra, fanandramana samy hafa isika. Mitarika ho amin’ny fifandonana eo amin’ny samy olona ireny fahasamihafana ireny any amin’izao tontolo izao. Mety hitarika ho amin’ny fifaninanana sy fifandirana ihany koa ireny. Izay

no mahatonga ny olona mitolagaga sy voasariky ny vondron'olona izay hisian'ny fitiavana, firindrana, ary fifanampiana.

Tamin'izaho nitandrina tany Munich, Alemaina, dia nitsidika mpandraharaha namako iray tany amin'ny tanàna kely teo akaiky aho. Nipetraka akaikin'ny arabe iray izay nahitana fianakaviam-be Advantista miray trano izy. Koa satria fantany fa Advantista aho, dia hoy izy tamiko, "Gaga ny tanàna manontolo mahita an'ireo olona 15 na 20 izay afaka miara-monina am-pirindrana anatin'ny trano iray ary tsy misy fifandirana." Nahatsikaritra zavatra ireo mpiray tanàna: izany no atao hoe finoana mahasarika.

Nilaza ohatra hafan'ny tranga toy izany I Walter Schlund, mambran'ny fiangonana kely iray any Alemaina ankehitriny. "Indray mandeha, talohan'ny naha-Kristiana ahy dia naniry hitsidika an'I Romania izahay, kinanjo notsenain'ny oram-be nivatravatra. Tany amin'ny 125 kilaometatra mahery mbola tsy ahatongavana dia tsy afaka nandroso intsony izahay. Dia nanontany olona izahay ary tafaresaka tamina Advantista iray tsitapitapitr'izay, izay nitondra anay nankany amin'ny fianakavian'I Pasitora Biro. Nanasa anay hijanona ao an-tokantranony mandritra ny alina ilay ankohonana ka dia nanaiky am-pifaliana izahay. Nandritra ny fotoana niarahana tamin'io ankohonana io no nanapahako hevitra hanolotra ny fiainako ho an'I Kristy sy ho lasa Advantista. Nanohina ahy ny fomba nifampitondran'io ankohonana io – ny firindran'ny fiainan'ilay fianakaviana, ny fiadanana manjaka ao, ny rivo-piainana feno fisakaizana, ny fotoam-bavaka nataon'ny ankohonana. Nanandrana kalitaom-piainana izay tena nanohina ahy lalina aho. Naniry hanana izany ihany koa aho."[129] Izany no atao hoe finoana mahasarika.

Tsaroako tamin'izaho tany Regensburg, Alemaina, izay namangiako olona tamin'ny toerana iray sy ny nanamarihako fa feno

[129] *BWgung,* news magazine from the Seventh-day Adventists in Baden-Württemberg (Germany), Nr. 6/2012, S. 24.

fifandirana sy ady ny tokantranon'izy ireo. Mahafinaritra be lavitra ny fananana tombotsoa mitsidika olona izay hafa noho izay, izay manana fo feno fitiavana.

**NAHOANA NO AVY AMIN'NY TENIN'ANDRIAMANITRA IRERY IHANY NO HIAVIAN'NY FINOANA MAHASARIKA?**

Miorina amin'ny Tenin'Andriamanitra irery ihany – dia ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao - ny finoana mahasarika.

Rehefa hoy Jesosy hoe, *"38 Izay mino Ahy ... araka ny voalazan'ny Soratra Masina" (Jaona 7:38),* dia ny Testamenta Taloha no noresahiny, satria izay ihany no efa nisy tamin'izany. Ao amin'ny Jaona 17:14 dia vao maika nataony mazava kokoa izany rehefa niresaka ny amin'ny Ray Izy: "*Efa nomeko azy ny teninao."* Ary ao amin'ny andininy faha 17 dia hoy ny filazany: *"17 Manamasina azy amin'ny fahamarinana; ny teninao no fahamarinana."*

Ny fivavahana rehetra eto amin'izao tontolo izao dia lalana mankamin'Andriamanitra na ireo andriamanitra izay novolavolain'ny olombelona. Ny hany finoana izay tsy novolavolain'olona fa nasehon'Andriamanitra Tenany mihitsy, dia ny finoana ara-Baiboly. Koa satria Andriamanitra dia fitiavana ary manana fahendrena sy fahafahaha-manao tsy hita fetra Izy, dia naoriny ny zavatra rehetra mba ho tombotsoantsika lehibe indrindra. Noho izany, ny finoana ara-Baiboly no finoana izay mahasarika indrindra misy. Io no hany finoana mahasarika eto amin'izao tontolo izao, raha ny tena marina. Izany dia mitaky ny hahatakarantsika araka ny tokony ho izy ny fampianaran'ny Baiboly sy ny hivelomantsika araka ireny amin'ny alalan'ny Fanahy. Raha ny voalazan'ny fanoharana momba ireo virijina folo dia tsy manana izany finoana izany ny antsasaky ny fiangonana.

Afaka manao fanandraman'ny fifaliana sy fiadanana ary ny fanomezana fahafaham-po ny hetahetam-panahintsika isika, amin'ny alalan'ny fitokisantsika amin'I Jesosy. Maniry Andriamanitra mba ho lasa hitan'ny hafa eo amin'ny fiainantsika ny Fitiavany. Izany no ahatonga ny finoantsika hahasarika azy ireo.

## AHOANA NO HAMPISY NY FIRAISAN-KINA EO ANIVON'IREO MPIANATRA?

Tsy inona izany fa ny mahiray ao anatin'ny fanambadiana sy ny fianakaviana, ao anatin'ny fiangonana sy ny fanompoana. Hoy Jesosy: *"22 Ary nomeko azy ny voninahitra izay nomenao Ahy, mba ho iray izy, tahaka ny mahiray Antsika." (Jaona 17:22)*

Inona no nomen'I Jesosy antsika? Voninahitra!

Inona no hevitr'izany? Ampiasaina amin'ny fomba samy hafa ny teny hoe voninahitra ao amin'ny Baiboly. Voalohany, ampiasaina izany hilazana ny fiandrianana sy ny fahalehibiazan'Andriamaniatra; faharoa, hilazana ny voninahitry ny famoronana, ary fahatelo, hilazana ny endrika mampitolagagan'ny fitiavan'Andriamanitra. Eo amin'izay teboka izay no tokony hijerentsika ny Eksodosy 33:18, 19, rehefa nilaza tamin'Andriamanitra I Mosesy hoe, *"18 Ary hoy Mosesy: Mba ampahitao ny voninahitrao aho. 19 Fa hoy kosa Jehovah: Izaho hampandalo ny fahatsarako rehetra eo anatrehanao ..."*

Ny voninahitr'Andriamanitra dia ny Toeny, izay asehon'ny fitiavana sy ny fahamoram-panahy. Ny fahamoram-panahy dia tsy inona fa ny fitiavana izay manampy eo amperin'asa. Manampy antsika izany hahatakatra ny fanambaran'I Jesosy hoe efa nomeny antsika ny voninahitr'Andriamanitra mba ahatonga antsika ho iray Aminy. Ny fepetra takiana mialoha manan-danja indrindra ho amin'ny mahiray dia ny fitia mifamaly ombam-panajana sy fifampitokisana. Ny fomba fiasan'Andriamanitra ho amin'ny iraka dia ny fitiavana ny

taranak'olombelona amin'ny alalantsika, izay antsoina hoe fitia *agape*, ilay fitiavan'Andriamanitra. Izany no karazana fitiavana izay irin'Andriamanitra zaraina amin'ny alalantsika.

Nisy zavatra voamarika voalaza momba ny fiangonana voalohany, taorian'ny nandrotsahana ny Fanahy Masina: *"31 Ary rehefa nivavaka izy, ... dia feno ny Fanahy Masina izy rehetra ka nitory ny tenin'Andriamanitra tamin'ny fahasahiana. 32 Ary niray fo sy fanahy ny olona rehetra izay nino; ... 33 Ary tamin'ny hery be no nanambaran'ny Apostoly ny nitsanganan'i Jesosy Tompo; ary fahasoavana be no tao amin'izy rehetra." (Asa 4:31-33)*

**NY MAHIRAY DIA TSY VOATERY HO FITOVIZANA**

Ny mahiray dia firaisan'ny saina, ny tanjona ary ny antony manosika. Mbola voahazona anefa ny maha-izy ny tsirairay ao anatin'izany. Tsy manafoana ny maha-izy antsika izany. Tsy inona izany fa ny mahiray ny olona samy hafa sy manana toetra samy hafa. Ary izay indrindra no mahatalanjona: ny mahiray ireo olona samy hafa.

Hoy Ellen White: "Ny fijoroana vavolombelona matanjaka indrindra ny amin'ny nanirahan'Andriamanitra ny Zananilahy eto amin'izao tontolo izao, dia ny fisian'ny firindrana sy firaisana eo amin'ny olona avy amin'ny sehatra samy hafa izay mandrafitra ny Fiangonany. …

… Mijery mba hahita ireo tsy mpino, raha toa ka manana hery miasa mangina manamasina eo amin'ny fiainan'ireo izay milaza ny fiainany ho Kristiana ny finoana."[130] Hoy ny nosoratany any amin'ny boky hafa: "Ny fiovan'ny toetra [eo amin'ny mpianatra] no

[130] Ellen G. White, *The Acts of the Apostles,* pp. 549, 550.

vavolombelon'ny fitoeran'I Kristy ao anaty, eo anatrehan'izao tontolo izao."[131]

## AHOANA NO AHAFAHANA MANATRATRA NY MAHIRAY?

Tanteraka ny mahiray ireo mpianatra amin'ny alalan'I Kristy velona ao anatin'izy ireo, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Hoy Jesosy,

- *Jaona 17:21, "mba ho iray ihany izy rehetra, ... mba ho ao amintsika koa izy"*
- *Jaona 17:23, "Izaho ao aminy, ary Hianao ato amiko"*
- *Jaona 15:4, "Tomoera amiko ary Izaho aminareo."*

Toy izao no fanazavan'ny Apostoly Paoly izany,

- *Kolosiana 1:27 "dia Kristy ao anatinareo, Izay fanantenana ny voninahitra"*
- *Galatiana 2:20, "ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko"*

Noho izany dia azo tanterahina ny mahiray rehefa ao anatinao sy ao anatiko I Kristy. Tsy azo tanterahina izany raha tsy fenoin'ny Fanahy Masina isika. Mody miseho ho "mahafinaritra" amin'ny hafa fotsiny isika. Hoy ny nosoratan'I Ellen White: "Tokony hokatsahintsika amin-kafanampo indrindra ny ho iray saina, iray tanjona. Ny batisan'ny Fanahy Masina irery ihany no afaka hitondra antsika amin'izany toerana izany. Andeha isika, amin'ny alalan'ny fandavana ny tena, hanomana ny fontsika handray ny Fanahy Masina mba hanatanterahana asa lehibe ho antsika …"[132]

---

[131] Ellen G. White, Prophets and Kings, p. 233.
[132] Ellen G. White, *Ye Shall Receive Power,* November 5; p. 318.

Toy izao no nosoratany any toeran-kafa: “Rehefa iray ao amin’ny firaisan’ny Fanahy ny vahoakan’Andriamanitra, dia ho voahaisotra hiala ao amin’ny fo rehetra ny toe-tsain’ny Fariseo rehetra, ny fanamarinan-tena rehetra, izay ota teo amin’ny firenena Jiosy. Vonona hamolavola ny mambran’ny Tenan’I Kristy tsirairay ny lasitra, ary dia ho siny vaovao izay ahafahany mandraraka divay vaovao ireo Olony, ary tsy hampitriatra ny siny ilay divay vaovao. Hampahafantatra ilay zava-miafina voafina hatry ny fahagola Andriamanitra. Hampahafantatra ireo *‘haren'ny voninahitr'ity zava-niafina ity any amin'ny jentilisa, dia Kristy ao anatinareo, Izay fanantenana ny voninahitra’ (Kolosiana 1:27)* Andriamanitra.”[133]

## NAHITA FIRAISAN-KINA IZY IREO

Fanandramana hitanay tamin’ny toerana hafa tao amin’ny distrikanay ity fanandramana faharoa ity. Hoy ilay Pasitora nodimbiasako, “Mila mahery tokoa ianao amin’io fiangonana io satria handeha amina toerana feno vanja ianao!” Vetivety dia tsapanay fa ambony be ny herin’aratra. Nisy ady, fisaraham-bazana, ratram-po, ary tsy fifamelan-keloka tao. Nameno rahona mainty ilay fiombonana manontolo ny fipoahan’ny fihetseham-po tsy voafehy sy ireo fifamelezan’ny tsirairay. Nampalahelo ny nahita fa voageja anatina tranon-kalan’ny tsy fifamelan-keloka ireo mambran’ny fiangonana ary tsy nahatsapa akory hoe tsy ho vitan’izy ireo amin’ny herin’ny tenany ny hiala amin’izany. Rehefa voatsangana ireo vondrona an-tokantrano dia nozaraina tamin’ireo vondrona ireo mba hodinihana ny boky *Dingana ho amin’ny Fifohazana ho an’ny Tena Manokana.* Nankasitraka sy namaly tam-pifaliana ny fandinihana izany ireto mambra.

Nanomboka nanatanteraka ny 10 androm-bavaka sy fifadian-kanina ihany koa ireo mambra tsirairay. (*10 Androm-bavaka sy Fibanjinana ho amin’ny Fanandramana ny Batisan’ny Fanahy*

---

[133] Ellen G. White, *Selected Messages,* book 1, p. 386.

*Masina* nosoratan'I Dennis Smith) Farany dia nisy faniriana hiara-hanatanteraka izany tao am-piangonana. Nanomboka ny fivoriam-bavaka isa-maraina tamin'ny efatra ora. Tsy betsaka ireo mpandray anjara tamin'ny voalohany, nihanitombo tsikelikely anefa izany ary nisy rivo-panahy nahafinaritra, feno fiadanana sy araka ny fanahy tao. Azo notsapain-tanana ny fiasan'Andriamanitra. Nanomana ny fiangonana tamin'ny fomba mahagaga, tamin'ilay dingana farany izay tena sarotra taminy Andriamanitra: ny dingan'ny famelan-keloka marina. Rava ny manda ary nanomboka nifandimby nangataka famelan-keloka am-pahibemaso ny tsirairay. Nandefa resaka mivantana tamin'izay olona niadivany ny sasany ary nangataka famelan-keloka. Nifamihina izy ireo. Nirotsaka ny ranomaso. Lasa nahitana hasambarana indray ireo endrika nalahelo ary niverina tao am-pon'izy ireo ny fitiavana. Mahagaga mandrakariva ny mahita sy ny manao izany fanandramana izany. Andriamanitra irery no afaka hitari-dalana ny olona amin'ny alalan'ny Fanahiny Masina. Misy fanantenana ao amin'ireo toerana feno vanja!

Pastor F.H. sy ny vadiny, #85b

## FISAINTSAINANA MANOKANA SY TARI-DALANA HIFANAKALOZAN-KEVITRA

*1. Inona no hevitr'ilay hoe "mahasarika"?Inona no atao hoe finoana mahasarika?*

*2. Aiza ao amin'ny Baiboly no ahitantsika an'io finoana mahasarika io?*

*3. Ahoana no fisehon'io karazana finoana io eo amin'ny fiainana andavanandro?*

*4. Inona avy ireo zavatra fantatry ny olona rehefa mahita ny firaisan-kinan'ny mpino izy ireo?*

## FOTOAM-BAVAKA ATAONTSIKA

*Antsoy ilay namana mpiara-mitolona am-bavaka aminao ary mifanakaloza hevitra momba ny lohahevitra.*
*Miaraha mivavaka aminy:*
*1. Mba hananana finoana mahasarika, izay fitahiana ho antsika ary mba ahafahantsika ho fitahiana ho an'ny hafa.*
*2. Mba hisokafan'ny maso ka hahatsapana fa io finoana mahasarika io no tsy ampy eo amin'ny fiainana andavanandro.*
*3. Mba hitarihan'Andriamanitra antsika sy hanomezany hery hanampiana antsika hanome toerana misimisy kokoa ho amin'io finoana manintona io.*
*4. Mba hahatonga ny finoanao hampahery ny hafa hisokatra amin'ny fiasan'Andriamanitra.*
*5. Mba hiveloman'I Kristy ao anatintsika sy hahatonga Azy ho hita maso bebe kokoa.*

## Inona no fiovana niseho tao anatintsika izay ahatonga antsika ho vavolombelona? Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ny fifohazana tosika ny famitana iraka?

### AHOANA NO HIVELOMAN'I KRISTY AO ANATIKO?

Hitantsika ao amin'ny Efesiana 3:16, 17 ny fanazavana izany: "*16 mba homeny anareo, araka ny haren'ny voninahiny, ny mba hohatanjahina fatratra amin'ny Fanahiny ny toe-panahinareo; 17 mba hitoeran'i Kristy ao am-ponareo amin'ny finoana, ka hamaka sy hiorina mafy amin'ny fitiavana ianareo".* Araka ny hitantsika tany aloha, dia mivelona ao anatintsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina I Kristy. Koa satria "*havaozina isan'andro isan'andro" (2 Korintiana 4:16)* ny toe-panahintsika, dia zava-dehibe ny hanavaozana ny fanoloran-tenantsika amin'I Jesosy isa-maraina sy ny hangatahintsika Aminy am-pinoana – amin'ny alalan'ny fitakiana ny teny fikasana toy ny Lioka 11:13 – ahatonga antsika ho fenon'ny Fanahy Masina.[134] Ny mahiray ireo olona ao amin'I Kristy dia mahatonga ireo mpianatra hifandray ety kokoa. Noho izany, ny maha "ao amin'I Kristy" antsika no fototra iorenan'ny mahiray.

"Ny mahiray sy ny firaisan-kina dia fanomezana izay omena ireo mpino an'I Kristy amin'ny alalan'ny fivelomany ao anatin'izy ireo [Jaona 17:22, 23]. … Noho izany dia manomboka amin'ny tsirairay ny mahiray."[135]

---

[134] Lioka 11 :13 « 13 Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy?"

[135] *Adult Bible Study Guide,* November 21, 2012.

## INONA NO FIANTRAIKAN'NY HOE "JESOSY VELONA AO ANATINTSIKA" AMINTSIKA?

Misy fiantraikany lehibe telo avy amin'ilay hoe "Jesosy mivelona ao anatintsika": ny vokatry ny fanahy, ireo fanomezam-pahasoavana, ary ny fahafahana mijoro vavolombelona.

Zava-dehibe amin'ny fahombiazan'ny fiombonana ny vokatry ny Fanahy sy ireo fanomezam-pahasoavana. Ary ireo lafiny roa ireo dia manana hery miasa mangina lehibe amin'ilay lafiny fahatelo: ny fijoroantsika ho vavolombelona momba an'I Jesosy. Ny fanovana antsika manokana no fepetra takiana mialohan'ny fijoroantsika ho vavolombelona sy ny mahiray antsika amin'ny mahampianatra. Ampiasain'ny Tompo ny fitondran-tena vokatr'izany mba hisarihana ireo olona tsy mahalala ny famonjena sy hahatonga antsika ho afaka hijoro vavolombelona. Amin'ny alalan'ny fijoroantsika ho vavolombelona dia lasa mpiara-miasa amin'I Jesosy isika, satria efa tonga Izy "*hitady sy hamonjy ny very" (Lioka 19:10).*

Andeha hojerentsika akaiky ireo lafin-javatra telo ireo:

**1. Ny vokatry ny Fanahy.** *"22 Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, 23 fahalemem-panahy, fahononam-po …" (Galatiana 5:22, 23)* Samy manana anjara asa manan-danja eo amin'ny fiainantsika andavanandro ireo toetra rehetra ireo. Fepetra takiana mialoha manan-danja ireo mba hisian'ny firaisan-kina eo anivon'ny fanambadiana sy ny ankohonana, eo amin'ny vondron'ny mpianatra, ao amin'ny fiangonana sy amin'ny asa fanompoana.

Miresaka ny amin'ny maha-zava-dehibe amin'ny ankapobeny ny vokatry ny Fanahy iray I Paoly, dia fisehoan'ny mahaizy an'Andriamanitra ao anatintsika. Toy izao no fivakin'ny Efesiana 3:17, *"17 mba hitoeran'i Kristy ao am-ponareo amin'ny finoana, ka hamaka sy hiorina mafy amin'ny fitiavana ianareo."* Ny fitiavana no

vokatry ny Fanahy izay resahiny eto. *Agape* no hiantsoana izany amin'ny teny Grika. Maha-izy an'Andriamanitra io fitiavana io. Fitiavana tsy misy fitiavan-tena io, izay mikatsaka ny tsara indrindra ho an'Andriamanitra sy ho an'ny olona. Toy izao manaraka izao ny fanazavan'I Eva von Tiele-Winckler ny vokatr'io fitiavan'Andriamanitra io:

- Miravoravo amin'ny fitiavana ny fifaliana.
- Mitsahatra ao amin'ny fitiavana ny fiadanana.
- Manohana ny fitiavana ny fahari-po.
- Ny halemem-panahy dia fitiavana mamiratra.
- Ny hamoram-panahy dia fitiavana manampy.
- Ny finoana dia fitiavana mitoky.
- Ny fahatsorana dia fitiavana tsy manan-tsiny.
- Ny fahadiovam-pitondrantena dia fitiavana madio.

Heveriko fa miharihary fa ny vokatr'ireo toetra avy amin'ny Fanahy ireo dia ny fitiavana. Izay no mahatonga azy maneho ilay vokatra ho iray (singulier) fa tsy maro (pluriel). Hoy Ellen White ny amin'ireo toetra ireo: "Ny fiovan'ny toetra no vavolombelon'ny fitoeran'I Kristy ao anaty."[136]

**2. Ireo fanomezam-pahasoavana avy amin'ny Fanahy.** Ny fandraisana ireo fanomezam-pahasoavana avy amin'ny Fanahy no vokany manan-danja hafa avy amin'ilay hoe "Jesosy ao anatintsika". Nanome antsika talenta samy hafa Andriamanitra. Ao amin'ny 1 Korintiana 12 dia ampitahain'I Paoly amin'ny vatatenan'ny olombelona ny fiangonana, izay midika ho fivondronan'olona maromaro. Ahitana taova maro samy hafa ao anatin'ny vatana. Zava-dehibe ho an'ny aina sy ny fahasalamana ny fiasan'ny taova tsirairay araka ny tokony ho izy. Maneho izany fa adidintsika ny mifanompo amin'ireo talentantsika samy hafa sy ny mitondra anjara biriky

[136] Ellen G. White, *Prophets and Kings,* p. 233.

amin'ny fahombiazana ankapobenin'ny fianakaviana, ny vondrona, ary ny fiangonana. Samy nanankinana anjara asa samy hafa ny tsirairay. Nanome antsika fahaiza-manao samy hafa Andriamanitra.

Tsy hoe ireo voalazan'ireo lisitra ao amin'ny Testamenta Vaovao ihany tsy akory no fanomezam-pahasoavana. Mbola betsaka lavitra ireo fanomezam-pahasoavana tao amin'ny fiangonana voalohany ; ary vao maika misy fanomezam-pahasoavana fanampiny amin'izao vanin'andro moderna izao.

| **Fanomezam-pahasoavan'ny fitenenana** | **Fanomezam-pahasoavan'ny fahagagana** | **Fanomezam-pahasoavan'ny fanompoana** |
|---|---|---|
| Teny fahendrena *1 Korintiana 12:8* | Finoana *1 Korintiana 12:9* | Fanomezam-pahasoavan'ny fitarihana *Romana 12:8; 1 Korintiana 12:28* |
| Teny fahalalana *1 Korintiana 12:8* | Fanomezam-pahasoavan'ny fanasitranana *1 Korintiana 12:9,28* | Fanompoana Ankapobeny *Romana 12:7* |
| Teny faminaniana *1 Korintiana 12:10, 28; Romana 12:7* | Fiteny tsy fantatra *1 Korintiana 12:10,28* | Fanomezam-pahasoavan'ny fanampiana *1 Korintiana 12:28* |
| Fanomezam-pahasoavan'ny Fampianarana *1 Korintiana 12:28 ; Romana 12:7; Efesiana 4:11* | Fandikana fiteny tsy fantatra *1 Korintiana 12:10,30* | Manome *Romana 12:8* |

| | | |
|---|---|---|
| Fanomezam-pahasoavan'ny Evanjelista *Efesiana 4:11* | Mahafantatra fanahy samy hafa *1 Korintiana 12:10* | Fanomezam-pahasoavan'ny famindram-po *Romana 12:8* |
| Fanomezam-pahasoavan'ny Apostoly *1 Korintiana 12:28; Efesiana 4:11* | Hery manao fahagagana *1 Korintiana 12:10,28* | Fanomezam-pahasoavan'ny fampiantranoam-bahiny *1 Petera 4:9* |
| Fanomezam-pahasoavan'ny Fananarana *Romana 12:8* | | Fanomezam-pahasoavan'ny mpiandry *Efesiana 4:11* |

Johannes Mager, *Auf den Spuren des Heiligen Geistes* (Lüneburg: Advent-Verlag, 1999), S. 121.

Iankinan'ny aina tokoa ny hisehoan'ireo singa roa ireo – dia ny vokatry ny Fanahy sy ny fanomezam-pahasoavana avy amin'ny Fanahy – eo amin'ny maha-izy antsika sy amin'ny alalan'ny fitenintsika, ny fihetseham-pontsika, ny fisainantsika, ary ireo hetsika ataontsika. Fomba tokana ihany no hampisy izany. Mila fenoin'ny Fanahy Masina isika.

Ny lafiny fototra hananantsika fiainana ao amin'ny Fanahy Masina dia ny fivavahana isan'andro ho amin'ny fanoloran-tena tanteraka amin'Andriamanitra sy ny fangatahana am-pinoana mba ho fenon'ny Fanahy Masina. Santionany amin'ny vavaka toy izany no hita ao amin'ny boky *Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana,* pejy 144. Nilaza fanandramana tamiko izay manazava ny vokatr'io karazam-bavaka io ny mpamaky. Avy any Rheinland, Alemaina, ity anankiray ity: "Nandalo fanandramana mampitolagaga izahay. Maro ireo rahalahy sy anabavy izay nanao ilay santionan'ny vavaka [avy ao amin'ny *Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny*

*Tena Manokana, pejy 144]* sy niara-nivavaka tamina namana nandritra ny dimy volana. Tsy vitan'ny hoe mihatsara ny fiainan'ny tsirairay, fa ny ao an-tokantrano ihany koa, ny eo amin'ny fifandraisana, ny fanambadiana, eo amin'ny lafiny ara-panahy, ao am-piangonana. Tsy amin'ny fomba miezinezina anefa no isehoan'izany fa kosa mangingina ary mandeha ho azy. Mitolagaga isika ary mahita amin'izay ireo dingana fanamboarana ataon'Andriamanitra, izay mahatonga ny fiainana ho mora kokoa, satria miha-tsapantsika misimisy kokoa ny fanatrehan'Andriamanitra."

Hitanao ve ny fanehoan'io fijoroana vavolombelona io fa ilay "Kristy ao anatintsika" amin'ny alalan'ny Fanahy Masina dia misy vokany tsara eo amin'ny firaisantsika?

Toy izao no tohin'ny tatitra: "Nisy anabavy iray nilaza tamiko vao tsy ela: 'Toy izao no noeritreretiko an-tsaina mandrakariva ny amin'ny hoe fiainana tsara sy mahafinaritra miaraka amin'Andriamanitra, kanefa be loatra ireo zava-tsarotra nanembatsembana. Tanteraka ihany anefa ny nofiko ny farany. Ary mbola vao fiandohana fotsiny izao!"[137] Nahita ny atao hoe finoana mahasarika io anabavy io.

**3. Mijoro vavolombelona ho an'I Jesosy.** *"8 Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany."(Asa 1:8)* Nilaza tamin'ireo mpianatra Jesosy fa hahazo fahefana ny ho Vavolombelony izy ireo amin'ny alalan'ny Fanahy Masina.

Rehefa fenon'ny Fanahy Masina isika dia hanao fanandraman'ny fifohazana sy fanavaozana ara-panahy. **Inona no atao hoe fifohazana?** Hoy ny fanazavan'I Dennis Smith: "Izany dia fotoana izay hihavaozan'ny fiainan'ny Kristiana iray ao amin'I

---

[137] E-mail message sent to H. Haubeil on December 18, 2012.

Jesosy. Mameno ny fony ny fifalian'ny famonjena; ary manomboka mirehitra ao anatiny ny faniriana famonjena ho an'ny hafa. Midika izany fa maniry fatratra ny hamonjena ny hafa isika amin'ny maha Kristiana mifoha antsika."[138]

Hoy Ellen White: "Raha tsy eo ny fanatrehan'ny Fanahin'Andriamanitra dia tsy hisy fo voakasika, na mpanota ho azo babo ho an'I Kristy. Rehefa tafaray amin'I Kristy ireo Mpianany, ary rehefa azy ireo ny fanomezam-pahasoavana avy amin'ny Fanahy, na dia ny mahantra indrindra sy ny tsy manam-pahalalana indrindra amin'izy ireo aza dia hanana hery hanohina ny fo. Ataon'Andriamanitra fantsona hisehoan'ny asan'ilay hery miasa mangina ambony indrindra eto amin'izao tontolo rehetra izao izy ireo."[139]

Mitantara fanandramana mahagaga iray ilay mpitoriteny evanjelista fanta-daza momba ny fifohazana, R. A. Torrey. Nisy Pasitora vehivavy izay tena kalaza iray niresaka tamin'ny lehilahy iray momba ny famonjena nandritra ny ora roa ary tsy naharesy lahatra ity farany. Noho izany, nangatahany I Torrey mba hiresaka aminy. Taorian'ny folo minitra dia nandray fanapahan-kevitra tsara ilay lehilahy. Tsy nahateny ilay vehivavy satria toko sy andininy mitovy amin'ny nampiasainy ihany no nampiasain'I Torrey. Toy izao manaraka izao no fanazavan'I Torrey: "Koa satria tsy naharesy doika azy izy, dia natahotra aho sao toy izany koa no hiseho amiko. Noho izany, nangataka tamin'Andriamanitra tao anatin'ny maha-malemy ahy aho mba hanatanterahan'ny Fanahy Masina an'io asa io – ary dia nanao izany Izy."[140]

## MITARIKA HO AMIN'NY IRAKA NY FIFOHAZANA

138 Dennis Smith, *40 Days: Prayers and Devotions to Revive Your Experience With God,* book 2, Day 6; p. 24.
139 Ellen G. White, *Ye Shall Receive Power,* October 25; p. 307.
140 R. A. Torrey, *Der Heilige Geist* (Frankfurt/Main: 1966), S. 37, 38; a short summary.

“Tsy afaka ny hitondra ity hafatra ity amin-kery izy ireo, raha tsy mandray ny Fanahy Masina. Tsy afaka hahatsapa ny zavatra azon'Andriamanitra atao amin'ny alalany izy ireo raha tsy mandray ny Fanahy.”[141] Ny fikasan'Andriamanitra dia ny hahavoasarika ny olona amin'ny fitondran-tenantsika manokana sy ny firaisantsika feno fifankatiavana. Tena marina izany, indrindra eo amin'ny zanantsika, ny tanorantsika, ireo fianakaviantsika, nefa ihany koa amin'ireo havantsika, ireo olona mifanerasera amintsika, ireo mpiray tanàna, ireo mpiara-miasa, ireo namana, ary ireo olona tsy fantatra izay mifanena amintsika. Lasa voatohina amin'ny finoantsika ny olona, ary afaka mitarika ny olona ho eo amintsika Andriamanitra.

Maneho amintsika ny hery miasa mangina matanjaka mety hananan'ny fitondran-tenantsika ireto teny manaraka ireto: “Raha mampietry ny tenantsika eo anatrehan'Andriamanitra isika, ary malemy fanahy sy mahalala fomba sy mora fanahy ary mihevitra ny hafa, dia hisy fiovam-po zato ho amin'ny fahamarinana eny amin'izay tsy misy afa-tsy anankiray ankehitriny.”[142]

Tsy maintsy eo anefa ny Fanahy Masina hahatanteraka izany. Misarika ny fahalianan'ny Pasitora amin'izao manaraka izao I Ellen White: “Tsy afaka maneho ireo fahamarinana lehibe sy be voninahitry ny Tenin'Andriamanitra masina izy ireo [ny mambran'ny fiangonana], fahamarinana izay handresy lahatra sy hanova fo ireo fanahy amin'ny alalan'ny fiasan'ny Fanahy Masina. Miandry ny fangatahany sy ny fandraisany azy ny herin'Andriamanitra.”[143]

## AHOANA NO HIHAZONANA NY FIFOHAZAM-PANAHY HITOHY?

---

[141] Ellen G. White, *Ye Shall Receive Power,* October 4; p. 286.
[142] Ellen G. White, *Testimonies for the Church* (Nampa, ID: Pacific Press Publishing Association, 2002), 9:189.
[143] Ellen G. White, *Testimonies to Ministers and Gospel Workers,* p. 175.

Nisy fifohazam-panahy niseho tao amin'ireo andrim-pitondrana Advantista tany Battle Creek, Michigan, ny taona 1893. Vetivety dia nihalefy anefa izany. Nanome lesona an'I Ellen White momba ny anton'izany Andriamanitra. Hoy izy: "Raha mba nandeha niasa indray mandeha nampita tamin'ny hafa ny zavatra izay nomen'Andriamanitra azy ireo ho amin'izany tanjona izany indrindra moa ireo fanahy maro, dia ho fahazavana betsaka kokoa no ho nomena, hery betsaka kokoa no ho nirotsaka."[144]

Mahazo fahazavana sy hery betsaka kokoa isika amin'ny alalan'ny fanapariahana ny Filazantsara. Rehefa miraharaha ny hafa isika dia misy fiantraikany sarobidy izay miverina eo amin'ny fiainantsika izany. Izany no mahazava-dehibe tokoa ny famporisihana ny olona hanao vavaka fanelanelanana ho an'ireo olona mbola tsy voakasika mandritra ny 40 androm-piankohofana."[145]

## AIZA NO TOKONY HANOMBOKA NY FANATANTERAHANTSIKA NY IRAKA?

Nolazain'I Jesosy tamin'ireo Mpianany hoe aiza no tokony hanombohany ny fanatanterahany ny iraka: tokony hanomboka eo amin'ny toerana misy azy izy ireo. Midika izany ho antsika fa tokony hanomboka ao an-tokantrano isika, eo amin'izay ahafantaran'ny olona antsika. Nahoana no toy izany ny drafitr'I Jesosy? Eo amin'ny toerana izay ahafantaran'ny olona antsika no hanekena ny fijoroana vavolombelona ataontsika raha toa ka miaraka amina fitondran-tena feno fitiavana mifanaraka aminy izany. Ny fijoroana ho vavolombelon'ny fiainantsika dia mila mifanaraka amin'ny fijoroana ho vavolombelona ataon'ny vavantsika. Hita ao an-tokantrano tokoa raha toa isika ka fenon'ny Fanahy Masina.

---

[144] Ellen G. White, *Selected Messages,* book 1; p. 129.
[145] See Dennis Smith, *40 Days,* books 1 and 2, Introduction.

**INONA NO MAHA ZAVA-DEHIBE ILAY DIDY VAOVAO NOMEN'I JESOSY?**

Hoy Jesosy ao amin'ny Jaona 13:34, 35 :*"34 Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo; eny, aoka ho tahaka ny fitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa. 35 Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro ianareo, raha mifankatia."*

Ny fiainana fenoin'ny Fanahy dia mitarika ho amina vokatry ny Fanahy manan-danja lalindalina kokoa, dia ny fahatsoram-po. Toetsain'I Jesosy ny fahatsoram-po ary tena ilaina mba hampiombona tsara. Izany no mahatonga an'I Jesosy nanome an'io didy vaovao io vao vita ny fanasany ny tongotr'ireo mpianany. Fanehoana ny fahatsoram-po ilay fanasana ny tongotra.

Tsy toetry ny olona araka an'izao tontolo izao ny fahatsoram-po. Afaka mangataka isan'andro amin'Andriamanitra anefa isika, mba hananantsika fahatsoram-po, amin'ny alalan'ny fitakiana ireo teny fikasana toy ny Mika 6:8.

Toetra tena manan-danja ny fahatsoram-po ho an'ny olona fenon'ny Fanahy, izay matetika no voatsara vilana. Ao amin'ilay didy vaovao Jesosy dia miresaka ny amin'ny hifankatiavan'ny tsirairay, "toy ny nitiavako anareo." Tia antsika amin'ny fitiavana avy any ambony Jesosy. *Agape* no hiantsoantsika an'io karazam-pitiavana io, izay teny Grika ho an'ny fitiavana avy any ambony. Tsy afaka hanana an'io fitiavana io isika raha tsy fenoin'ny Fanahy Masina. Hoy ny nosoratan'I Paoly, *"... , satria ny Fanahy Masina, Izay nomena antsika, no nentiny nampidina ny fitiavan'Andriamanitra* ho ao ampontsika." (Romana 5:5)* "Ny fitiavana faratampony an'Andriamanitra sy ny fitiavana tsy misy fitiavan-tena ny hafa – izany no fanomezana tsara indrindra azon'ilay Raintsika izay any andanitra harotsaka. Tsy fahataitairana izany fitiavana izany, fa filamatra avy any ambony, hery maharitra. Tsy afaka hampisy na hamokatra

izany ny fo tsy mbola nanolo-tena. Ao amin’ny fo izay hanjakan’I Jesosy ihany no ahitana izany.”[146] Noho izany, ny fisian’ny fahatsoram-po dia resaka ahitana hoe eo amin’ny “seza fiandrianan’ny” fiainantsika ve Jesosy sa tsia. Avelantsika hitantana ny zava-drehetra eo amin’ny fiainantsika ve Izy? Efa nanolotra tanteraka ny fiainantsika ho Azy ve isika? Manamafy izany isan’andro ve isika?

## MANAO AHOANA NY AMIKO?

Manana finoana mahasarika ve aho? Mivelona ato anatiko ve Jesosy amin’ny alalan’ny Fanahy Masina? Raha eny, dia mila mikolokolo sy mitombo ao anatin’izany finoana mahasarika izany aho. Raha tsapako kosa anefa fa tsy mbola manana an’io finoana mahasarika io aho, dia tena mila miatrika an’io fanontaniana manan-danja io aho.

Misy fomba sasany izay manampy amin’ny fahitana an’io finoana mahasarika io (ho an’izay mbola tsy manana azy) sy ny fikolokoloana an’io finoana io (ho an’ireo izay efa manana azy) ao amin’ilay boky nosoratako *Dingana ho amin’ny Fifohazana ho an’ny Tena Manokana* sy ao amin’ilay boky nosoratan’I Dennis Smith *40 Andro –Fibanjinana sy Vavaka ho Fanomanana amin’ny Fiavian’ny Tompo Fanindroany.* Mifameno amin’ny fomba tsy takatry ny saina ireo boky roa ireo. Mamporisika anao amin’ny foko manontolo aho mba hamakianao ireo boky ireo – eny, mihoatra noho ny indray mandeha aza.

## AHOANA NO FIANTRAIKAN’NY TSY FAHAMPIAN’NY FANAHY MASINA EO AMIN’NY FIAINANTSIKA MANOKANA EO AMIN’NY OLONA HAFA?

[146] Ellen G. White, *The Acts of the Apostles,* p. 551.

Raha tsy ao anatintsika I Jesosy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, dia Kristiana araka ny nofo isika (jereo 1 Korintiana 3:1-3; Romana 8:1-17; Galatiana 5:16à. Tsy voavonjy isika raha mijanona eo amin'io toerana io (Romana 8:9). Mivelona amin'ny fahaiza-manao sy ny hery maha-olombelona fotsiny mantsy isika. Ny vokany dia ho lasa Kristiana araka ny nofo ihany koa ny fianakaviantsika sy ny zanatsika, miaraka amin'ireo voka-dratsiny mampanenina rehetra.[147] Aoka hotehirizintsika ao an-tsaina fa amin'ny alalan'ny Fanahy Masina irery ihany no ahafahan'ny fitiavan'Andriamanitra mitoetra ao am-pontsika. Hoy Ellen White, "Ireo izay tsy mbola nanandrana ny fitiavana manambitamby sy mambabon'I Kristy dia tsy afaka hitarika ny hafa ho eo amin'io loharanon'aina io. Fahefana manery io Fitiavany ao am-po io, izay mitarika ny olona haneho Azy eo amin'ny fifampiresahana, amin'ny saina malemy fanahy sy mifampihevitra, amin'ny fanandratana ny fiainan'ireo izay mifampikasoka aminy."[148]

Rehefa velona ao anatintsika I Jesosy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, dia hahatonga antsika ho afaka hijoro vavolombelona ho an'Andriamanitra amin'ny fomba mandeha ho azy tanteraka isika. *"fa avy amin'ny haben'ny ao am-po no itenenan'ny vava." (Matio 12:34)*

## HATRAIZA NY HASAROBIDIN'IO FINOANA MAHASARIKA IO?

Hitantsika ny mahasarobidy an'io finoana mahasarika io rehefa mijery ireo Kristiana isika, izay naleony niaritra fatiantoka, fanenjehana, very fananana, na maritiora aza, toy izay hiala amin'ny finoany. Inona no nahatonga azy ireny ho naharitra manoloana ireo zava-tsarotra mangidy ireo? Na dia mahita porofo aza isika fa fenon'ny Fanahy Masina izy ireo, dia tsy afaka hiteny amintsika ny

[147] See Helmut Haubeil, *Steps to Personal Revival,* pp. 36, 74, 76.
[148] Ellen G. White, *The Acts of the Apostles,* pp. 550, 551.

zavatra tsapany teo am-pialany aina ireo maritiora. Ny tatitra nataon'ny mpomba ny papa iray momba ny fahafatesan'I Hus sy I Jerome anefa dia manome famantarana manan-danja ho antsika. Mihiakiaka ny olona iray rehefa may. Nihira hira fiderana anefa ireo lehilahy anankiroa ireo. Tsy azo heverina ny toy izany raha tsy eo ny fanampian'Andriamanitra. Nanana fifaliana tena marina izy ireo na dia teo aza ny fanaintainany. "Na aiza na aiza anjakan' ny fanahiny, dia itoeran' ny fiadanana. Hisy fifaliana koa eo…"[149]

Ohatra mahavariana tokoa ny amin'ny fianakaviana Durant, "Huguenot" tany Frantsa izy ireo tamin'ny taon-jato fahavalo ambinifolo. Nohenjehin'ny fiangonana ireo Durant nohon'ny finoany ny Baiboly. Nandany efatra ambinifolo taona tany am-ponja ny raim-pianakaviana mialohan'ny namotsorana azy. Maty tany am-ponja ny renim-pianakaviana. Nohelohina sy novonoina ho faty ny zanakalahin'izy ireo dia I Pierre, izay mpitoriteny mafana fo. Voahazon-ko babo tao amin'ny tilikambo iray niaraka tamina vehivavy hafa ny zanakavavin'izy ireo antsoina hoe Marie. Tokony ho navotsotra izy raha toa ka nandà ny finoany izy saingy tsy nanaiky izy. Tamin'ny taona 1768 no navotsotra izy rehefa avy nigadra valo amby telopolo taona. Ny finoana ara-Baiboly dia finoana mahasarika ho an'I Marie Durant, ka tsy azony nialàna.[150]

## SANTIONANY AMIN'IREO AKONY GOAVANA TEO AMIN'NY ASA MISIONERA

Vonona ny hizaka ireo fatiantoka I Daniela sy ny namany rehefa nangataka sakafo hafa. Inona no nataon'Andriamanitra? Nitahy ny fankatoavan'izy ireo Izy. Tsara tarehy kokoa, salama kokoa, ary narani-tsaina mihoatra noho ny hafa izy ireo. Nahazo toerana ambony izy ireo. Haintsika ny tantaran'ireo naman'I Daniela tao amin'ny lafaoro mirehitra afo sy ny amin'ilay alina nitoeran'I Daniela tao an-

[149] Ellen G. White, *Ilay Fitiavana Mandresy,* t. 147.
[150] Taken from Wikipedia, "Marie Durant."

davaky ny liona. Zava-dehibe taminy mihoatra noho ny ainy ny finoany. Dia inona no vokany? Fanjakan-dehibe roa no afaka nandre ny fijoroana vavolombelona nataon'izy ireo tamin'ny teny sy ny asa momba ilay Andriamanitra marina. Nisy akony lehibe teo amin'ny famitana ny iraka ny ohatra nasehon'izy ireo.

Toy izany koa ny an'I Josefa tany Egypta. Nandà tsy hijangajanga izy. Naiditra am-ponja izy noho ny fanalam-baraka nataon'ny vadin'I Potifara. Nampiasa ny fahatokiany anefa Andriamanitra hahatonga ny fanjakan-dehibe iray manontolo hahafantatra ny amin'ilay Andriamanitra marina.

Tsaroanao ve ilay tovovavy kely izay niasa ho andevo tao an-tokantranon'I Namana? Nitarika ho amin'ny fiovam-po tanteraka teo amin'io komandy io ny fijoroana vavolombelona nataony tamin'ny teny sy ny asa. Resy lahatra aho fa tsy vitan'ny hoe nanaraka ilay Andriamanitra marina tam-pifaliana fotsiny I Namana fa nomeny fahafahana io tovovavy kely io ary nateriny tany an-tokantranony, sady nampombany fanomezana maro.

Ao amin'ny Matio 13:44-46 i Jesosy dia milaza ny amin'ny lehilahy iray izay nahita harena tao amin'ny saha iray. Tena sarobidy taminy tokoa io harena io, hany ka namidiny ny zavatra rehetra nananany ary novidiany ilay saha. Nafoiny ny zavatra rehetra ho an'ny fanjakan'ny lanitra – na araka ilay nosoritako tetsy ambony, ho an'ilay finoana mahasarika. Hitantsika ve ny maha-sarobidy an'io finoana io?

## FISAINTSAINANA FARANY

Hoy Ellen White, "Ireo izay mitoetra ao amin'I Jesosy dia ho sambatra, hiravoravo, ary hifaly ao amin'Andriamanitra."[151] Manome antsika sahady fiainana feno fifaliana, fandresena sy fahasambarana,

[151] Ellen G. White, *Testimonies for the Church* (Nampa, ID: Pacific Press Publishing Association, 2002), 4:626.

sy fanantenana mafy orina ny amin'ny fanjakan'Andriamanitra ny finoana mahasarika. Na dia amin'ny fotoan-tsarotra aza, raha mandeha amin'ny lohasaha maloka aza isika, dia mbola hahasarika ihany ny finoantsika amin'ny alalan'ny fanatrehan'Andriamanitra.

Amin'ny alalan'ny finoana mahasarika no ahafahantsika mitondra anjara biriky amin'ny fiombonana tsara, ka dia hirehitra kokoa ny fahalianan'ny olona hafa vokatry ny finoantsika.

Andriamanitra anie hanampy antsika hahatakatra amin'ny fahafenoany ny mahazava-dehibe ny mahiray! Hanampy antsika anie Izy amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina, miaraka amin'I Kristy ao anatintsika, hitombo ho tahaka an'I Kristy mba ahazoantsika fifaliana sy fitahiana, ary mba hisarihantsika ihany koa ireo havantsika sy namantsika. *"... fa ny fifaliana avy amin'i Jehovah no fiarovana mafy ho anareo." (Nehemia 8:10)* **"Raha tena sarin'I Kristy isika, dia hataontsika izay hisehoan'ny raharahany ho mahafinaritra, dia araka izay tena toetr'izany rahateo."**[152]

**Vavaka:** *"Rainay izay any an-danitra, misaotra Anao amin'ny foko manontolo aho fa hay ny fanarahako marina an'I Jesosy dia mitondra fiainana mampientanentana indrindra. Mba ampio aho hitoetra amin'ny fifandraisana ety amin'I Jesosy mandritra ny fiainako rehetra. Ampiasao ihany koa ny fiainako hitarika ireo havako sy ny olona hafa ho eo Aminy." Amen.*

[152] Ellen G. White, *Ny Dia ho eo amin'I Kristy, t*. 78.

## FISAINTSAINANA MANOKANA SY TARI-DALANA HIFANAKALOZAN-KEVITRA

*1. Inona avy ireo fakan'ilay hoe Kristy ao anatintsika?*

*2. Inona no atao hoe vokatry ny Fanahy?*

*3. Inona no atao hoe fanomezam-pahasoavana avy amin'ny Fanahy?*

*4. Inona no vokatra ateraky ny fifohazana eo amin'ny fiainantsika manokana? Ahoana no fiantraikan'izany eo amin'ny manodidina antsika? Ahoana no hamporisihan'izany antsika?*

*5. Inona avy ireo santionany hananantsika ao amin'ny Baiboly izay maneho fa misy zavatra goavana miseho, amin'ny alalan'ny fitokisana tsotra an'Andriamanitra?*

## FOTOAM-BAVAKA ATAONTSIKA

*Antsoy ilay namana mpiara-mitolona am-bavaka aminao ary mifanakaloza hevitra momba ny lohahevitra.*
*Miaraha mivavaka aminy:*
*1. Mba hanohy hitombo ao anatinao ny vokatry ny Fanahy.*
*2. Mba hananana fahaizana mamantatra ireo fanomezam-pahasoavana ka hampiasa ireny araka ny tokony ho izy.*
*3. Mba hananana fahasahiana sy fifaliana ho vavolombelon'I Kristy velona ao anatinao – amin'ny fiainanao, amin'ny teninao sy ny ataonao, izay tsy noho ny herinao, fa mipoitra kosa avy amin'ny finoana mahasarika.*
*4. Mba hananana fifaliana amin'ny fianarana ny Tenin'Andriamanitra, mba hanonon-tena sy hanana fahendrena.*

## FIJOROANA VAVOLOMBELONA

### Diarim-piovana taorian'ny Fanolorana ny tena

Tamin'ny fiandohan'ny taona 2014 dia nanohy nanontany tena aho, "Hilaza amiko ve Jesosy indray andro hoe: 'Tsy fantatro ianao'? Isan'ireo virijina adala ve aho?" Tsy zakako ny nisaina izany satria naniry hahazo ny fiainana mandrakizay avy amin'Andriamanitra aho, kanefa vokatr'ireo zavatra samihafa teo amin'ny fiainako, dia nanana fahatsapana ho meloka mandrakariva aho ary tsy nandia tamin'ny lala-marina mandrakariva.

Soa ihany fa nahita ireto boky roa ireto aho, "*Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana"* sy "*Mitoetra ao amin'I Jesosy"*. Rehefa avy namaky ireo voalohany indrindra aho dia nahatsapa fa misy zavatra tsy maintsy hovàna eo amin'ny fiainako. Novakiako im-be dia be ireo boky ireo mba hahazoako tsara ny zavatra rehetra. Fanampin'izay dia naheno ny fijoroana vavolombelona nataon'ny anabavy tia vavaka iray aho, izay lasa Kristiana araky ny Fanahy volana vitsivitsy talohan'io.

Fantatro sy azoko antoka ankehitriny fa "araka ny nofo" aho tamin'ny fiandohan'ny taona ary mety ho very mihitsy, satria mety ho nilaza tamiko Jesosy hoe, "tsy fantatro ianao."

Tamin'ny alalan'ny fanolorako ny tenako tanteraka tamin'I Jesosy dia afaka nanova ny fiainako tao anatin'ny iray volana monja Andriamanitra.

Ankehitriny dia mifoha amin'ny 4 ora sy sasany maraina aho mba hianatra ny Tenin'Andriamanitra. Tsy ho azo noheverina izany raha tamin'ny herin'ny tenako – zava-dehibe kokoa ho ahy ny torimaso. Lasa hafa ny fomba fivavako – toy ny olona izay feno ny Fanahy. Manontany ny Tompo aho isan'andro, ny amin'izay iriny hotanterahiko amin'io andro io. Ary dia mamaly Andriamanitra.

Manasa ny Fanahy Masina isan'andro aho mba honina sy hiasa ao am-poko. Manana fisainana mazava kokoa aho ary lasa miakanjo amin'ny fomba mampahazo aina ahy amin'ny maha "vehivavy" ahy.

Fanampin'izay, tsy mihinan-kanina isaky ny mihetsika intsony aho. Tsy ho azoko noheverina ny hanajanona izany raha tamin'ny herin'ny tenako. Afaka miatrika ireo fitakiana isan'andro am-piadanana betsaka kokoa aho, ary tsy manetsika ny kiboko harary intsony ny rarin-tsaina. Nahamarika fiovana teo amiko ihany koa ny vadiko taorian'ny telo herinandro. Hoy izy, "Tsy naranitra fiteny intsony ianao."

Rehefa mianatra Baiboly aho dia manana fanontaniana maro izay mipoitra tampoka, tsy mbola niainako mihitsy izany tany aloha. Maniry handinika izany lalindalina kokoa aho ankehitriny. Indraindray no nitarihan'ny Fanahy Masina ahy hijoro vavolombelona teo aloha. Miseho isan'andro izany ankehitriny. Tsy mila manomana laha-teny hotenenina akory aho. Omen'Andriamanitra ahy ny teny tokony lazaina satria fantany ilay olona hifampiresahako. Ary na dia mbola manota aza aho indraindray, dia homen'Andriamanitra fahazavan-tsaina aho hahita ireo ota. Afaka mibebaka aho ary miova lalan-kizorana.

Tsapako fa tsy afaka manao na inona na inona aho raha tsy teo Jesosy ary mila ny fanatrehan'I Kristy aho isaky ny indray mandingana. Tsapako ihany koa fa ny mifanohitra amin'ny fireharehana (na tsara manao ahoana aza aho, na tsara manao ahoana aza ny zavatra mety ho vitako) dia ny fanetren-tena, izay maneho amintsika fa raha tsy eo Jesosy dia tsy afaka manao ny tsara, na amin'ny inona na amin'ny inona isika.

Nomen'Andriamanitra ahy ihany koa ny hery hialana amin'ny fisotroana kafe. Tsy ho azo noheverina izany tany aloha, satria rehefa nanandrana niala tamin'ny fisotroana kafe aho dia narary an-doha be nandritra ny dimy andro. Famantarana mahery vaika ny

fialana izany. Tamin'ity indray mitoraka ity dia tsy nieritreritra akory ny amin'ireo ho vokatr'izany amiko aho. Ny hany fantatro dia tsy te hanao izany intsony aho. Tsy manana faniriana izany intsony aho ankehitriny.

Toy izany ihany koa ny fanandramako tamin'ny hena. Tsy mba naniry hifady tsy hihinan-kena izany mihitsy izaho sy ny ankohonako. Mora ho ahy anefa izany ankehitriny. Tsy manana faniriana izany intsony aho.

Ny kihon-dalana teo amin'ny fiainako dia ny faniriana lalina ny fiainana mandrakizay sy ny fahatsapana fa tsy misy zavatra hafa manan-danja kokoa noho ny Mpanavotra ahy, Kristy Jesosy, na inona na inona vokany.

Marina ny voalaza ao amin'ny Ezekiela 36:26, 27: Hanome antsika fo vaovao sy fanahy vaovao Jesosy. Iriny ny ahatonga antsika ho olona izay mitandrina ny Didiny. Nitolona tamina olana maro samy hafa aho am-polotaonany maro, very maina mandrakariva anefa izany. Tsy afaka nandresy ireny tamin'ny herin'ny tenako aho. Maniry ny hanatanteraka ny Sitrapony ao anatiko Jesosy, ary ny fahavononako ihany no ilainy.

Nilaza I Ellen White fa na iza na iza no miezaka manatratra ny lanitra amin'ny asan'ny tenany amin'ny alalan'ny fitandremana ny lalàna, dia miezaka manao zavatra tsy ho vita na oviana na oviana. Izay mihitsy no fanandramako nandritra ny dimy amby telopolo taona. Nanaiky ireo didy 10 tao an-tsaiko aho kanefa tsy afaka nitandrina azy ireny. Jesosy irery ihany no afaka nanatanteraka izay tsara tato anatiko. Manome antsika ny faniriana ho amin'ny zavatra tsara sy mahasalama Izy, ary esoriny ny faniriantsika ireo zava-manimba.

Afaka manamafy izay voalazan'ny Romana 8:14 aho ankehitriny: "*14 Fa izay tarihin'ny Fanahin'Andriamanitra no zanak'Andriamanitra."* Raha ny voalazan'io andininy io dia mila

mangataka isan'andro, isan'ora, tsy tapaka ny Fanahy Masina aho, mba hivelona sy hiasa ao anatiko – satria tsy matory ny devoly.

Hoy Jesosy ao amin'ny *Matio 10:37: "37 Izay tia ray na reny mihoatra noho ny fitiavany Ahy dia tsy miendrika ho Ahy, ary izay tia ny zananilahy na ny zananivavy mihoatra noho ny fitiavany Ahy dia tsy miendrika ho Ahy."* Nihevitra mandrakariva aho teo aloha hoe tsy mitombina izany. Fantatro ankehitriny fa rehefa mivelona ao am-poko Jesosy, dia miasa ao anatiko sy amin'ny alalako ilay Andriamanitra lehibe, ary afaka mandray an-tanana ny zanako sy ny fianakaviako tsara lavitra noho izay vitako Izy. Andriamanitra irery ihany no mahefa ny zavatra rehetra sy mahafantatra ny zavatra rehetra. Afaka mametraka ny fiainako eo am-pelatanany isan'andro am-pitokisana aho, ary dia ho araka ny tokony ho izy no hiahiany izany, araka ny Fahendreny sy ny Drafiny. M. M.

# PEJY FANAMPINY :

**Soso-Kevitra ho amin'ny Fandinihana Fanampiny:**

Soso-kevitra manan-danja : vakio imbetsaka ity boky ity. Ny fikarohana ara-panabeazana dia mampiseho fa ilaina ny mamaky na mandre lohahevitra hiankinan'ny aina iray eo amin'ny fiainantsika, inenina hatramin'ny impolo mialohan'ny hahatakarantsika izany amin'ny fahafenoany. Andramo izany. Haharesy lahatra anao ny vokatra. Rehefa mamerina mamaky boky iray imbetsaka aho dia sambany no ahatsapako eo amin'ny fiainako fahafaham-po avy amin'ny Fanahy Masina. Nandray fijoroana vavolombelona mirakitra fisaorana sy feno fientanentanana maro aho avy amin'ireo mpamaky momba ny fiainana mitombo amin'ny fahafenoan'ny Fanahy miaraka amin'I Jesosy. Ny ankamaroan'ireo dia avy amin'ny mpamaky izay namaky im-be dia be tsy tapaka ny boky.

**Fanandramana Vaovao ny amin'ny Fiainana fenon'ny Fanahy**

Hoy ny Tompo Jesosy, "*38 Izay mino Ahy, dia hisy onin'ny rano velona miboiboika avy ao an-kibony, araka ny voalazan'ny Soratra Masina. 39 Ary ny Fanahy, Izay efa horaisin'ny mino Azy, no nolazainy tamin'izany …"(Jaona 7:38, 39a)*

**Manana fangatahana manokana atao aminao aho :** Raha nanao fanandramana ny amin'ny fileferana tamin'I Jesosy sy ny fiainana miaraka amin'ny Fanahy Masina hianao, dia tena ankasitrahako hianao raha afaka mandefa fijoroana vavolombelona fohy amiko, Helmut Haubeil. Zava-dehibe tokoa ny ahafahantsika mizara fanandramana amin'ny tranon-kala *www.steps-to-personal-revival.info* na amin'ny taratasy sy gazetiboky. Araka ny fitsipika dia ny fanombohan'ny anarana ihany no hotononina. Tsarovy fa ny fanandramanao dia hampahatanjaka ny hafa hanomboka na hanohy hitombo eo amin'ny dia ataony amin'ny fahafenoan'ny Fanahy Masina mba hanolo-tena ho an'I Jesosy Kristy, ilay Mpamonjintsika mahagaga izay ho avy tsy ho ela.
Raha te hifandray:

Helmut Haubeil
Rosenheimerstraße 49
D-83043 Bad Aibling / Upper Bavaria
Email: helmut@haubeil.net
Tel. + 49- (0) 8061-4900 712
Fiteny: Alemana na Anglisy

BOKY 1 : www.steps-to-personal-revival.info

**DINGANA HO AMIN’NY FIFOHAZANA HO AN’NY TENA MANOKANA**

*Fenoin’ny Fanahy Masina*

**Ny Tompontsika mihitsy no nanome ny baiko**[1]

**Aoka hianareo ho fenon’ny fanahy vaovao tsy tapaka sy miverimberina !**[2]

1 Ellen G. White, Mount of Blessing, MB 20.3 (egwwritings.org)

2 Johannes Mager, Auf den Spuren des Heiligen Geistes (Lüneburg, 1999), S. 101

SASIN-TENY HO AN’IREO MPITARIKA SY HO MPITARIKA

MAMPITOMBO NY VOKATRA

TOKO 1 : NY FANOMEZANA SAROBIDY INDRINDRA OMEN’I JESOSY

Inona no nampianarin’i Jesosy momba ny Fanahy Masina ?
Fantatrao tsara ve ilay Hafatr’i Jesosy mahery vaika indrindra ?

TOKO 2 : INONA NO IVON’NY OLANTSIKA ?

Misy antony ara-panahy ve ao ambadiky ny olantsika ? Moa ve tsy ny tsy fahampian’ny Fanahy Masina no antony ?

Fa inona no tena olana amin’ilay hoe Kristiana araka ny nofo ?

TOKO 3 : AZO VAHANA IREO OLANTSIKA

Inona no vahaolana avy amin’Andriamanitra amin’ireo olantsika ?

Ahoana no ahafahantsika mitombo ho tonga Kristiana sambatra sy matanjaka ? Inona no hifandraisan'ny batisa sy ny Fanahy Masina ?

TOKO 4 : INONA NO FAHASAMIHAFANA AZONTSIKA ANTENAINA ?

Inona avy ireo tombony azontsika amin'ny fiainana miaraka amin'ny Fanahy Masina ?

Inona no fatiantoka ho antsika raha tsy mivavaka ho amin'ny Fanahy Masina isika ?

TOKO 5 : NY FANALAHIDIN'NY FANANDRAMANA AZO AMPIHARINA : MIVAVAKA ARAKA NY TENY FIKASANA

Ahoana no ahafahako mampihatra sy manao fanandramana ny vahaolana avy amin'Andriamanitra ho ahy ?

Ahoana no tokony ho fomba fivavako mba ahazoako antoka fa fenoin'ny Fanahy Masina aho ?

TOKO 6 : INONA NO FANANDRAMANA MIANDRY ANTSIKA ?

Fanandraman'ny tena manokana sy avy amina Fiangonana, Federasiona sy Fivondronam-be

TOKO 7 : FAHALIANANA SY FIZARANA

Ny Fifaliana izay omentsika dia miverina ao am-pontsika. (Ohabolana Alemana) Ahoana no hanampiako ny hafa hanao fanandraman'ny « Fiainana Be dia Be » (Jaona 10 :10) ?

Amin'ny fomba ahoana no hampitantsika ny hafatra ? Inona avy ireo fomba eo am-pelatanantsika ?

Mitondra fiangonana roa aho any Californie. Tamin'ny alalan'ny fihainoana an'i Pasitora Dwight Nelson (jereo etsy ambany) tamin'ny horonam-peo fanaony isan-kerinandro no nahafantarako voalohany momba ity boky nosoratanao ity. Niantraika tanteraka tamin'ny fanahiko teo no ho eo izany. Efa naheno na nahita boky hafa momba ny Fanahy Masina aho tany aloha, kanefa miaiky aho fa tsy dia niraharaha ireny teo aloha. Mino tanteraka aho fa noho ny antony samy hafa dia nisafidy izao fotoana izao Andriamanitra hanatrarana olona maro kokoa amin'ny Fanahy Masina. Ary tena faly aho fa nahita izany tamin'ny alalan'ny ezaka nataonao.

Zavatra iray izay azoko hijoroana vavolombelona aminao : Vao mamaky ny toko voalohany isika dia mahita amin'ny fomba tsotra fahamarinana tena mahery vaika izay miantso ny saintsika hijanona sy hiverina handinika. Ary tena mahomby ilay dingana famakiana ilay boky imbetsaka. Lasa niverina ho mahasarika indray tamin'ny olona rehetra ilay lohahevitra momba ny Fanahy Masina rehefa noresahiko, nifakalozako hevitra ary nitoriako ny votoatin'ilay boky. Toy ny hoe vao sambany no nahenoanay izany. Hitako eo amin'ny fiainako izany. Tsy niala teo amin'ny toko voalohany aho raha tsy efa nanao toriteny telo farafahakeliny momba ireo lohahevitra voaresaka ao anatiny. Tsy mahita fomba hafa hanazavana izany amin'ny fomba tsara kokoa aho, tsy nitsahatra namaky ilay boky anefa aho ary dia tsapa ny vokatra eo amin'ireo fiangonako. Nanaparitaka ny Tenin'Andriamanitra aho ary nahita fitomboana misongadina ny distrikako tamin'iny taon-dasa iny. Avy amin'Andriamanitra irery ihany izany, sy avy amin'ny fomba izay nampahatanjahan'ny Fanahy Masina ireo mambranay. Mbola manantena be lavitra izahay amin'ny taona ho avy ! Santionany, D.R. Jan. 2018

Pasitora Dwight Nelson, Pasitora mpitarika ny Fiangonana « Pioneer Memorial Church » ao amin'ny Andrews University, dia nilaza fa ity boky ity (Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana) dia « nanova ny tao anatiko. Tiako ny hanao izany aminao koa. »

Nanao andiana toriteny telo izy : « Ahoana no atao mba ho vita batisan'ny Fanahy Masina ? »

Nampiasa andalan-teny avy ao amin'ny « Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana » izy ary namporisika ny hamakiana izany. Izany no nahatonga olona an'arivony naka sy nanao komandy ny boky tamin'ny Aterineto. Hita ao amin'ny www.steps-to-personal-revival.info ny fijoroana vavolombelona nataony sy ireo toriteny telo.

# *Mitoetra ao amin'I Kristy*

## Mitoetra ao amin'i Jesosy

Filazantsaran'i Jaona toko 15:

Andininy 4, 5: *"4 Tomoera amiko ary Izaho aminareo. ... Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy ..."*
Maniry hanome antsika, amin'ny alalan'ny fiaraha-miasan'Andriamanitra sy ny olombelona, fiainana voatarika, mahomby ary feno fandresena Jesosy Tompontsika.

Andininy 7: *"7 Raha miray amiko ianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany."*
Hoentin'I Jesosy Tompontsika ho amin'ny dingana vaovao ny fiainam-bavakao.

Andininy 11: *"Izany zavatra izany dia efa nolazaiko taminareo, mba ho ao aminareo ny fifaliako, ka ho tanteraka ny fifalianareo."*
Ny fiainana anatin'ny fifandraisana ety amin'I Jesosy dia fiainana feno fifaliana lalina anaty.

**Ity boky ity dia maniry hampiseho anao ny fomba hanorenana sy hahalalina kokoa ny fifandraisana manokana miaraka amin'I Jesosy Kristy. Mahafinaritra tokoa izany hoe mitoky amin'I Jesosy izany.**

Ireo lohahevitra sarobidy sy azo ampiharina ao anatiny dia ahatonga anao ho afaka hampivelatra na hampisy fiainana misy heviny marina, maharitra ary mahery vaika miaraka aminy. Ho hitanao fa hitombo hihalalina sy hanan-karena betsaka kokoa ny fiainanao. Izany no fifandraisana tsara indrindra azo eritreretina. Ary – misy fiantraikany tsara eo amin'ireo fifandraisantsika hafa izany. Hoy ihany koa Jesosy aminao:

*Izaho avy mba hananany fiainana,*
*sady hananany be dia be.*

*Jaona 10:10*